
NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • APRILY 2014

# Liahona



## Fifaliana sy Fankasitrahana ho an'ny Mpamonjy izay nitsangana tamin'ny maty, pj. 16

Fomba Dimy Hanarahana ny Mpaminany, pj. 22

Fitahian'ny Fisoronana— ho an'ny rehetra, pj. 46, 50, 53, 54, 60



*"Mety hanadino ny zanany minono va ny vehivavy, ka tsy hamindra fo amin'ny zanaka naloaky ny kibony? Eny, mety manadino ihany izy, fa Izaho kosa tsy mba manadino anao.*

*"Indro, efa vitako tombo-kavatsa eo am-pelatànako hianao."*

Isaia 49:15–16.

# Liahona, Aprily 2014



16


## HAFATRA

**4 Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Vatofantsika Iray Miraikitra Mafy**
Nosoratan'ny Filoha
Dieter F. Uchtdorf

**7 Hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano: Ny Asa Masina Nanirahana an'i Jesoa Kristy: Mpamonjy sy Mpanavotra**

## LAHATSORATRA MANOKANA

**12 Tanan'ny Tompo Isika**
Nosoratan'i Neil K. Newell
*Asehon'ireo Olomasina avy any Brésil, Équateur, Philippines ary Russie ny dikan'ny hoe manompo ireo izay sahirana.*

**16 Mijoro ho Vavolombelona momba an'i Kristy Velona ireo Vavolombelona Manokana**
*Mijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.*

**22 Araho ny Mpaminany**
Nataon'ny Loholona
William R. Walker
*Tokony hianatra lesona dimy avy amin'ireo ohatra manokana nasehon'ny Filoha Thomas S. Monson isika.*

**26 Mpisava Lalana any amin'ny Tany Tsirairay: Philippines: Hery Ara-panahy eo amin'ireo Nosin-dranomasina**
*Na dia eo aza ireo loza ara-boajanahary sy olana ara-toekarena any Philippines dia Vavolombelon'ny fivoarana mahatalanjona any ireo Olomasina.*

**32 Mampiasa ny Drafitry ny Famonjena mba Hamaliana Fanontaniana**
Nosoratan'i LaRene Porter Gaunt
*Ny drafitry ny famonjena dia afaka manampy antsika hamaly ny sasany amin'ireo fanontaniana fototra mikasika ny fiainana.*

## DEPARTEMANTA

**8 Ireo Mpaminanin'ny Testamenta Taloha: Mosesy**

**10 Ny Tokantranontsika, ny Fianakaviantsika: Fito Andro Mandra-pahatonga ny Paska**

**36 Ny Feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**

**80 Mandra-pihaonantsika Indray: Mahita Fanantenana ao amin'ny Ho avy**
Nosoratan'i Stan Pugsley


**EO AMIN'NY FONONY**
Eo amin'ny Fonony: *Ilay fasana tao an-jaridaina,* nataon'i J. Kirk Richards, tsy azo adika. Eo amin'ny fonony aloha ao anatiny: Sary nataon'i John Luke.

HO AN'NY TANORA




**40 Raha Tsy Mibanjina Afa-tsy ny Voninahitro ny Masonareo**
Nosoratan'i Katherine Nelson sy i Heidi McConkie
*Mitaky zavatra bebe kokoa ankoatra ny fanaovana akanjo mifanaraka amin'ny tokony ho izy ny hoe olona maotina.*

**44 Toetoetran'ny Tanora mpitovo sy mpivady vao herotrerony: Fiovam-po sy Fahafoizan-tena any Finlande**
Nosoratan'i Melissa Zenteno



***Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity. Fanorotoroana: Inona avy ireo zavatra tena tiany?***

HO AN'NY TANORA

**46 Lehilahy sy Vehivavy ao anatin'ny ny Asan'ny Tompo**
Nosoratan' ny Loholona M. Russell Ballard
*Samy mila mahatakatra ireo fahamarinana momba ny anjara asan'ny vehivavy ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy.*

**50 Miomana mba Hanompo, Manompo mba Hiomana**
Nosoratan'i David L. Beck
*Hametraka ny fenitra arahana mandritra ny andrompiainanareo sisa ny asa fanompoan'ny Fisoronana Ahârôna ataonareo. Toy izao izany.*

**53 Ilay Hery Hitahiana ny Olona Rehetra**

**54 Mitondra ireo Fitahiana Azo avy amin'ny Fisoronana ao An-tokantranonao**
Nosoratan'i Bonnie L. Oscarson
*Afaka mampiasa ny herin'ny fisoronana ianao mba hitahiana ny fianakavianao na lahy ianao na vavy ary na inona na inona toe-javatra iainanao.*

**56 Ny Fahatokian-tena avy amin'ny Fahamendrehana**
Nosoratan' ny Loholona Jeffrey R. Holland
*Moa ve ianao manana fahatokian-tena ny hanaiky raha voantso mba hampiasa ny fisoronana?*

**60 Ny Vavahady sy ny Lalana**

**62 Fanontaniana sy Valiny**
*Inona no tokony hataoko rehefa resahana any an-tsekoly ny lohahevitra iray izay mifanipaka amin'ny fampianaran'ny filazantsara, toy ny fanalan-jaza?*

**64 Marina sa Diso?**
Nosoratan'i David A. Edwards
*Ataovy ity kilalao ity dia ianaro bebe kokoa ny fomba handainganan'i Satana amintsika.*

HO AN'NY ANKIZY




**67 "Mora Be Izy Izany ry Dadabe!"**
Nosoratan'ny Loholona Enrique R. Falabella
*Tsy nieritreritra i Raquel hoe efa lehibe afaka mamaky ny Bokin'i Môrmôna izy.*

**68 Ny Fampanantenana nataon'i Porter**
Nosoratan'i Carole M. Stephens
*Nitandrina ny fanekempihavanany i Porter—ary tsy nahafantatra izany akory!*

**70 Mitondra ny Kilonga Mody: Ny Fianakaviana no Ivon'ny Drafitry ny Ray any an-danitra**
Nosoratan'i Jan Taylor


**72 Hevitra Tsara**

**73 Mamindra ilay Vato**
Nosoratan'ny Loholona Terence M. Vinson
*Te hanampy antsika hamaha ireo olantsika ny Tompo—na dia ireo kely indrindra aza.*

**74 Ireo Namana Manerana Izao Tontolo Izao: Dria no anarako ary avy any Philippines aho**

**76 Ho an'ny Ankizy Madinika**

**81 Fampahafantarana ny Mpaminany Iray: Howard W. Hunter**

**APRILY 2014 BOKY. 14 LAH. 1**
**LIAHONA 10984 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Craig A. Cardon
**Mpanorohevitra:** Jose L. Alonso, Mervyn B. Arnold, Shayne M. Bowen, Stanley G. Ellis, Christoffel Golden

**Tale mpitantana:** David T. Warner
**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Susan Barrett, Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Mindy Raye Friedman, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jennifer Grace Jones, Michael R. Morris, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Kevin C. Banks, Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Bryan W. Gygi, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick
**Talen'ny Fanapariahana:** Stephen R. Christiansen

**Tompon' andraikitry ny fandikan-teny:** Rakotondrasoa Ziva Lalarivelo
**Mpandika teny:** Rabemalanto Lucia, Ifano Rasolondraibe, Ramamonjisoa Hanitra, Andriamahenintsoa Tatamo, Hanitriniony Cynthia Rakotomalala

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2014 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
April 2014 Vol. 14 No. 1. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $2.00 per year; Canada, $2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 707.4.12.5). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

# Fanovozan-kevitra ho an'ny Takarivan'ny Mpianakavy

*Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampiasaina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Ireto manaraka ireto misy ohatra anankiroa.*



SARY NALAIN'I DAVID STOKER

**"Fito Andro Mandra-pahatonga ny Paska,"** pejy 10, ary **"Mijoro ho Vavolombelona momba an'i Kristy Velona ireo Vavolombelona Manokana,"** pejy 16: Azonao ampiasaina ireo fampianarana ao anatin'ireo lahatsoratra ireo mba hanatanterahana fivoriana fampaherezampanahy miaraka amin'ny fianakavianao herinandro alohan'ny Paska. Manomboka ny Alahady alohan'ny Paska dia vakio ireo fijoroana ho vavolombelona nataon'ny Fiadidiana Voalohany ao amin'ny pejy 17 ary araho ireo torolalana ao amin'ny "Fito Andro Mandra-pahatonga ny Paska." Isan'andro aorian'izany dia vakio ireo fijoroana ho vavolombelona nataon'ireo Apôstôly roa ary ampiasao ny soratra masina sy ireo hira ary ny asa atao ao amin'ny "Fito Andro Mandra-pahatonga ny Paska" mba hizarana hafatra ho an'ny fianakaviana. Ny Alahadin'ny Paska dia azonareo jerena ny horonantsary momba ny Baiboly "He Is Risen" izay hita ao amin'ny lds.org/bible-videos (misy amin'ny fiteny maro izany).

**"Mora Be Izy Izany ry Dadabe!"** pejy 67: Rehefa avy namaky io lahatsoratra io ianao dia azonao avoaka koa ny famantaranandronao! Mamakia pejy iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna miaraka amin'ny fianakaviana ary isao ny fotoana namakianareo izany mba hahitana ny halavan'ny famakiana izany. Tombantombano amin'ny alalan'ny fampiasana izany fotoana izany ho zavatra iaingana ny halavan'ny fotoana hilain'ny fianakavianao mba hamakiana ny Bokin'i Môrmôna. Azonao atao ny mametraka tanjona mba hamaky miaraka ny Bokin'i Môrmôna. Afaka manampy anao hanatratra izany tanjona izany ny famoronana fandaharam-potoana toy ny hoe mamaky isan'andro amin'ny fotoana iray efa napetraka.

## AMIN'NY FITENINAO

Ny *Liahona* sy ny fitaovan'ny Fiangonana hafa dia misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny **languages.lds.org.**

### LOHAHEVITRA AO AMIN' ITY LAHARANA ITY

*Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.*

***Alahelo,*** *37, 39*
***Asa Fanompoana,*** *12, 36, 38, 50*
***Asa fitoriana,*** *26, 62*
***Bokin' i Môrmôna,*** *67*
***Drafitry ny famonjena,*** *32, 37, 39, 70*
***Fahamaotinana,*** *40*
***Fanajana lalina,*** *76*
***Fanantenana,*** *80*
***Fanavahana,*** *64*
***Fanekempihavanana,*** *68*
***Fianakaviana,*** *46, 50, 54, 70*
***Fifanampiana,*** *12, 36*
***Fihaonamben'ny Fiangonana,*** *4*
***Fijoroana ho vavolombelona,*** *62*
***Fiovam-po,*** *26, 44*
***Fisoronana,*** *46, 50, 53, 54, 56, 60*
***Fiteny,*** *40*
***Hasarobidin'ny tena manokana,*** *7, 12*
***Hunter, Howard W.,*** *81*
***Jesoa Kristy,*** *4, 7, 10, 16, 76*
***Monson, Thomas S.,*** *22*
***Mpaminany,*** *8, 22*
***Ohatra,*** *22*
***Paska,*** *10, 16*
***Sorompanavotana,*** *7, 10, 16, 32, 76*
***Tantaran' ny Fiangonana,*** *26*
***Tempoly,*** *26, 44*
***Testamenta Taloha,*** *8*
***Vehivavy,*** *46*



**Nosoratan'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Vatofantsika

## IRAY MIRAIKITRA MAFY

Nanana fahafahana aho vao tsy ela akory izay nandeha sambo lehibe iray namakivaky ny morontsiraka mahafinaritr'i Alaska, États-Unis. Rehefa nanomana ny fijanonan'ilay sambo mandritra ny alina sy ny ampitso maraina teo amin'ny helo-dranomasina iray mitokana mbola tsy nokasihina ny kapiteny, dia nanao fizahana tsara ilay toerana sy ny toe-javatra hita teo amin'izany izy toy ny fisehon'ny fisondrotry ny ranomasina sy ny fisintonany, ny halalin'ny rano ary ny halavitr'ireo zavatra mampidi-doza. Rehefa afa-po izy dia nalatsany ny vatofantsika mba hahafahan'ilay sambo ho voaro sy miantsona mafy tsara ary navelany ireo mpandeha mba hanana fahafahana hankafy ny hatsaran'ireo zavatra noharian'Andriamanitra izay tena nampitolagaga.

Rehefa nijery ny moron-dranomasina aho dia nanomboka nahita fa zara raha tsikaritra ny fanisahan'ny rivotra faran'izay kely sy ny onja eo ambaniny an'ilay sambo. Na izany aza dia tafajanona mafy tsara foana tao anatin'ilay toerana voafehin'ny halavan'ilay vatofantsika sy ny tanjany ilay sambo.

Tsy notehirizin'ilay kapiteny tao anaty sambo fotsiny ilay vatofantsika ka hoe rehefa misy oram-baratra manatona vao hampidinina izany. Fa nampiantsoniny tamin'ny alalan'ny vatofantsika ilay sambo mba ho fisorohana ny toe-javatra mety hiseho sy hiarovana ny sambo mba tsy handeha any amin'ny rano tsy azo antoka na hikisaka moramora ka ho tafahitsoka ary ny mpandeha sy ny mpiaramiasa an-tsambo kosa amin'izay dia samy hahatsapa ho tsy misy zavatra hatahorana.

Rehefa nandinika io toe-javatra niseho io aho dia tsapako hoe raha toa ka tsy ahafahana manao fanoharana izany dia tsy ho namory fiaramanidina velively aho izany.

### Nahoana no Ilaintsika ny Manana Vatofantsika

Ny tanjon'ny vatofantsika dia ny hiarovana ny sambo eo amin'ny toerana iray tiana hijanonana na hifehezana ny sambo mandritra ny andro ratsy. Tsy ampy anefa ny fananana vatofantsika fotsiny mba hanatanterahana ireo tanjona lehibe ireo. Tsy maintsy mafy tsara sy azo itokisana ary ampiasaina araka ny tokony ho izy amin'ny fotoana sy toerana ilàna izany ny vatofantsika.

Mila vatofantsika koa ny olona tsirairay sy ny fianakaviana.

Ny fahoriana dia mety tonga tahaka ny oram-baratra lehibe izay mifaoka antsika sy manambana ny hampidona antsika eny amin'ny vato. Saingy mety ho tra-doza koa isika rehefa toa milamina ny zavatra rehetra—malefaka ny rivotra ary tony ny rano. Raha ny marina dia mety ho tena tandindomin-doza lehibe isika rehefa mikisaka ary tena moramora ilay fihetsehana ka zara raha tsikaritsika izany.

### Ny Filazantsara no Vatofantsika ho Antsika

Tsy maintsy mafy sy matanjaka tsara ary voakarakara tsara ny vatofantsika mba ho vonona rehefa ilaina. Ankoatra izany dia tsy maintsy araikitra amin'ny fototra iray afaka mahazaka tsara ny vesatr'ireo hery manohitra izany.

Vatofantsika toy izany mazava ho azy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nomanin'ilay Mpahary noho ny antony masina iray izany ary narafitra mba hanomezana fiarovana sy fitarihana ny zanany.

Fa inona no atao hoe filazantsara raha ny tena marina ankoatra ny drafitr'Andriamanitra mba hanavotana ny zanany sy hitondrana azy ireo miverina eo anatrehany?

Noho ny fahafantarana fa efa toetran'ny zavatra rehetra ny mikisaka dia tsy maintsy mampiraikitra mafy tsara ireo vatofantsitsika eo amin'ny fototry ny fahamarinan'ny filazantsara isika. Tsy tokony hampidinina kely eo amin'ny fasiky ny fiavonavonana izany ary tsy tokony hoe zara raha hampikasihana ny tampon'ny finoantsika.

Hanana fahafahana hihaino ireo mpanompon'Andriamanitra isika mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana amin'ity volana ity. Ny tenin'izy ireo miaraka amin'ny soratra masina sy ny bitsiky ny Fanahy dia manome fototra azo antoka sy mafy orina ahitana soatoavina sy fitsipika



mandrakizay izay azontsika hamatorana ilay vatofantsitsika mba hahafahantsika tsy ho voahozongozona sy ho voaro ao anatin'ireo olana sy fitsapan'ny fiainana.

Nampianatra ny zanany lahy ny mpaminany Helamàna hoe: "Tsarovy, tsarovy fa eo amin' ny vatolampin' ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivomaheriny ny devoly, eny, ny zana-tsipìkany ao amin' ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin' ny hantsan' ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan' ny olona mianjera raha miorina eo amboniny" (Helamàna 5:12).

### Ny Lanjan'ny Vatofantsika Iray Miraikitra Mafy

Ny fiainana dia manana fomba hitsapana ny vatofantsitsika sy hakana fanahy antsika hikisaka. Na dia izany aza raha toa apetraka araka ny tokony ho izy eo amin'ny vatolampin'ilay Mpanavotra antsika ny vatofantsitsika dia hiraikitra tsara izy ireo—na manao ahoana na manao ahoana herin'ny rivotra na herin'ny fivadibadi-bohondranomasina na ny haavon'ny onja.

Mazava ho azy fa ny sambo dia tsy natao hiantsona foana eo amin'ny seranana fa kosa tokony hiainga ary hamakivaky ny ranomasin'ny fiainana. Saingy fanoharana ho an'ny andro manaraka indray izany.

Amin'izao fotoana izao aho dia mifaly amin'ny fahafantarana fa ny vatofantsiky ny filazantsara sy ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika dia hihazona antsika tsy ho voahozongozona sy mba ho voaro.

Ny vatofantsika toy izany dia hihazona antsika mba tsy ho tafavily any amin'ny loza sy ny fahoriana. Hanome fahafahana lehibe ho antsika mba hankafy ny hatsarana tsy manam-paharoa ananan'ireo endriky ny fiainana izay miovaova hatrany ary tena kanto izany.

Tsara ny fiainana ary mendrika ny hiainana. Mety haka fanahy antsika hivily any amin'ny loza hita maso na tsy hita ny rivotra sy ny oram-baratra ary ireo fironana izay mibahan-toerana, kanefa ny hafatry ny filazantsara sy ny heriny masina dia hihazona antsika eo amin'ilay lalana mitondra antsika hiverina any amin'ilay seranana azo antoka an'ny Raintsika any an-danitra.

Noho izany dia ndeha isika tsy hoe *hihaino* fotsiny ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ny volana Aprily fa koa *hampihatra* ny hafatra omen'izy ireo ho toy ny vatofantsika ifikiran'ny fiainantsika isan'andro mafy.

Andriamanitra anie hitahy sy hitarika antsika ao anatin'ity asa lehibe sy tena ilaina ity! ■

**FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY**

Ifanakalozy hevitra ny lanjan'ireo vatofantsika tao anatin'ny toe-javatra niainan'ny fianakavian'i Lehia rehefa nandeha sambo nankany amin'ny tany nampanantenaina (jereo ny 1 Nefia 18). Azonao asongadina ny ao amin'ny 1 Nefia 18:11–15, izay fotoana iray nahitana ny famatorana an'i Nefia sy ny fijanonan'ny Liahôna tsy niasa intsony ary ny fanopatopazan'ny tafio-drivotra mahery an'ilay sambo. Inona avy ireo voka-dratsy atrehantsika rehefa tsy mifikitra tsara amin'ny filazantsara isika? Azonao atao koa ny manasongadina ny ao amin'ny 1 Nefia 18:21–22 ary mifanakalo hevitra mikasika ny fomba ahafahantsika mahazo fiarovana amin'ny alalan'ny fitodihana any amin'ny Mpamonjy.

SARY NATAON'I STOCKTREK IMAGES/THINKSTOCK

## Izaho sy ny Fihaonambe

Nosoratan'i Sarah Deeks



Nietreritra aho taloha hoe ny faran'ny herinandro hanaovana ny fihaonamben'ny Fiangonana dia lava sy mandreraka, saingy rehefa nandeha ny fotoana dia lasa tiako izany ary niandrandra ny fahatongavan'izany aho. Afaka mampatanjaka ara-panahy ilay faran'ny herinandro hanaovana ny fihaonamben'ny Fiangonana, kanefa mora ny manadino ireo zavatra tsapa ireo rehefa mitohy ny fiainana mahazatra ny Alatsinainy. Ireto hevitra sasantsasany manaraka ireto dia nanampy ahy hanohy hisintona zavatra maro araka izay azo atao avy amin'ny fihaonambe.

Manomana ny tenako hiatrika ny fihaonambe aho amin'ny alalan'ny fanoratako fanontaniana mialoha, dia raisiko an-tsoratra avy eo ny valin'ny fanontaniako. Aorian'izany dia tiako ny misintona ireo lahateny sy ny hira avy ao amin'ny LDS.org ary mampiditra izany ao amin'ny lecteur MP3 mba hahafahako mihaino lahateny iray na hira iray eo am-panaovako ny asako andavanandro. Tiako koa ny mandalina ny laharan'ny *Liahona* misy ny fihaonambe. Tsipihako na lokoiko ireo teny na andian-teny manan-danja ary asiako fanamarihana eny amin'ny sisin'ny pejin'ny bokiko. Mandra-pahatonga an'ilay fihaonambe manaraka dia efa nampiasaiko araka ny tokony ho izy ilay gazetibokiko. Miara-mandalina ireo hafatra ny fianakaviako indraindray mandritra ny takarivan'ny mpianakavy.

Mitaky asa ny fihazonana ilay fanahy tsapantsika nandritra ny fihaonambe sy ny fanohizana ny fianarana zavatra avy amin'ireo hafatra ireo, kanefa fitahiana lehibe ho ahy ny nanao izany. Nahazo hery sy fitarihana lehibe aho tao anatin'ny fotoana nanahirana tamin'ny alalan'ny fandalinana ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ary fantatro fa ireo hafatra ireo dia tena manentana ny fanahy.

*Mipetraka any Toronto, Canada ny mpanoratra.*



## Apetaho ny Vatofantsikao

Inona no zavatra hihazona anao tsy hiala amin'ny filazantsara? Manaova tsipika miala eny amin'ilay tady tazonin'ilay ankizilahy mankeny amin'ireo zavatra izay nolazain'ny Filoha Uchtdorf fa toerana tsara hametahanao ny vatofantsikao.



ANKAVIA: SARY NATAON'I ROBERT CASEY; SARY NATAON'I KATIE MCDEE

*Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantatra izay tokony hozaraina. Ahoana no hahafahan'ilay fahatakarana ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny asa nanirahana Azy mampitombo ny finoanao Azy sy mitahy ny fiainan'ireo olona izay iandraiketanao amin'ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano? Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny* ***reliefsociety.lds.org***.

# Ny Asa Masina Nanirahana an'i Jesoa Kristy: Mpamonjy sy Mpanavotra

*Ity dia anisan'ireo andian-kafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano izay mampiseho ireo endriky ny asa nanirahana ny Mpamonjy.*

Anisan'ny anarana tena manandanja manoritra an'i Jesoa Kristy ny hoe Mpanavotra," hoy ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Ny hoe *manavotra* dia midika hoe manefa trosa iray. Ny hoe *manavotra* dia mety midika koa hoe mamonjy na manafaka, ohatra hoe amin'ny alalan'ny fandoavana onitra. . . . Ireo dikany tsirairay ireo dia maneho ny lafinjavatra samihafa tao anatin'ilay Famonjena lehibe notanterahan'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany, izay ahitana araka ny teny ao anatin'ny rakibolana ny hoe: 'manavotra amin'ny fahotana sy ny sazy avy amin'izany, amin'ny alalan'ny fanaovana sorona ho an'ilay mpanota.'"[1]

Nilaza ny Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany Linda K. Burton hoe: "Ny Ray any an-danitra . . . dia nandefa ilay Zanany Lahitokana sy tonga lafatra mba hijaly ho an'ny fahotantsika sy ny fahoriantsika ary ireo zavatra rehetra izay toa tsy ara-drariny miseho eo amin'ny fiainantsika manokana.

"... Nisy vehivavy iray izay nianjadian'ny fitsapana sy fahoriana



nandritra ny taona maro nilaza tamindranomaso hoe: Tsapako fa toy ny vola taratasy 20 dôlara efa tranainy aho—miforiporitra, rovidrovitra, maloto, efa nampiasaina be loatra ary misy marika tsy mety miala. Saingy . . . mbola vola taratasy 20 dôlara ihany aho.' Fantatr'io vehivavy io fa . . . ny lanjany eo anatrehan'[Andriamanitra] dia ampy nandefasany an'ilay Zanany Lahy hanao sorona, ho azy manokana. Tokony hahafantatra ny zavatra fantatr'io vehivavy io ny rahavavy rehetra ato amin'ny Fiangonana."[2]

### *Avy ao amin'ny Soratra Masina*

2 Nefia 2:6; Helamàna 5:11–12; Mosesy 1:39

**FANAMARIHANA**

1. D. Todd Christofferson, "Fanavotana," *Liahona,* Mey 2013, 109.
2. Linda K. Burton, "Moa ve Voasoratra ao Ampontsika ny Finoana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?" *Liahona,* Nôv. 2012, 114.

### *Inona no Azoko Atao?*

**1.** Ahoana no ahafahantsika mampiseho fankasitrahana an'i Jesoa Kristy izay Mpamonjy sy Mpanavotra?

**2.** Ahoana no ahafahantsika mahazo ireo fitahiana avy amin'ilay sorompanavotan'ny Mpamonjy antsika eo amin'ny fiainantsika?

**Finoana, Fianakaviana, Fanampiana**

### *Avy amin'ny Tantarantsika*

Ny Testamenta Vaovao dia ahitana ny tantaran'ireo vehivavy izay nampihatra ny finoana an'i Jesoa Kristy sy nianatra ary niaina ny fampianarany ary nijoro ho vavolombelona mikasika ny asa fanompoana sy ireo fahagagana nataony ary ny halehibeny.

Hoy i Jesoa tamin'ilay vehivavy teo am-pantsakana:

"Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay.

"Hoy ravehivavy taminy: Tompoko, omeo izany rano izany aho, mba tsy hangetaheta. . . .

"Fantatro fa avy [ny Mesia], izay antsoina hoe Kristy: ka rehefa tonga Izy, dia hambarany amintsika ny zava-drehetra.

"Hoy i Jesoa taminy: Izaho izay miresaka aminao no Izy."

Dia "nandao ny sininy ravehivavy" ary nijoro ho vavolombelona momba Azy tany an-tanàna. (Jereo ny Jaona 4:6–30.)

RANO VELONA, NATAON'I HOWARD LYON

# MOSESY

*"Tena nanana ny naha-izy azy tokoa i Mosesy ka na i Kristy aza dia nofaritana ho toy ny Mpaminany tahaka an'io mpitarika ny vahoakan'i Isiraely fahiny io."[1]*
*—Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

Teraka tany Egypta aho tamin'ny fotoana izay naha-voageja ny oloko dia ny Isiraelita izany. Noho ny fahatahorana ny fitombon'ny isan'ireo andevo Isiraelita dia nandidy ny hamonoana ny lehilahy Isiraelita rehetra i Farao raha vao teraka. Mba hiarovana ahy dia nafenin'ny reniko nandritra ny telo volana taorian'ny nahaterahako aho ary avy eo dia napetrany tao anaty fiara zozoro tao anatin'ireo zozoro teo amoron'i Neily. Hitan'ny zanakavavin'i Farao aho ary notaizany toy ny zanany.[2]

Rehefa nihalehibe aho dia nandao an'i Egypta ary nipetraka tany amin'ny tanin'i Midiana. Nahazo sitraka teo anatrehan'i Jetro izay mpiandry ondry sy mpisorona aho ary nanambady an'i Zipora zanany vavy. Nandray ny Fisoronana Melkizedeka avy tamin'i Jetro aho.[3]

Indray andro raha niandry ny ondry aman'osin'i Jetro aho dia niseho tamiko teo amin'ny roimemy nirehitra afo ny Tompo ary niantso ahy mba hanafaka ny zanak'i Isiraely amin'ny fanandevozana.[4]


Niverina tany Egypta aho ary nilaza tamin'i Farao mba hanafaka ny vahoakan'ny Tompo saingy vao mainka nampitomboany ny zioga nolanjain'izy ireo. Nofafazan'ny Tompo loza maro ny Egyptiana saingy nanamafy ny fony i Farao ary mbola nanda tsy hanafaka ny Isiraelita. Ny loza farany dia ilay anjely mpandrava izay namono ny lahimatoan'ny fianakaviana rehetra tany Egypta. Voaro tamin'ilay anjely mpandrava ny Isiraelita tamin'ny alalan'ny fanosorana ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ny tolam-baravarana roa sy ny tataom-baravarana ary tamin'ny alalan'ny fijanonana tao an-trano. Tamin'ny alalako no nanorenan'ny Tompo ilay Andro Firavoravoana ho toy ny ôrdônansy iray hanampy ny Isiraelita hahatsiaro io fahagagana io isan-taona.[5]

Io loza farany io no nahatonga an'i Farao hilavo lefona sy hanafaka ny Isiraelita. Saingy nanamafy ny fony i Farao taty aoriana ary nandefa ny miaramilany hanenjika ireo Isiraelita efa lasa. Nomen'ny Tompo hery aho mba hampisaraka ny Ranomasina Mena ary tafatsoaka tamin'ny alalan'ny fandiavana ilay tany maina izahay raha difotry ny ranomasina kosa ny miaramilan'i Farao.[6]

Dia notarihan'ny Tompo izahay namakivaky ny tany efitra tao







*MOSES IN THE BULRUSHES* © PROVIDENCE COLLECTION; *MOSES PARTING THE RED SEA,* NATAON'I ROBERT T. BARRETT; *MOSES AND THE TABLETS,* NATAON'I JERRY HARSTON; *MOSES CALLS AARON TO THE MINISTRY,* NATAON'I HARRY ANDERSON; *MOSES AND THE BRASS SERPENT,* NATAON'I JUDITH A. MEHR

anatin'ny andri-rahona raha atoandro ary tamin'ny andri-afo nony alina. Notohanany tamin'ny alalan'ny rano sy mana ary papelika izahay.[7]

Nihanika tany amin'ny tendrombohitra Sinay aho ary nijanona tany nandritra ny 40 andro ary nandray ny Didy Folo avy amin'ny Tompo. Rehefa niverina avy any an-tendrombohitra aho dia nanalavitra an'Andriamanitra ny Isiraelita ary nanamboatra ombilahy kely volamena mba hiankohofany. Tsy mendrika ny handray ny lalàna izay nomen'Andriamanitra ahy intsony izy ireo, ka dia novakiako hitresaka ilay vato fisaka nahitana izany. Niverina tany an-tendrombohitra aho ka nomen'ny Tompo ahy tany ilay lalàna ambany kokoa izay nantsoina tamin'ny alalan'ny anarako hoe—ny lalàn'i Mosesy.[8]

Nambaran'ny Tompo tamiko tany an'efitra ny fomba hanaovana ny tabernakely na ilay tempoly azo entina. Nolanjainay niaraka taminay nandritra ireo dia nataonay ny tabernakely mba hahafahanay mitsaoka ao anatin'izany. Tao anatin'ny tabernakely no nandraisan'ny olona ôrdônansy ary izaho dia niteny "nifanatrika tamin'ny [Tompo] tahaka ny olona miresaka amin'ny sakaizany."[9] Nampisehon'ny Tompo ahy koa ny fomba hanamboarana ilay fiaran'ny fanekena izay zava-masina mipetraka tao amin'ny faritra tena masina indrindra ao anatin'ilay tabernakely, ny Masin'ny Masina.[10]

Rehefa nandefa "menaran'afo" mba hamaizana ny Isiraelita ny Tompo, dia nodidiana aho mba hanao menarana varahina sy hanatona izany amin'ny hazo lava mba hahafahan'izay rehetra voakaikitra mijery izany sy ho sitrana. Saingy noho ny avonavon'izy ireo sy ny fahatsoran'ilay zavatra atao dia maro no tsy nijery ary dia maty noho izany.[11]

Nataon'ny Tompo izay hirenirenivan'ny Isiraelita tany an'efitra nandritra ny 40 taona talohan'ny namelany azy ireo hiditra ny tany nampanantenaina.[12] Tsy niditra tany aho fa "[noraisin'ny Tompo tao amin'ny fanahy ho any]."[13] ■

**FANAMARIHANA**

1. Bruce R. McConkie, *Mormon Doctrine,* boky nivoaka faha-2 (1966), 515; jereo koa ny Deoteronomia 18:15–19.
2. Jereo ny Eksodosy 1; 2:1–10.
3. Jereo ny Eksodosy 2:11–22; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:6.
4. Jereo ny Eksodosy 3; 4:1–17.
5. Jereo ny Eksodosy 5–12; Ezekiela 45:21.
6. Jereo ny Eksodosy 14.
7. Jereo ny Eksodosy 13:21–22; 15:22–27; 16; 17:1–7.
8. Jereo ny Eksodosy 24:18; 31:18; 32; 34.
9. Eksodosy 33:11.
10. Jereo ny Eksodosy 25–29; 40:21.
11. Jereo ny Nomery 21:6–9; 1 Nefia 17:41; Almà 33:19–20.
12. Jereo ny Nomery 14:33–34.
13. Almà 45:19.


## VATA MITAHIRY IREO ZAVA-NISEHO: MOSESY


**Asa soratr'i Mosesy:** Ankoatra ny bokin'i Mosesy ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy dia nanoratra ireo boky dimy voalohany ao amin'ny Baiboly i Mosesy: Genesisy, Eksodosy, Levitikosy, Nomery, ary Deoteronomia.

**Anjara asa nomena talohan'ny nahaterahana:** voafidy mba hiahy fotoampitantanana iray (jereo ny Abrahama 3:22–23)

**Anjara asa teto an-tany:** nitondra ny vahoaka Isiraelita nivoaka an'i Egypta; nandray lalàna tany amin'ny Tendrombohitra Sinay (jereo ny Eksodosy 12; 20)


**Anjara asa taorian'ny fiainana an-tany:** niseho teo an-tendrombohitry ny Fiovan-tarehy, nanome fanalahidin'ny fisoronana ho an'i Petera, i Jakoba ary i Jaona (jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fiovan-tarehy," scriptures.lds.org); niseho tao amin'ny Tempolin'i Kirtland tany Ohio, États-Unis tamin'ny 3 Aprily 1836, namerina ny fanalahidin'ny fanangonana an'i Isiraely tamin'i Joseph Smith (jereo ny F&F 110:11)





# FITO ANDRO MANDRA-PAHATONGA NY PASKA

Ianao sy ny fianakavianao dia afaka mianatra mikasika ny zavatra nataon'i Jesoa fony Izy niaina teto an-tany. Atombohy ny Alahady alohan'ny Paska izany. Isan'andro dia vakio ilay soratra masina na ataovy ilay asa na hirao ilay hira (na hira iray hafa mikasika izany lohahevitra izany). Dia maneteza sarin'i Jesoa anankiray izay mifandray amin'ilay tantara ao anaty soratra masina ary apetaho eo amin'ny baoritra iray tsy misy na inona na inona izany. Rehefa feno daholo ilay baoritra dia efa ho tonga ny Paska! ■






**ANDRO 1**

Nalefan'ny Ray any an-danitra mba ho teraka ety an-tany ny Zanany Lahy Jesoa Kristy.

- Lioka 2:4–7
- "Il envoya son Fils aimé" (*Recueil de Chants pour les Enfants*, 20).

**ANDRO 2**

Efa ankizy kely i Jesoa. Afaka ny hitovy tahaka Azy isika amin'ny alalan'ny fanehoana hatsaran-toetra sy hatsaram-panahy.

- Lioka 2:40, 52
- "Jésus enfant" (*Chants pour les Enfants*, 34).

**ANDRO 3**

Nitandrina ny didin'Andriamanitra rehetra i Jesoa ary tafiditra tao anatin'izany ny didy mba hatao batisa.

- Matio 3:13–17
- "When Jesus Christ Was Baptized" (*Children's Songbook*, 102).

**ANDRO 4**

Nanatanteraka fahagagana maro i Jesoa, toy ny fanasitranana olona narary, fanampiana olona jamba mba hahita indray ary fampitsaharana tafio-drivotra.

- Marka 4:36–39
- "Raconte-moi les histoires de Jésus" (*Chants pour les Enfants*, 36).

SARY NATAON'I BETH M. WHITTAKER

## ANDRO 5

Nandritra ny Fiarahamisakafo Farany dia nangataka ny mpianany i Jesoa mba handray ny fanasan'ny Tompo ho fomba hahatsiarovana Azy. Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro isika dia afaka mahatsiaro ny Mpamonjy ihany koa.

- Lioka 22:19–20
- Resaho amin'ny ray amandreninao ny zavatra azonao atao mba hanampy anao hieritreritra mikasika an'i Jesoa mandritra ny fanasan'ny Tompo amin'ny Alahady ho avy izao.

## ANDRO 6

Satria tia antsika ny Ray any an-danitra sy i Jesoa dia tonga tety an-tany i Jesoa mba hijaly noho ny fahotantsika mba hahafahantsika ho voavela sy hiverina any amin'ny Ray any an-danitra.


- Lioka 22:41–44
- Inona no zavatra azonao atao amin'izao fotoana izao mba hanehoana amin'i Jesoa fa feno fankasitrahana ianao noho ny sorona nataony?

## ANDRO 7

Taorian'ny nandriany tao am-pasana nandritra ny telo andro dia nitsangana tamin'ny maty i Jesoa. Satria nitsangana tamin'ny maty Izy dia hitsangana amin'ny maty koa isika.


- Jaona 20:15–17
- Lioka 24:36–40
- "Jésus est-il ressuscité?" *(Chants pour les Enfants* 45).











*Azonao henoina ao amin'ny lds.org/music ireo hira ao anatin'ity asa atao ity.*



# Tanan'ny Tompo ISIKA

*Tena zava-dehibe ao anatin'ny atao hoe mpianatr'i Jesoa Kristy ny fitadiavana ny mahantra sy ny fanompoana an'ireo izay mijaly.*

**Nosoratan'i Neil K. Newell**
Asa Fanasoavana

Tany am-piandohan'ilay Olana Lehibe Ara-toekarena nianjady tamin'i États-Unis tamin'ny taona 1929 ka hatramin'ny 1940 dia niara-nivondrona ireo filohan'ny tsatòka enina avy tany Salt Lake Valley mba hiatrika ilay rahona maintin'ny fahantrana sy ny hanoanana izay nanambana ny hamely mpikamban'ny Fiangonana maro.[1] Na dia nisy fiantraikany tamin'ny olona tany amin'ny toerana samihafa rehetra aza ilay olana ara-toekarena dia tena voa mafy manokana i Utah.[2]

Kely ny teo am-pelatanan'ny mpitarika tao amin'ny Fiangonana tamin'izany mba hanampiana ny sahirana. Mazava ho azy fa afaka nampiasa ny fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina izy ireo saingy tena lehibe lavitra noho izay efa niainan'izy ireo hatramin'izay ilay filana nihanaharitra. Naorina teo ambany fitarihan'ny Episkôpà Mpiahy tany am-piandohan'ny taona 1900 ny Deseret Employment Bureau. Kanefa tsy nanana ny ampy tanteraka izany mba hiatrehana ilay filana goavana toy izany.

Fantatr'ireo mpitarika enina tao amin'ny fisoronana ireo fa raha toa ka mila fanampiana ny olona ao amin'ny tsatòkany dia tsy afaka miandry izy ireo. Tsy maintsy mandray fepetra eo no ho eo ihany izy ireo. Nanomboka nampiasa ny olona izy ireo. Nozarain'izy ireo andraikitra ny lehilahy ka nentiny teny an-tsaha izay toerana ahafahany mioty vokatra. Ho tambin'ny asa nataon'izy ireo dia nomen'ireo mpiompy sy mpamboly malala-tanana sakafo ireo lehilahy ireo. Ny ambin'izany dia nentina tany amin'ny trano fanobiana ary nozaraina tamin'ny hafa izay noana. Rehefa nitombo ireo fanomezana dia nanomboka nanao sakafo am-bifotsy ny Olomasina mba hitehirizana izany. Io no niantombohan'ilay hoe fandaharan'asa fanasoavana ao anatin'izao vanim-potoana izao.

Valopolo taona taty aoriana dia miahy ireo mpiangona iandraiketany ireo mpitarika amin'izao fotoana izao ary manana ilay fahavononana nitovy tamin'izany fotoana izany mba hanampy izay sahirana.

Hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana volana Ôktôbra 2011: "Matetika loatra isika no mahatsikaritra ireo filana manodidina antsika ary manantena fa hisy olona avy lavitra any hiseho amim-pahagagana mba hanome ireo zavatra ilaina ireo. Angamba isika miandry matihanina manana fahalalana manokana mba hamaha olana miavaka tsara. Rehefa manao izany isika, dia manaisotra amin'ny namantsika ilay asa fanompoana izay azontsika atao, ary manaisotra amin' ny tenantsika ny fahafahana manompo. Marina fa tsy misy maharatsy ny maha-matihanina, fa ndao hatrehina izany: tsy ho ampy mihitsy izy ireny hamaha ny olana rehetra. Kanefa ny Tompo dia nametraka ny fisoronany sy ny fikambanany eo amin' ny tokonam-baravarantsika any amin'ny firenena rehetra izay misy ny Fiangonana."[3]

Ity antso ho an'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana eo an-toerana sy ny mpikambana ity mba handray andraikitra araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina dia nitarika olona maro manerana an'izao tontolo izao mba "[handray an-tanana] manokana izany" araka ny filazan'ny Filoha Uchtdorf.[4] Nampiakarin'izy ireo ny tanan'akanjony ary nanapa-kevitra

izy ireo fa "[h]ahatsiaro amin'ny zavatra rehetra ny mahantra sy ny sahirana, ny marary sy ny ory" (F&F 52:40).

### Équateur

Rehefa nandinika ireo mpikambana tao amin'ny paroasiny ny Eveka Johnny Morante any Guayaquil, Équateur dia tena feno ahiahy izy. Maro loatra ireo fianakaviana no miady mafy vao mba mahazo ireo zavatra farany ambany ilaina mba hahavelomana. Te hanampy azy ireo izy ka dia nifampiresaka tamin'ireo mpitarika tao amin'ny paroasy ary nanolotra tamin'ny Tompo izany toe-javatra izany.

Noho ny fahavitsian'ny asa tao amin'ilay faritra dia nanomboka niaraka niasa tamin'ny andian-drahavavy niisa 11 izy ka namporisihany izy ireo mba hitady izay fomba ahafahana manokatra orinasa madinika. Nahatsikaritra ireo rahavavy ireo fa nilaina teo amin'ny tanànan'izy ireo ireo kojakoja fanadiovana ao an-tokantrano izay tsara kalitao nefa mora ary nanana eritreritra izy ireo hoe sao dia afaka mamokatra sy mivarotra izany ao amin'ilay tanànany. Saingy ahoana no ahafahan'izy ireo mianatra manamboatra ireo kojakoja ireo?

Tonga tao an-tsain'ny Eveka Morante tamin'izay fotoana izay ny rahavavy iray tao amin'ny sampany izay efa mpahay simia nisahana fanaovana fanafody. Rehefa nanontanian'ireo rahavavy 11 izy raha toa afaka manampy dia tena faly ny hampianatra azy ireo ny fomba fanaovana kojakoja azo antoka sy tsara izy.

Nandrafitra lamin'asa izy ireo ary namaritra ireo faritra izay hiandraiketan'ny rahavavy tsirairay ary nisafidy ireo kojakoja hovokarin'izy ireo ary naminavina ny endrik'ilay famonosana entana sy ny mari-tsoratra famantarana an'izany.

Tao anatin'ny volana vitsivitsy dia nahavita nanorina toerana ho an'ny mpanjifa izy ireo ary nampiditra vola ampy hanamaivanana ny fahantrany sy hividianana ireo zavatra ilain'ny fiainakaviany.

Rehefa nahafantatra ny fisian'io orinasa io ireo lehiben'orinasa mpanao fanafody dia lasa liana tamin'ny tantaran'ilay mpahay simia nisahana ny fanaovana fanafody izay tsy nanan'asa izy ireo. Dia nantsoiny hanao dinidinika tamin'izy ireo izy tamin'ny farany ary nampidiriny hiasa mba hitantana ny famokaran'izy ireo.

### Russie

Nagorisan'ny ranomandry i Galina Goncharova avy ao amin'ny Paroasin'i Rechnoy Moscou, Russie, izay mpahaitantara tao amin'ny paroasy, ka dia tapaka ny tanany. Nentina tany amin'ny hopitaly izy ka nasiana plâtre ny sandriny. Tsy afaka namahana na nampiakanjo ny tenany izy. Tsy afaka nibango ny volony izy na mba namaly antso an-tariby.

Rehefa naheno ny zavatra nitranga ireo mpikambana namany tao amin'ny paroasy dia nandray andraikitra avy hatrany izy ireo. Nanome tsodrano azy ireo mpihazona ny fisoronana ary niaraka niasa tamin'ireo rahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana mba handrindra fandaharam-potoana hamangiana io rahavavy io ary hanomezana izay zavatra ilainy.

Hoy i Vladimir Nechiporov, mpitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy hoe: "Tsaroanay ny lahateny iray nozaraina nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana mikasika ilay sarivongan'i Kristy tsy nisy tanana.[5] Nisy olona iray



*Rehefa nianjera i Galina Goncharova ary tapaka ny tanany dia ireo rahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana no tanany.*

nametraka takelaka iray teo ambanin'izany izay mivaky hoe, 'Ianareo no tanako.' Nandritra ny herinandro vitsivitsy tsy nahafahan'io rahavavy io nanao zavatra maro dia nahatsapa ho toy ny akaikin'ny fon'ireo mpikambana tao amin'ny Paroasin'i Rechnoy izany tantara izany. Lasa tanany tanteraka izahay."

### Philippines

Rehefa namely an'i Philippines ny Rivo-doza Washi tamin'ny 2011, dia nofafazan'izany rano mandifotra azy sy rivotra ilay faritra. Trano teo amin'ny 41.000 no rava ary olona miisa 1200 no namoy ny ainy.

Talohan'ilay tondradrano, dia nisy nanosika an'i Max Saavedra, filohan'ny Tsatòkan'i Cagayan de Oro Philippines mba hanangana vondron'olona izay hisahana ny famonjena maika raha sendra loza tampoka. Nanorina kômity izay hanatanteraka asa isan-karazany izy—ary ny zavatra rehetra

dia avy amin'ny fikarohana sy famonjena ao anatin'ny fanomezana fitsaboana tsotsotra voalohany ka hatrany amin'ny fanomezana sakafo sy rano ary akanjo.

Rehefa nidina ny rano ka tsy nisy hatahorana intsony dia nandeha nandray andraikitra ireo mpikambana sy mpitarika tao amin'ny Fiangonana. Nojeren'izy ireo hoe nanao ahoana ny mpikambana tsirairay ary inona avy no simba. Nisy mpikambana iray nanolotra zahatra vita amin'ny caoutchouc mba hitaterana ireo mpikambana tafahitsoka ho any amin'ny toerana azo antoka. Nosokafana ireo trano fiangonana mba hanomezana toerampialofana an'ireo rehetra nila sakafo, fitafiana, bodofotsy ary toerana vonjy maika hipetrahana. Tena nilaina ny rano madio ka dia niresaka tamin'ny orinasa iray teo antoerana izay nanana fiarabe iray mpamono afo ny Filoha Saavedra ary nitatitra rano madio tany amin'ny trano fiangonana natao toerana fandefasana olona. Nanampy ireo izay naratra ireo mpikambana manana traikefa ara-pitsaboana.

Rehefa hita daholo ny mpikambana rehetra dia namangy ireo toerana hafa nandefasana olona teo amin'ilay tanàna ny Filoha Saavedra sy ny ekipany ary nanolotena hanampy. Nitondrany sakafo sy kojakoja hafa izy ireo. Maro ireo mpikambana izay na dia tsy nanan-trano intsony aza no tonga dia nanompo tamim-pitiavana ny hafa taorian'ilay tafio-drivotra. Rehefa nijanona ny orana ary maina ny tany dia nisy mpanao asa an-tsitrapo an'ny Môrmôna Manome Tanana avy amin'ny tsatòka telo nandeha nizara kojakoja ilaina ary koa nanampy tamin'ny fanadiovana.

### Brésil

Ao anatin'ny tanànan'i Sete Lagoas, Brésil, dia misy toerana iray ipetrahan'ireo vehivavy manan-kilema izay simban'ny fidorohana zava-mahadomelina ny fiainany. Niady mafy izy ireo isan'andro mba hahavelona azy ireo. Nanana fata-mihiboka kely iray izay nampiasainy mba hanamboarana mofo 30 isan'andro izy ireo. Na dia nahazo fanampiana avy amin'ny fikambanana iray teo an-toerana manampy olona aza ireo vehivavy ireo, dia zara raha nanana ny ampy hamelomana ny tenany. Rehefa henon'ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana tany amin'ny Tsatòkan'i Sete Lagoas Brésil ny zavatra ilain'ireo vehivavy ireo dia naniry ny hanampy izy ireo.

Niara-niresaka tamin'ireo vehivavy ireo mikasika ny zavatra ilainy izy ireo. Nilaza ireo vehivavy ireo fa raha afaka mamokatra mofo bebe kokoa izy ireo dia tsy hoe ho afaka hamelona ny tenany fotsiny fa angamba ho afaka ny hivarotra mofo kely koa ary hampidi-bola kely izay tena ilaina mafy tokoa.

Niara-niasa tamin'ireo mpitandro filaminana sy ny sekoly teo an-toerana ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana sy ny mpikambana mba hampivoarana ny toe-piainan'ireo vehivavy ireo. Tamin'ny alalan'ny fanampiana ara-bola avy amin'ny sampana misahana ny fanampiana olona ato amin'ny Fiangonana sy ireo mpanao asa an-tsitrapo avy amin'ny Fiangonana sy ny fiaraha-monina dia afaka nanangana fanaova-mofo vaovao izy ireo—izay nanome fahafahana azy ireo hamokatra mofo 300 isan'andro.

Noho ireo fanampiana azon'izy ireo dia afaka nampiditra ny mpiasany voalohany ireo vehivavy ireo—iray tamin'ireo vehivavy tao amin'ilay toeram-pialofana.

### Ny Asa Fifanampiana

Toy ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana nentanin'ny Fanahy am-polotaonany maro lasa izay, izay nahita ny fahasahiranana lehibe nanodidina azy ireo ary tsy nanaiky ny hiraviravy tanana dia manao zavatra mitovy amin'izany koa ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy mpikambana ankehitriny any amin'ny faritra misy azy manokana ary amin'ny fombany manokana.

Raha niresaka tamin'ny Fiangonana momba ny fikarakarana ny hafa ny Filoha Uchtdorf dia hoy izy hoe: "Ny fomban'ny Tompo dia tsy ny mijanona eo amoron'ny koriandrano ary miandry ny rano ho tapitra izay vao miampita. Fa miara-miasa kosa, mampiakatra ny tanan' akanjo, mandeha miasa, ary manamboatra tetezana na sambo hahafahana miampita ny ranon' ny fanambintsika."[6]

Tena zava-dehibe ao anatin'ny atao hoe mpianatr'i Jesoa Kristy ny fitadiavana ny mahantra sy ny fanompoana ireo izay mijaly. Asa nataon'i Jesoa Kristy izany fony Izy nanompo ny olona tamin'ny androny. "Ity asa fanomezana araka ny fomban' ny Tompo ity dia tsy hoe singa iray ao anatin' ny fandaharan' asan' ny Fiangonana fotsiny." Hoy ny Filoha Uchtdorf namarana azy. "Tsy azo atao tsinontsinona na atao an-jorombala izany. Ivon'ny fotopampianarantsika izany; ary tena manan-danja ao anatin'ny fivavahantsika.[7] ■

**FANAMARIHANA**


1. Ny efatra tamin'ireo filohan'ny tsatòka ireo—Hugh B. Brown, Harold B. Lee, Henry D. Moyle, ary Marion G. Romney—dia nantsoina ho Apôstôly taty aoriana ary samy nanompo tao amin'ny Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonana izy efatra ireo taty aoriana. Lasa Filohan'ny Fiangonana faha-11 i Harold B. Lee.
2. I Utah dia nanana ny tahan'ny tsy fisian'ny asa faharoa ambony indrindra nanerana an'i États-Unis tamin'ny 1930. Jereo ny Garth L. Mangum sy Bruce D. Blumell, *The Mormons' War on Poverty: A History of LDS Welfare 1830–1990* (1993), 95.
3. Dieter F. Uchtdorf, "Manome araka ny Fomban'ny Tompo," *Liahona,* Nôv. 2011, 54.
4. Dieter F. Uchtdorf, "Manome araka ny Fomban'ny Tompo," 54.
5. Jereo Dieter F. Uchtdorf, "Ianareo no Tanako," *Liahona,* Mey 2010, 68.
6. Dieter F. Uchtdorf, "Manome araka ny Fomban'ny Tompo," 54.
7. Dieter F. Uchtdorf, "Manome araka ny Fomban'ny Tompo," 55–56.



Ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia mpaminany sy mpahita ary mpanambara amin'izao fotoana izao izay mijoro ho "vavolombelona manokan'ny anaran'i Kristy manerana an'izao tontolo izao" (F&F 107:23). Noho izany dia manana andraikitra izy ireo hijoro ho vavolombelona momba ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy sy ny asa nanirahana Azy mba ho Mpamonjy sy Mpanavotra an'izao tontolo izao.

Ao anatin'ireto teny nambara manaraka ireto dia mizara ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona momba ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy sy ny Fitsanganany tamin'ny maty ary ny tena fisiany ireto lehilahy voafidy sy nomena andraikitra ireto.

# Mijoro ho Vavolombelona momba an'i Kristy Velona ireo Vavolombelona Manokana



### Mpanavotra Antsika i Jesoa

"Hasandratro miaraka amin'ny foko iray manontolo sy ny fientanentanan'ny fanahiko ny feoko mba hijoro ho vavolombelona amin'ny maha-vavolombelona manokana ahy ary hanambara fa velona Andriamanitra. I Jesoa dia Zanakalahiny, ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray ao amin'ny nofo. Mpanavotra antsika Izy ary Mpanelanelana antsika amin'ny Ray. Izy ilay maty teo amin'ny hazo fijaliana mba hanonitra ny fahotantsika. Lasa santatry ny Fitsanganana amin'ny maty Izy. Satria maty Izy dia ho velona indray isika. 'Endrey mamy sy kanto re: "Ny mandre fa velon'i Kristy!" '["Velona ilay Mpanavotra ahy," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* lah. 76]."

**Filoha Thomas S. Monson, "Velona Ilay Mpanavotra Ahy!" *Liahona,* Mey 2007, 25.**



### Vavolombelona Iray Aho

"Izaho dia tena vavolombelon'ny Tompo nitsangana tamin'ny maty, toy ireny hoe teo aho tamin'ilay hariva niaraka tamin'ireo mpianatra roa tao amin'ilay trano teo amin'ny lalan'i Emaosy. Fantatro fa velona Izy tahaka ny nahafantaran'i Joseph Smith izany rehefa nahita ny Ray sy ny Zanaka tao anatin'ilay hazavana niseho tao anatin'ny maraina namirapiratra iray tao amin'ny ala kely iray tao Palmyra izy. . . .

". . . Noho izany dia mijoro ho vavolombelona aho amin'ny maha-vavolombelon'ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika nitsangana tamin'ny maty ahy."

**Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Mankanesa Atỳ Amiko," *Liahona,* Mey 2013, 25.**



### Ny Sorompanavotana sy Famonjena

"Andriamanitra no namorona ny filazantsara ary ampahany manandanja ao anatin'ny drafitry ny famonjena na drafitry ny fanavotana izay an'Andriamanitra izany. Antsoina hoe filazantsaran'i Jesoa Kristy izany satria ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no nahafahan'ny fanavotana sy ny famonjena ho nisy. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotana dia havotana tsy misy fepetra amin'ny fahafatesan'ny vatana ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy ary havotana amin'ny fahotana raha toa ka manaiky sy mankatò ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. . . .

"Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny foko sy saiko manontolo."

**Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Have We Not Reason to Rejoice?" *Liahona,* Nôv. 2007, 19, 21.**

*LEAD, KINDLY LIGHT,* NATAON'I SIMON DEWEY © ALTUS FINE ART; LAFI-TSARY NATAON'I ERIC JOHNSEN



**I Jesoa no Kristy**

"Fantatro fa Andriamanitra no Raintsika. Nampahafantatra ny Zanany Jesoa Kristy tamin'i Joseph Smith Izy. Manambara aminareo aho fa i Jesoa no Kristy. Fantatro fa velona Izy. Teraka tamin'ny mitataovovonan'ny fotoana Izy. Nampianatra ny Filazantsarany Izy ary nosedraina. Nijaly sy nohomboana Izy ary nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo. Manana vatana nofo sy taolana tahaka ny Ray Izy. Nanatanteraka ny Sorompanavotany Izy. Mijoro ho vavolombelona ny Aminy aho. Vavolombelona iray ny Aminy aho."


**Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Ny Roambinifololahy," *Liahona,* Mey 2008, 87.**



**Onitra Hanavotana ny Fianakaviamben'ny Olombelona**

"I [Jesoa Kristy] no ivon'ny drafitra mandrakizain'ny Ray, ilay Mpamonjy izay natolotra ho onitra hanavotana ny olombelona. Nirahin'Andriamanitra ny Zanany Malalany mba handresy ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva. Tonga teto an-tany ho Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Izy. Nandresy ny sakan'ny fahafatesan'ny vatana ho antsika Izy tamin'ny alalan'ny fanolorany ny ainy. Rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Izy dia nisaraka tamin'ny vatany ny fanahiny. Nitambatra mandrakizay indray ny fanahiny sy ny vatany tamin'ny andro fahatelo ary tsy hisaraka velively intsony."


**Loholona L. Tom Perry ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "The Plan of Salvation," *Liahona,* Nôv. 2006, 71.**



**Zavatra Manan-danja Lehibe Indrindra Notanterahana teo amin'ny Tantaran'ny Olombelona**

"Nitranga tao Getsemane ny Sorompanavotan'ny [Mpamonjy] izay nahitana fa ny dininy dia tahaka ny ra nipotrapotraka (jereo ny Lioka 22:44), ary koa tao Golgota (na Kalvary), izay nanantonana ny vatany teny amin'ny hazo fijaliana teo amin'ilay hoe 'fitoeran-karandoha' izay midika hoe fahafatesana (Marka 15:22; Matio 27:33; jereo koa ny 3 Nefia 27:14). Io Sorompanavotana tsy manam-petra io dia hanafaka ny olona amin'ilay fahatsimisifetran'ny fahafatesana (jereo ny 2 Nefia 9:7). Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia nanao izay hahatonga ny fitsanganana amin'ny maty ho tanteraka ary nanao izay hahatonga ny fiainana mandrakizay ho zavatra azon'ny rehetra andrandraina. Lasa zavatra manan-danja lehibe indrindra notanterahana teo amin'ny tantaran'ny olombelona ny Sorompanavotany."

**Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "The Peace and Joy of Knowing the Savior Lives," *Liahona,* Des. 2011, 22.**



**Sorona iray ho an'ny Fahotana**

"Niaritra fijaliana tsy takatry ny saina i Jesoa Kristy tamin'ny fanolorana ny tenany ho sorona ho an'ny fahotan'ny olon-drehetra. Izany sorona izany dia nanolotra ilay faran'izay tsara indrindra—ilay Zanak'ondrilahy tsy misy kilema—handrakotra ny ratsy tena lehibe indrindra—dia ny fahotan'izao tontolo izao. . . .

"Io sorona io—ilay Sorompanavotan'i Jesoa Kristy—no ivon'ny drafitry ny famonjena. . . .

"Fantatro fa i Jesoa Kristy no Zanaka Lahitokan'Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay. Fantatro fa noho ny Sorompanavotana nataony dia manana antoka isika hahazo ny tsy fahafatesana sy ny fahafahana hahazo ny fiainana mandrakizay. Izy no Tompontsika sy Mpamonjy antsika ary Mpanavotra antsika."

**Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Ny Sorona," *Liahona,* Mey 2012, 19, 22.**




**Mitarika ny Fiangonany ny Mpamonjy Ankehitriny**

"Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia ampahany tena manan-danja tao anatin'ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ho an'ny iraka nandefasany ny Zanany teto an-tany sy ho an'ny famonjena antsika. Tokony ho feno fankasitrahana isika hoe, tsy nanalalana ny Ray any an-danitra fa kosa nanohitra ilay saimbatana ananan'ny ray mba hamonjy ilay Zanaka Malalany. Noho ny fitiavany mandrakizay antsika sy ianao dia navelany i Jesoa hanatanteraka ilay iraka nanirahana azy mialoha mba ho Mpanavotra antsika. . . .

"Tsy maty i Jesoa Kristy ilay Mpamonjy sy Mpanavotra ny olona rehetra. Velona Izy—velona ilay zanakalahin'Andriamanitra—izany no fijoroako ho vavolombelona ary mitantana ny raharahan'ny Fiangonany izy amin'izao fotoana izao."

**Loholona M. Russell Ballard avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "The Atonement and the Value of One Soul," *Liahona,* Mey 2004, 85, 86.**




**Fanantenantsika, Mpanelanelana antsika, Mpanavotra antsika**

"Ao amin'ny [Raintsika any an-danitra] sy ny Zanany Malalany Jesoa Kristy no ahitantsika fiadanana. Fantatro fa tia anao ny Mpamonjy. Hanamafy ny ezaka ataonao eo amin'ny fampatanjahana ny fijoroanao ho vavolombelona Izy mba ho lasa hery mitondra zavatra tsara eo amin'ny fiainanao sy hery izay hanohana anao isaky ny sahirana ianao ary hanome fiadanana sy fahatokiana anao ao anatin'izao fotoana feno fiahiahiana izao.

"Amin'ny maha-iray amin'ireo Apôstôliny nomena lalana mba hijoro ho vavolombelona momba Azy, dia mijoro ho vavolombelona aho fa fantatro fa velona ny Mpamonjy, ary olona nitsangana tamin'ny maty sy be voninahitra izay manam-pitiavana lavorary Izy. Izy no fanantenantsika sy Mpanelanelana antsika ary Mpanavotra antsika."

**Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "The Power of a Strong Testimony," *Liahona,* Jan. 2002, 103.**



**Nisotro ilay Kapoaka Mangidy**

"Tao amin'ny zaridainan'i Getsemane, dia tsy nitakemotra ny tsy hisotro ilay kapoaka mangidin'ny Sorompanavotana ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika [jereo ny F&F 19:16–19]. Ary teo amin'ny hazo fijaliana Izy dia nijaly indray mba hanatanterahana ny sitrapon'ny Rainy, mandra-pahafahany niteny tamin'ny farany hoe: 'Vita' [Jaona 19:30]. Naharitra hatramin'ny farany Izy. Ho valin'ny fankatoavana tonga lafatra nasehon'ny Mpamonjy teo amin'ny fijoroana sy fiorenana, dia nanambara ny Ray any an-danitra hoe: "Indro ny Zanako Malalako izay ao Aminy no tena ifaliako, izay tao Aminy no efa nankalazako ny anarako' [3 Nefia 11:7].

". . . Ndeha isika hanome voninahitra ny anaran'Andriamanitra amin'ny fitsangantsika sy fiorenantsika miaraka amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika. Mijoro ho vavolombelona manokana aho fa velona Izy."

**Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Mitsangàna sy Miorena eo amin'ny Toerana Masina," *Liahona,* Mey 2013, 51.**



**Ilay Hany Zanak'Andriamanitra Tonga Lafatra**

"Fantatro fa Andriamanitra dia Raintsika any An-danitra be fitiavana sy mamela heloka, amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny fomba rehetra ary amin'ny toejavatra rehetra. Fantatro fa i Jesoa no hany Zanany tonga lafatra, izay sitrapon'ny Ray sy ny Zanaka no nanolorany ny ainy mba ho fanavotana antsika rehetra izay tsy tanteraka. Fantatro fa nitsangana tamin'ny maty Izy mba hiaina indray ary satria nitsangan-ko velona Izy dia ho toy izany koa izaho sy ianao."

**Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Tompo ô, Mino Aho," *Liahona,* Mey 2013, 95.**



## Fantatro fa Velona ny Mpamonjy

"Izaho dia mijoro ho vavolombelona sy maneho fankasitrahana momba ilay sorona tsy manam-petra sy mandrakizain'i Jesoa Kristy Tompo. Fantatro fa velona ny Mpamonjy. Efa niaina ilay heriny manavotra sy ilay heriny manampy aho ary mijoro ho vavolombelona fa ireo hery ireo dia tena misy ary azontsika tsirairay ananana. Tena marina fa afaka manao sy mandresy ny zava-drehetra 'amin'ny herin'ny Tompo' isika rehefa mibosesika mandroso ao anatin'ilay diantsika eto an-tany."

**Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Ny Sorompanavotana sy ilay Dia Eto An-tany," *Liahona,* Apr. 2012, 19.**



## Nanatanteraka ny Asa Nanirahana Azy i Kristy

"Nentin'ny [Mpamonjy] teny Aminy ny 'vesatry ny fahotan'ny olombelona' ary 'ireo zava-doza entin'i Satana . . . mba hampijaliana' [James E. Talmage, *Jesus the Christ,* 613]. Tao anatin'izany toejavatra izany dia niaritra ilay fitsarana nomankomanina an-tsokosoko Izy ary ireo zava-niseho nahatsiravina izay nitondra tany amin'ny Fanomboana Azy. Farany dia nitondra tany amin'ilay Fitsanganan'i Kristy tamimpandresena tamin'ny maty izany ny Alahadin'ny Paska. Nahatanteraka ny iraka masina nampanaovina Azy ho Mpamonjy sy Mpanavotra i Kristy. Hitsangana amin'ny maty isika ary hikambana amin'ny fanahintsika indray ny vatantsika. . . .

"Mizara ny fijoroako ho vavolombelona amin'ny maha-apôstôly ahy aho fa velona i Jesoa Kristy ary Izy no Mpamonjy sy Mpanavotra an'izao tontolo izao. Nanome ilay lalana mankany amin'ny fahasambarana marina Izy."

**Loholona Quentin L. Cook ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly, "Manaraka an'i Jesoa Kristy Isika," *Liahona,* Mey 2010, 83–84, 86.**




## Nanavotra Antsika ny Mpamonjy

"Manavotra antsika amin'ny fahotana ny fijalian'ny Mpamonjy tao Getsemane sy ny fialany aina teo amin'ny hazo fijaliana amin'ny alalan'ny fanefana ny fitakian'ny fahamarinana amintsika. Maneho famindram-po sy mamela heloka ireo izay mibebaka Izy. Ny Sorompanavotana koa dia manefa ny trosa ananantsika amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny fanasitranana sy ny fanarenana antsika tamin'izay fijaliana nozakaintsika tamim-pahatsoram-po. 'Fa indro miaritra ny fijalian'ny olon-drehetra Izy, eny, ny fijalian'ny manan'aina tsirairay, na lehilahy na vehivavy na ankizy, izay isan'ny fianakavian'i Adama' (2 Nefia 9:21; jereo koa ny Almà 7:11–12). . . .

". . . Ao amin'i Jesoa Kristy ary ao Aminy irery ny fanavotana faratampony. Manaiky Azy amim-panetrentena sy amim-pankasitrahana ho ilay Mpanavotra aho."

**Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo "Fanavotana," *Liahona,* Mey 2013, 110, 112.**



## Ilay Fananganana amin'ny Maty sy Fiainana

"Ambonin'ny zavatra rehetra ambarantsika mikasika an'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Ny zava-drehetra manorina ny maha-izy antsika—ny zava-drehetra hanorina ny maha-izy antsika rahatrizay—dia avy Aminy. . . .

"Manakoako nandritra ny taonjato maro ny teniny:

"'Izaho no fananganana ny maty sy ny fiainana: izay mino Ahy na dia maty aza dia ho velona indray:

"'Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay' (Jaona 11:25–26).

"Ry rahalahy sy anabavy, velona Izy. Nitsangana tamin'ny maty Izy. Mitarika ity asany masina eto ambonin'ny tany ity Izy."

**Loholona Neil L. Andersen Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Mankanesa ao Aminy," *Liahona,* Mey 2009, 80.**



*ABIDE WITH ME,* NATAON'I SIMON DEWEY © ALTUS FINE ART

## FANONTANIANA SY VALINY

**Manao ahoana ny endriky ny olona iray nitsangana tamin'ny maty?**

"Rehefa avy nandalo ity fiainana ity isika dia hanana . . . vatana feno voninahitra izay tsy hianjadian'ny aretina sy ny fijaliana intsony ary ho lasa faran'izay tsara. Tsy misy zavatra hafa kanto kokoa ny mijery azy noho ny lehilahy na vehivavy iray nitsangana tamin'ny maty. Tsy misy zavatra hafa ananan'ny lehilahy [na vehivavy] azoko eritreretina ka hoe lehibe kokoa noho ny vatana nitsangana tamin'ny maty. Tsy misy Olomasin'ny Andro Farany . . . tsy manana fanantenana ny hitsangana amin'ny marainan'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany izany sy ny ho fenoina voninahitra ary hasandratra eo anatrehan'Andriamanitra."

**Filoha Lorenzo Snow (1814–1901), ao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1900, 4.**



**Nosoratan'ny Loholona William R. Walker**
Ao amin' ny Fitopololahy



# Araho NY MPAMINANY

Ny Filoha Thomas S. Monson dia nampianatra lesona tena tsara taona maro lasa izay. Tamin'ity fotoana ity dia nozaraina tamin'ny vondron'ireo Manampahefana Ambony izany izay nanao dia nankany Salt Lake City, Utah, ka maro tamin'izy ireo no avy tany amin'ny toerana maro manerana an'izao tontolo izao ary nanompo tao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritra izy tany aminy. Niara-nivory izahay mba handray torolalana avy amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Apôstôly Roambinifolo.

*Rehefa manaraka ny Filoha Monson isika ary miezaka ny hitovy Aminy dia azo antoka fa hahomby isika eo amin'ny fiezahantsika mba ho mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo mahatoky kokoa.*

Rehefa akaiky hiantomboka ilay fivoriana dia toa efa tao amin'ny toeram-pivoriana daholo ny rehetra afa-tsy ny Filoha Monson. Minitra maromaro talohan'ny hiantombohan'ilay fivoriana dia nijanona tsy nifampiresaka intsony izahay ary nipetraka tamim-panajana nihaino ny feonkira nolalaovina mialohan'ny fivoriana ary niandry ny fahatongavan'ny mpaminany amin'izay.

Niandry tamim-paharetana izahay rehefa tonga ny tamin'ny 9:00 maraina sy taorian'ny tamin'ny 9:00 maraina. Nisy olona iray nandeha nivoaka tamin'ny varavarana iray tao amin'ilay efitrano—mazava ho azy mba hijery sao dia misy hanampiana. Rehefa niverina izy dia nilaza hoe: "Ho avy tsy ho ela ny Filoha Monson."

15 minitra taorian'izany dia niditra ny efitrano ny Filoha Monson. Nitsangana izahay rehefa niditra izy mba ho fanajana azy. Faly izahay nahita azy ary faly fa salama izy. Tsy nisy antony tonga dia niharihary ka nahatonga azy ho tara.

Tonga dia namantana teny amin'ny polpitra ny Filoha Monson ary nilaza hoe: "Ry Rahalahy, miala tsiny aho noho ny fahatarako fa nila ahy ny vadiko androany maraina."

Tena taitra sy nanetry tena lalina aho ary tsy nitsahatra nieritreritra ny teny nolazainy.

Fivoriana tena manan-danja izany. Tafavory tao ireo mpitarika manana andraikitra ambony tao amin'ny Fiangonana, nefa naneho ohatra ho anay rehetra ny Filoha Monson. Nila azy ny vadiny ary nanokana izay fotoana nilaina izy mba hikarakarana azy. Lesona lehibe no nozaraina. Tsy tadidiko daholo ny zavatra rehetra nolazaina tamin'izay andro izay fa tadidiko kosa ilay lesona hoe: "Nila ahy ny vadiko."

### Manaraka ny Ohatra Asehon'ny Mpaminany

Te hanolotra fomba dimy ahafahana manaraka ny ohatra nasehon'ny Filoha Monson aho.

**1. Afaka ny hanana toe-tsaina mihevitra zavatra tsara sy marina isika ary afaka ny ho faly.**

Ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy, dia nolazain'ny Mpaminany Joseph Smith ny "toetrany falifaly" (Joseph Smith—Tantara 1:28). Toetran'ny Filoha Monson koa ny "falifaly."

Indray mandeha nilaza ny Filoha Monson hoe: "Afaka misafidy ny hanana toe-tsaina mihevitra zavatra tsara sy marina isika. Tsy afaka manova ny fitsokan'ny rivotra isika fa afaka kosa manova ny fipetraky ny lain-tsambo. Amin'ny teny hafa dia afaka misafidy ny ho faly sy hanana toe-tsaina mihevitra zavatra tsara sy marina isika na inona na inona toe-javatra iainantsika."[1]

Indray andro aho niandry tao ivelan'ny efitrano fivorian'ny Fiadidiana Voalohany. Nasaina mba handray anjara tao anatin'ny fivoriana iray hiresahana momba ny tempoly aho. Nipetraka irery tamim-pahanginana tany ivelan'ilay efitrano aho. Nihevitra aho fa efa nivory ny Fiadidiana Voalohany ary hasaina mba hiaraka amin'izy ireo aho rehefa afaka minitra vitsy.




***Mifantoka any amin'ny ankizy ny Filoha Monson isaky ny misy fitokanana tempoly. Tiany ny mampandray anjara azy ireo mandritra ny fotoana fametrahana ilay vato fototra.***

Rehefa nipetraka teo aho dia naheno olona nandeha nidina ny lalantsara nisiotsioka. Niteny tany an-tsaiko tany aho hoe: "Misy olona tsy mahatakatra ny fitsipika tokony harahina mihitsy. Tsy tokony handehandeha amimpisiokana aty ivelan'ny biraon'ny Filohan'ny Fiangonana aty izany ianao."

Fotoana fohy taorian'izay dia indro nipoitra avy tery an-jorony tery ilay mpisioka—ny Filoha Monson ilay izy. Faly sy manana toe-tsaina mihevitra zavatra tsara sy marina izy. Narahabainy tamin-katsaram-panahy aho ary nilaza izy hoe: "Hatombontsika afaka minitra vitsy ny fivoriana."

Na dia mavesatra aza ny andraikitra sahininy ao anatin'ny Fiangonana iray manontolo dia ohatra iray amin'ny fahaizana mifaly sy fananana foana toe-tsaina mihevitra zavatra tsara sy marina izy. Tokony ho toy izany koa isika.

**2. Afaka ny ho tsara fanahy amin'ny ankizy sy afaka ny ho feno fitiavana azy ireo isika.**

Niresaka matetika momba ny ankizy i Jesoa. Miresaka matetika momba ny ankizy koa ny Filoha Monson mpaminaniny. Hitako, indrindra nandritra ireny fitokanana tempoly ireny ny fitiavany ny ankizy ary amin'ny alalan'ny ohatra asehony no ampianarany antsika ny fomba hitondrana azy ireo. Mifantoka any amin'ny ankizy izy isaky ny misy fitokanana tempoly. Tiany ny mampandray anjara azy ireo mandritra ny fotoana fametrahana ilay vato fototra ary manasa ankizy vitsivitsy foana izy mba hanisy simenitra kely ny vato fototra mba handraisan'izy ireo anjara ao anatin'ilay fotoana fanehoana marika fa vita ny tempoly iray. Ataony izay hahatonga izany hahafinaritra azy ireo. Mitsikitsiky be amin'izy ireo izy. Mampahery sy mandoka azy ireo izy. Mahafinaritra ny mijery izany.

Ilay fiarahabany feno fitiavana dia indraindray miseho amin'ny alalan'ny fipehany ireo rantsantanana dimy, fanetsiketsehany ny sofiny ary famporisihany mba hanao asa fitoriana sy hanambady any amin'ny tempoly.

Taona vitsy lasa izay dia voatendry hitokana ny Tempolin'i Oquirrh Mountain Utah ny Filoha Monson tamin'ny andro iray nitsingerenan'ny taona nahaterahany. Rehefa tonga teo amin'ny tempoly izy ka nanatona ny varavarana fidirana ao amin'ny tempoly dia nisy vondron'ankizy tafavory teo. Mazava ho azy fa fantatr'izy ireo hoe andro nitsingerenan'ny taona nahaterahan'ny Filoha Monson tamin'izay satria nanomboka nihira ny hira "Happy Birthday" ho azy izy ireo. Nijanona izy ary nanatrika azy ireo niaraka tamin'ny tsikitsiky be teny amin'ny endriny. Nanomboka nanetsiketsika ny tanany mihitsy aza izy toy ireny hoe izy no mitarika ny hira. Ary nampian'izy ireo hoe: "Ho lava andro iainana" tany amin'ny faran'ny fiverenan-kira. "Izay no tena tiako indrindra ao anatin'ilay hira," hoy izy tamiko.

Tia azy ny ankizy sy ny zatovon'ny Fiangonana ary azon'izy ireo antoka fa tia azy ireo koa izy.

**3. Afaka manaraka ny fitarihan'ny Fanahy isika.**

Nolazain'ny Filoha Monson tamin'ny fomba tsara tao anatin'ireto teny ireto ny fahafoizan-tenany hanompo ny Tompo sy ny fanoloran-tenany hanaraka ny bitsiky ny Fanahy: "Ny toe-javatra iainana tena tsara indrindra fantatro eo amin'ny fiainana dia ny fahatsapana bitsika iray sy ny fanaovana asa mifanaraka amin'izany ary ny fahitana aty aoriana fa fahatanterahan'ny vavaka nataon'ny olona iray izany na nahazoana ny zavatra nilain'ny olona iray izany. Ary tiako foana ny Tompo hahafantatra fa raha misy zavatra tiany hatao dia eo i Tom Monson hanao izany ho Azy."[2]

Tokony hiriantsika mba harahina izany tarigetra izany.

**4. Afaka mitia ny tempoly isika.**

Ny Filoha Monson dia ho fantatra ao anatin'ny tantara fa iray amin'ireo mpanorina lehibe tempoly teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana. Hatramin'ny naha-Filohan'ny Fiangonana azy tamin'ny Febroary 2008 dia nanohy ilay asa lehibe fanorenana tempoly izy. Tao anatin'ny enin-taona naha-mpaminany azy dia nanambara lamina hananganana tempoly 33 vaovao izy.

Hoy ny Filoha Monson hoe: "Enga anie isika hiaina ny fiainantsika amim-pahamendrehana, amin'ny tanana sy fo madio, mba hahafahan'ny tempoly hikasika ny fiainantsika sy ny fianakaviantsika."[3]

Nanome ity fampanantenana tena tsara ity koa izy: "Rehefa tia ny tempoly sy mikasika ny tempoly ary miditra ny tempoly isika dia ho hita taratra eo amin'ny fiainantsika ny finoantsika. Rehefa miditra ireny trano masin'Andriamanitra

ireny isika ary rehefa mahatsiaro ireo fanekempihavanana natao tao anatin'izany, *dia ho afaka ny hahazaka ny fitsapana rehetra ary handresy ny fakam-panahy tsirairay.*"[4]

Ndeha isika hanaraka ilay lamina napetraky ny mpaminany ho antsika eo amin'ny fitiavana ny tempoly.

**5. Afaka ny ho tsara fanahy sy feno fanajana ary feno fitiavana isika.**

Ny Filoha Monson dia ohatra tena tsara iray eo amin'ny fanehoana fitiavana ny hafa. Ny asa fanompoany iray manontolo dia feno famangiana tokantrano; fametrahany ny tanany eo amin'ny loha sy fanomezana tsodrano; fanaovana antso an-tariby tampotampoka mba hitondrana fampaherezana sy famporisihana; fandefasana taratasy fankaherezana sy fiderana ary fankasitrahana; famangiana hopitaly sy toby fikarakarana olona ary fahitana fotoana hanatrehana fandevenana sy fiandrasam-paty na dia tena feno aza ny fandaharam-potoana.

Nandehandeha nanao soa toy ny ho nataon'ny Mpamonjy i Thomas Monson (jereo ny Asan'ny Apôstôly 10:38) sy nitahy ary nitia ny hafa. Izany no hery nampandroso azy teo amin'ny fiainany.

Nisy ohatra iray niavaka naneho ny hatsaram-panahin'ny Filoha Monson tamin'ny 2012. Rehefa nanakaiky ny fahavitan'ny Tempoly tsara tarehin'i Brigham City Utah dia nihaona tamin'ny Fiadidiana Voalohany aho mba hiresaka momba ny lamina hanaovana ny fitokanana izany. Noho i Brigham City izay adiny iray monja any avaratr'i Salt Lake City raha mitondra fiara, dia tena ho mora ho an'ny Filoha Monson ny nandeha tany amin'ilay fitokanana.

Saingy hoy ny Filoha Monson hoe "Toerana niavian'ny Filoha Boyd K. Packer i Brigham City, io Apôstôly lehibe izay nipetraka teo akaikiko nandritra ny taona maro dia maro tao amin'ny Roambinifololahy io. Tiako izy no hanana ny voninahitra sy tombontsoa hitokana tempoly any amin'ny toerana niaviany. Hijanona any an-trano aho ary homeko andraikitra mba hitokana ny Tempolin'i Brigham City ny Filoha Packer. Tiako ho andro manan-danja lehibe ho azy izany."

Andro tena nahafinaritra izany ho an'ny Filoha Packer sy Rahavavy Packer, izay lehibe tao Brigham City koa. Nanohina tanteraka ny fihetsika feno hatsaram-panahy sy halemem-panahy nasehon'ny Filoha Monson tamin'ilay Apôstôly namany. Afaka ny ho tahaka izany daholo isika rehetra. Afaka mizara sy maneho hatsaram-panahy ary mieritreritra bebe kokoa an'ireo manodidina antsika isika.

## Ny Lamin'ny Mpaminany iray

Nampianatra antsika ny fomba tokony hiainantsika ny fiainantsika ny Filoha Monson tamin'ny alalan'ireo hafatra tena tsara sy manentana ny fanahy nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana. Nampianatra antsika ny fomba hahatongavana ho mpanara-dia an'i Jesoa Kristy izy tamin'ny alalan'ny ohatra manokana nasehony izay niavaka sy tena tsara. Nanome antsika lamina arahina tokoa ny Tompo ho an'ny zavatra rehetra ary ny iray amin'ireo lamina ireo izay tokony katsahintsika ny hanaraka azy dia ny lamin'ny mpaminany malalantsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa misy Andriamanitra any an-danitra izay mahalala antsika sy tia antsika. Nomeny mpaminany iray isika—mba hitarika sy hampianatra ary hitantana antsika amin'izao andro farany izao. Mino aho fa manantena antsika ny Tompo mba hitia ny mpaminany sy hanohana azy ary hanaraka ny ohatra nasehony.

Raisiko ho toy ny fitahiana lehibe ny miaina ao anatin'ny andro izay maha-mpaminanin'ny Tompo an'i Thomas S. Monson. Rehefa manaraka azy isika sy miezaka ny hitovy bebe kokoa aminy dia azo antoka fa hahomby isika eo amin'ny fiezahantsika ho mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo mahatoky bebe kokoa. ■

*Avy amin'ny Fivoriana Fampaherezam-panahy an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana izay natao tao amin'ny Brigham Young University–Idaho tamin'ny 5 Mey 2013. Mba hahitana ilay lahateny iray manontolo amin'ny dia midira ao amin'ny lds.org/broadcasts.*



***Nandehandeha nanao soa toy ny ho nataon'ny Mpamonjy i Thomas Monson sy nitahy ary nitia ny hafa. Izany no hery nampandroso azy teo amin'ny fiainany.***


**FANAMARIHANA**

1. "Messages of Inspiration from President Monson," *Church News,* 2 Sept. 2012, 2.
2. *On the Lord's Errand* (DVD, 2008).
3. Thomas S. Monson, "Fitahiana avy amin'ny Tempoly," *Liahona,* Ôkt. 2010, 19.
4. Thomas S. Monson, *Be Your Best Self* (1979), 56; nampiana fanamafisana.








# Philippines:

## HERY ARA-PANAHY EO AMIN'IREO NOSIN-DRANOMASINA

*Tao anatin'ny 53 taona monja dia niaina tanjaka sy fivoarana mahavariana ny Fiangonana tany Philippines, izay fantatra amin'ny hoe: "La Perle de l'Orient."*

Ho an'i Augusto A. Lim, ilay hafatra nozarain'ireo tovolahy misiônera anankiroa avy tany États-Unis dia toa nanamafy ireo fitsipika izay efa fantany fa marina. Amin'ny maha-mpisolo vava sy Kristianina azy dia nahatsikaritra i Augusto fa ny foto-pampianarana toy ny fitohizan'ny fanambarana dia "zavatra efa ninoako na dia mbola tany amin'ny lycée sy oniversite aza aho."[1]

Volana maro taty aoriana dia nanaiky ny hanatrika fivoriam-piangonana Alahady i Augusto ary nanaiky ny hanao ilay fanamby mba hamaky sy hivavaka momba ny Bokin'i Môrmôna. "Nanomboka namaky tamim-pahamatorana ny Bokin'i Môrmôna aho tao anatin'ilay toe-tsaina izay natoron'i Môrônia antsika fa tokony [hananana]. Nitantara izy hoe "Rehefa nanao izany aho niaraka tamin'ilay faniriana ny hahafantatra ny fahamarinan'izany—rehefa avy namaky andalana vitsivitsy—dia nahazo fijoroana ho vavolombelona aho."[2]

Natao batisa tamin'ny Ôktôbra 1964 i Augusto Lim ary lasa mpisava lalan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany tany Philippines, niaraka tamin'ny vadiny sy ny fianakaviany izay niditra ho mpikambana koa fotoana fohy taorian'izany. Ankehitriny taorian'ny fanaovana asa fanompoana tamim-pahatokiana ampolotaonany maro tao amin'ny Fiangonana—izay nahitana ny niantsoana azy ho Manampahefana Ambony tamin'ny 1992, ary izy no olona voalohany avy tany Philippines nanompo teo amin'io toerana io—dia maneho ny finoana sy ny fanoloran-tenan'ireo Olomasin'ny Andro Farany an'arivorivony maro mipetraka ao "La Perle de L'Orient" ny Rahalahy Lim.

### Tany Lonaka Iray

Teo amin'ny 550 taona talohan'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy teo dia nampanantena an'i Nefia mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny Tompo hoe: "Tsaroako ireo izay any amin'ny nosin-dranomasina," ary "Izaho no mampitondra ny teniko an'ny zanak'olombelona, eny, na dia ho an'ny firenena rehetra ambonin'ny tany aza" (2 Nefia 29:7). Ho an'ireo rehetra izay namaky ireo teny miavaka ireo, dia misy vondron'olona iray avy any amin'ny "nosin-dranomasina" tonga ato an-tsaiko: Philippines.

Ny Repoblikan'i Philippines izay manakaiky ny 100 tapitrisa ny isan'ny mponina ao aminy dia tangoronosy iray lehibe izay ivondronan'ny nosy miisa 7100 eo ho eo any amin'ny morontsiraka atsimo atsinanan'i Azia. Firenena iray tsara tarehy an'ny faritry ny zanapehintany izany izay onenan'ny olona tsara fanahy sy mavitrika ary manetry tena. Kanefa ilay firenena dia toa mora tratran'ny horohorontany, rivo-mahery, fitroatran'ny afotroa, fiakaran'ny ranomasina sy ireo loza ara-boajanahary hafa ary ianjadian'ny olana ara-toekarena sy ara-piaraha-monina maro. Olana lavareny ny fihanahan'ny fahantrana ary efa niaina fotoana nisian'ny korontana ara-pôlitika sy olona ara-toekarena ireo olona any Philippines.

Saingy ho an'ireo izay efa zatra ny fomban'ny Tompo dia tany lonaka azo hambolena tsara ny voan'ny filazantsara i Philippines. Ankoatra ny fiteny Tagalog sy ireo fitenin-drazana hafa dia maro ireo olona any Philippines no miteny Anglisy izay tenim-pirenena ihany koa. Noho izy teo ambanin'ny fitondrana Espaniôla dia Kristianina ny 90 isan-jaton'ny mponina ary Silamo ny ambiny izay kely nefa misongadina.

SARIN'NY SAMBO IRAY © GETTY IMAGES; SARIN'NY FIANAKAVIANA IRAY TEO AMIN'NY TEMPOLIN'I MANILLE PHILIPPINES NALAIN'I DANILO SOLETA



*Rehefa niorina teo amin'ireo fitsipiky ny filazantsara ireo tanora mpitovo sy mpivady vao herotrerony tany Philippines dia nahita fahombiazana ary lasa mpitarika matanjaka tao amin'ny Fiangonan'ny Tompo.*

Ny fanandramana voalohany mba hampiditra ny Fiangonana tany Philippines dia natao tamin'ny 1898 nandritra ny Ady nisy teo amin'ny Espaniôla sy Amerikanina tamin'ny alalan'i Willard Call sy i George Seaman, miaramila Olomasin'ny Andro Farany avy any Utah izay natokana ho misiônera talohan'ny nialan'izy ireo. Rehefa nanana fahafahana izy ireo dia nitory ny filazantsara, saingy tsy tonga hatrany amin'ny batisa izany.

Nandritra ny Ady Lehibe Faha II dia Olomasin'ny Andro Farany maro no niditra tany amin'ireo nosy niaraka tamin'ireo miaramilan'ny hery mikambana izay niroso hiady amin'ny fahavalony. Tamin'ny 1944 sy 1945 dia nisy andia-miaramila nanao fivoriam-piangonana tany amin'ny toerana maro ary Olomasin'ny Andro Farany izay miaramila sy mpiasa mpanohana maro no mbola tany Philippines rehefa tapitra ny ady. Anisan'izy ireo i Maxine Tate sy i Jerome Horowitz izay olona vao vita batisa vao haingana. Samy nanampy tamin'ny fampahafantarana ny filazantsara an'i Aniceta Fajardo izy roa ireo. Rehefa nanampy tamin'ny fanorenana indray ny tranon'i Aniceta tany amin'ny faritra iray voadaroky ny baomba tao Manille iny Rahalahy Horowitz dia nozarainy tamin'i Aniceta sy ny zanany vavy Ruth, ilay finoana vaovao noraisiny.

Nahazo fijoroana ho vavolombelona i Aniceta ary naniry ny hatao batisa saingy tsy nanome lalana ny hanaovana batisa ny olona tany Philippines ny Fiangonana tamin'izay satria tsy nisy vondron'ny Fiangonana nipetraka maharitra tany amin'ireo nosy. Nahafantatra ny fanirian'i Aniceta ny Loholona Harold B. Lee (1899–1973) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary tamin'ny naha-filohan'ny Komity Faoben'ny Miaramila azy, dia nanome alalana ny hanaovana batisa an'i Aniceta ny Loholona Lee. Ny Marainan'ny Paska tamin'ny 1946, dia nataon'ny miaramila iray Loren Ferre batisa i Aniceta Fajardo ary Filipiana voalohany fantatra fa lasa mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izy ankehitriny.

**Ny Fiantombohan'ny Asa Fitoriana**

Taorian'ny ady dia nisy vondrona an'ny Fiangonana naorina tany amin'ny toby roa an'ny tafika Amerikanina —Clark Air Base sy Subic Bay Naval Base—noho ireo miaramila Olomasin'ny Andro Farany izay niandrandra ny hanorenana rafitry ny Fiangonana mivaingana kokoa any Philippines. Notokanan'ny Filoha Joseph Fielding Smith (1876–1972) mba hitoriana ny filazantsara i Philippines tamin'ny 21 Aogôsitra 1955. Nanemotra ny fahatongavan'ny misiônera izay tsy tonga raha tsy tamin'ny 1961 anefa ireo famerana teo amin'ny lalàna.

Tamin'ny 1960 dia namangy an'i Philippines nandritra ny andro maromaro ny Loholona Gordon B. Hinckley (1910–2008), izay Mpanampy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany: "Nambarako ilay hevitra hoe hahomby tokoa toy ny any amin'ny toerana hafa manerana an'izao tontolo izao ny asa fitoriana eto."[3] Ny taona nanaraka izany rehefa natao ny fanomanana maro ary feno ireo taratasy nilaina izay nokarakarain'ireo mpikambana toa an'i Maxine Tate Grimm sy ny Filoha Robert S. Taylor avy tany amin'ny Misionan'i Far East Atsimo ary koa ireo namana tany ivelan'ny Fiangonana dia niverina tany amin'ireo nosy ny Loholona Hinckley mba hitokana indray an'i Philippines ho an'ny fanombohana ny asa fitoriana.

Ny 28 Aprily 1961, tany amin'ny faritra ivelany kelin'i Manille dia nihaona tamin'ny vondron'olona kely nahitana miaramila mpikambana sy Amerikanina nipetraka tao amin'ilay faritra ary mpikambana Filipiana iray—David Lagman—ny Loholona Hinckley ary nanolotra vavaka iray manokana manao hoe: "An'arivorivony maro no handray ity hafatra ity ary hahazo fitahiana amin'ny alalan'izany."[4] Vetivety dia lasa faminaniana ireo teny nolazain'ny mpanompo marin'ny Tompo ireo.

Tonga tany Manille ireo misiônera efatra voalohany—Raymond L. Goodson, Harry J. Murray, Kent C. Lowe, sy Nester O. Ledesma—herinandro maromaro taty aoriana. "Vetivety foana dia nanaiky amim-pahavitrihana ny filazantsara ireo Filipiana," araka ny fanamarihan'ny Loholona Lowe. "Rehefa manapa-kevitra ny hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana ny lohan'ny fianakaviana dia ny tranga miseho matetika dia lasa miditra ho mpikamban'ny Fiangonana koa ny fianakaviana iray manontolo."[5]

**Miroborobo ny Fiangonana**

Niroborobo ny asa ka tonga hatrany amin'ny nananganana ny Misionan'i Philippines izany tamin'ny 1967. Rehefa tonga ny faran'ny taona dia nisy mpikambana miisa 3193 tao amin'ny misiona ary ny 631 tamin'ireo dia olona vita batisa tamin'io taona io ihany. Vao tonga ny taona 1973 dia nahatratra 13.000 ny isan'ny mpikambana tao amin'ny Fiangonana tany Philippines. Ny 20 Mey 1973 dia naorina ny Tsatòkan'i Manille Philippines ka i Augusto A. Lim no filoha. Nozaraina ny misiona tamin'ny 1974 ka nahatonga ny fiforonan'ny Misionan'i Manille Philippines ary ny Misionan'i Cebu City.

Tamin'ny Aogôsitra 1975, dia tonga tany Manille ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985) mba hiahy ny fihaonamben'ny faritra voalohany. Volana fisian'ny orambaratra ny Aogôsitra ka nahatonga ny fanaovana dia ho sarotra kokoa ho an'ireo izay any ivelan'i Manille. Saika tsy nahavita izany ny fiara fitateram-bahoaka iray feno

**Fitahiana avy amin'ny Tempoly**

Tamin'ny Desambra 1980, dia nalefan'ny Filoha Spencer W. Kimball tany Manille ny talen'ny departemanta misahana ny fananana tany sy trano mba hitady toerana tsara iray hanorenana tempoly. Rehefa avy nijery toerana maro ilay tale dia nandefa fangatahana mba hividy tany 1.4 ha tany Quezon City. Hita misongadina eo amin'ilay Lohasahan'i Marikina ilay tany ary azo atao hoe mora ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana ny hahatongavana eo amin'ilay toerana. Nekena ilay fangatahana ary novidiana ny Janoary 1981 ilay tany. Novaina hoe Temple Drive ny anaran'ilay arabe izay fangatahana nataon'ny Fiangonana.

Mpikambana teo amin'ny 2.000 teo avy tany amin'ny faritra rehetran'ireo nosy no tonga tamin'ny alalan'ny sambo, fiaran-dalamby sy fiara fitateram-bahoaka mba hanatrika ny fotoan-dehibe fangadiana fototra tamin'ny 25 Aogositra 1982 na dia nisy rivo-mahery nanambana aza. Vetivety dia nanomboka ny fanorenana ny tempoly

**FISEHOAN-JAVATRA ARA-BANIMPOTOANA**

*1898: Nisy miaramila anankiroa Olomasin'ny Andro Farany nitory ny filazantsara tany Philippines nandritra ny Ady teo amin'ny Espaniôla sy Amerikanina*



*1944–45: Nisy miaramila Olomasin'ny Andro Farany bebe kokoa nitory nandritra ny Ady Lehibe Faharoa*

*1946: I Aniceta Fajardo no Filipiana voalohany fantatra ho vita batisa sy noraisina ho mpikamban'ny Fiangonana*



*1955: Nanokana an'i Philippines hitoriana ny filazantsara ny Filoha Joseph Fielding Smith*

Olomasina avy tany Laoag City, saingy natosik'ireo Olomasina hivoaka ilay fotaka mandrevo ny fiarany ary nitalaho an'ilay mpamily izy ireo mba tsy hiverin-dalana. Nisy vondron'olomasina namakivaky tamin-kerimpo ny ranomasina tao anatin'ny oram-baratra tao anatin'ny telo andro mahery satria ny hany zavatra tena manan-danja hoy ny rahavavy iray dia ny mahita sy mihaino ny mpaminanin'Andriamanitra velona iray.

Nitsidika an'i Philippines indray ny Filoha Kimball tamin'ny 1980 mba hiahy fihaonamben'ny faritra iray hafa ary nihaona nandritra ny fotoana fohy tamin'ny filohan'ny Philippines Ferdinand Marcos koa izy. Nanomana ny lalana izay nahafahan'ny Fiangonana nanokatra ivontoerana fanofanana misiônera tany Philippines izany tamin'ny farany tamin'ny 1983 ary nahafahana nitokana ny Tempolin'i Manille Philippines ny taona taorian'izany. Naorina ny Vondrom-paritra Philippines/Micronésie izay nanana ny foibeny tany Manille tamin'ny 1987.

Nisy fantina avy amin'ny Bokin'i Môrmôna izay nadika tamin'ny fiteny Tagalog tamin'ny 1987. Misy amin'ny fiteny maro izay ampiasaina any Philippines ny dikantenin'ny Bokin'i Môrmôna, ka tafiditra ao anatin'izany ny Cebuano.

ary vonona ny hotokanana izany ny Aogôsitra 1984.


Mpikambana sy tsy mpikambana teo amin'ny 27.000 teo no nitsidika ny tempoly talohan'ny fitokanana izany. Tonga izy ireo na dia teo aza ny rivo-mahery roa—izay nifanelanelana 48 ora—izay namely an'i Philippines andro vitsy talohan'izany. Tonga ireo Olomasina avy tany amin'ny faritany lavitra izay reraka saingy feno fifaliana. Tamin'ny ankapobeny dia voatery tsy maintsy nivilivily lalana izy ireo nankany Manille satria tondraka ny lalana ary nosimbain'ny renirano niakatra ny tetezana.

Nanaitra ireo mpamangy ny hatsaran'ny tempoly ary tafiditra tao anatin'izany ireo olo-malaza Filipiana. Nilaza ilay mpanoratra Celso Carunungan hoe "misy fahamasinana tsapa ao, sy fahatsapana hoe rehefa miditra ao anatiny ianao dia hihaona amin'ilay Mpahary anao." Nilaza ny Colonel Bienvenido Castillo, izay filohan'ny mpitondra fivavahana ao amin'ny tobin'ny Tafiky ny Pôlisy tao Philippines fa ny tempoly dia "toerana iray ahafahanao mieritreritra ireo zavatry ny lanitra satria ao anatin'ny tontolo iray toy izany ianao." Nahatsapa ny masera anankiroa fa ny tempoly dia "dia tranon'ny Tompo marina." I Eva Estrada-Kalaw, izay mpikambana iray tao amin'ny parlemantan'i

SARINA MIARAMILA NALAIN'I ISTOCKPHOTO/THINKSTOCK







Phillipines dia nilaza tamin'ireo mpitondra mpitsidika hoe, "Tokony mba manangana tempoly bebe kokoa eto ianareo."[6]

Ny Filoha Hinckley, Mpanolotsaina Faharoa tao amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'izany fotoana izany no nitarika ny fotoana fametrahana ny vato fototra tamin'ny Talata 25 Septambra 1984. Nisy fivoriana fitokanana niisa sivy taorian'izany izay natao tao amin'ny efitrano selestialy. Olomasina teo amin'ny 6500 avy tany amin'ny tsatòka niisa 16 sy distrika niisa 22 tany amin'ny Vondrom-paritr'i Pasifika no nanatrika ireo fivoriana maro.

Raha vao vita ilay fivoriana fitokanana farany dia i Paulo V. Malit Jr. sy i Edna A. Yasona no olon-droa voalohany nivady tao amin'ny Tempolin'i Manille Philippines tamin'i 27 Septambra 1984. Ny filoha voalohan'izany tempoly izany izay W. Garth Andrus, no nanatanteraka izany fanambadiana izany.

Mpikamban' ny Fiangonana maro no nilahatra mba handray ny fanafiany masina ka nanomboka tamin'ireo mpiasa mpanatanteraka ôrdônansy izany. Nitohy nandritra ny alina ny asan'ny tempoly hatramin'ny ampitso maraina.

Nahatsapa faniriana lehibe hiditra ny tempoly ny mpikambana. Ireo izay nipetraka lavitra an'i Manille dia tsy maintsy nahafoy tena be mba hanaovana ilay dia lavitra tamin'ny alalan'ny sambo na fiara fitaterambahoaka. Saingy tonga ihany izy ireo sady nitondra tantaran'ny finoana sy fahavononana niaraka taminy.

Toy ny tsy azo ho tanterahana izany mihitsy ny fandehanana any amin'ny tempoly any Manille lavitra any ho an'i Bernardo sy Leonides Obedoza avy tany General Santos. Saingy toy ilay mpandranto iray izay lasa nandeha nivarotra izay nananany rehetra mba hividianana vatosoa sarobidy iray (jereo ny Matio 13:45–46), dia nanapa-kevitra ireto mpivady ireto fa hivarotra ny tranony hanaovana ilay dia mba hahafahan'izy ireo sy ny zanany ho voafehy toy ny fianakaviana mandrakizay. Taorian'ny nivarotan'izy ireo ny tranony sy ny ankamaroan'ny fananany dia nanao izay nahafahana nanangona ilay vola handoavana ny saran'ny sambo nitondra ny fianakaviany izay nisy olona sivy tany Manille izy ireo. Niahiahy i Leonides satria tsy nanana trano hiverenana izy ireo. Saingy nanome toky azy i Bernardo fa hanome izay ilainy ny Tompo. Nofehezina tany amin'ny tempoly tamin'ny 1985 mandritra izao fotoana izao sy

*1961: Nisokatra tamin'ny fomba ôfisialy ny asa fitoriana tany Philippines; nisy misiônera efatra tonga*

*1967: Natsangana ny Misionan'i Philippines*



*1973: Naorina ny Tsatòkan'i Manille Philippines*

*1974: Nizara ny Misionan'i Philippines, ka niforona ny Misionan'i Manille Philippines sy ny Misionan'i Cebu City Philippines*


*1975: Fihaonamben'ny faritra natao tany Manille*

*1983: Nisokatra ny Ivontoerana fanofanana misiônera tany Manille*









**Nisy fivorian'ny Fikambanana Ifanampiana iray niompana tamin'ny fiomanana amin'ny loza tampoka izay nanome fampahalalana manan-danja ho an'ireo rahavavy izay mipetraka ao amin'ilay firenena matetika ianjadian'ny loza ara-boajanahary.**




mandrakizay ny fianakavian'izy ireo. Izany dia mendrika ny namoizan'izy ireo izany zavatra rehetra izany satria nahita fifaliana tsy manan-tsahala izy ireo tany amin'ny tempoly—ny vatosoa sarobidin'izy ireo. Ary marina ny nolazain'i Bernardo fa tena nanome izay ilaina tokoa ny Tompo. Rehefa niverina avy tany Manille izy ireo dia nisy olom-pantatra tsara fanahy nanome azy ireo toerana hipetrahana. Nahavita ny fianarany ny zanak'izy ireo ary nahazo ny tranony manokana tany amin'ny toerana iray vaovao ny fianakaviana tamin'ny farany.

Tamin'ny 18 Aprily 2006, dia nambaran'ny Fiadidiana Voalohany ny fananganana ny Tempolin'i Cebu City Philippines. Rehefa naheno izany vaovao izany ny mpikambana maro dia latsa-dranomasom-pifaliana. "Voatahy isika satria nofidian'ny Tompo ho toerana hananganana ny tempoly manaraka i Cebu City," hoy i Cesar Perez Jr., talen'ny Institiota Fianarana ny Filazantsara tao Cebu City.

Volana vitsivitsy taorian'ny fitokanana ny Tempolin'i

## NY FITOMBON'NY ISAN'NY MPIKAMBANA AO PHILIPPINES




Totalin'ny Isan'ny Mpikamban'ny Fiangonana: 675.166*


Paroasy sy Sampana: 1134

Misiôna: 17


Tempoly: 2 (misy iray hafa eo an-dalam-pitsanganana)

Ivontoeran'ny Tantaram-pianakaviana: 167


** Tatitra hatramin'ny Septambra 2013*



*1984: Notokanana ny Tempolin'i Manille Philippines*



*1987: Naorina ny Vondrom-paritra Philippines/ Micronésie ka tany Manille ny foibe*




*1987: Nadika tamin'ny fiteny Tagalog ny fizarana sasantsasany tao amin'ny Bokin'i Môrmôna*



*2010: Notokanana ny Tempolin'i Cebu City Philippines*

Cebu City Philippines dia nahita antony iray indray hanehoana fifaliana ireo Olomasin'ny Andro Farany Filipiana. Ny 2 Ôktôbra 2010 tao anatin'ny lahateny fanokafana nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana dia nambaran'ny Filoha Thomas S. Monson ny fanorenana ny Tempolin'i Urdaneta Philippines tany Pangasinan.


### Mbola Ho Avy ny Tsara Indrindra

Azo atao hoe mbola tanora ihany ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany raha oharina amin'ny fisiany any amin'ireo firenena hafa, saingy mamirapiratra ny hoaviny ao anatin'ilay firenena tangoronosy. Tena nahatalanjona ny fivoaran'ny Fiangonana ary mbola ho avy ny tsara indrindra. Hoy ny Loholona Michael John U. Teh ao amin'ny Fitopololahy izay Filipiana faharoa voantso ho Manampahefana Ambony hoe: "Mila miomana ara-panahy bebe kokoa mihoatra noho ny teo aloha izahay [Olomasin'ny Andro Farany Filipiana] satria handroso hatrany ny asa na miaraka na tsy miaraka amin'ny fanampianay."[7]

Raha ny marina ao anatin'izao fizotran'ny taonjato faha-21 izao, dia hitohy hitombo ny halehiben'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny sy ny fitarihana entiny rehefa mihamaro kokoa ny Filipiana manaiky ny hafatra zarainy ary ho lasa fitahiana ho an'ity vahoaka miavaka eto amin'ireto nosin-dranomasina ireto izany. Ho an'ny Loholona Teh sy ireo Olomasina Filipiana, dia efa eo ampahatanterahana ny "fampanantenana [lehibe nataon'ny] Tompo amin'ireo izay eo amin'ny nosin-dranomasina" (2 Nefia 10:21). ■

**FANAMARIHANA**

1. Augusto A. Lim, ao amin'ny R. Lanier Britsch, "'Faithful, Good, Virtuous, True': Pioneers in the Philippines," *Liahona,* Feb. 1998, 44.
2. Augusto Lim, ao amin'ny Gelene Tobias, "Augusto Lim: The Man of Many Firsts," countrywebsites.lds.org/ph/index.php/dateline-philippines/jubilee-2011.
3. Jereo ny Sheri L. Dew, *Go Forward with Faith: The Biography of Gordon B. Hinckley* (1996), 213–15.
4. Gordon B. Hinckley, "Commencement of Missionary Work in the Philippines," *Tambuli,* Apr. 1991, 18.
5. Tafa sy Dinika tamin'i Kent Clyde Lowe nataon'i James Neil Clark, 3 Sept. 2007.
6. Francis M. Orquiola, "Temple Dedication Rewards Faith of Filipino Saints," *Ensign,* Nôv. 1984, 107.
7. Michael John U. Teh, "Scriptures and Spiritual Preparation" [Area Presidency Messages, Mey 2011]; lds.org.ph/index.php/literature.




*Mampiasa ny*

# DRAFITRY NY FAMONJENA

*mba Hamaliana Fanontaniana*


**Nosoratan'i LaRene Porter Gaunt**
Gazetibokin'ny Fiangonana


Miaina ao anatin'ny fotoana mampientanentana isika. Mivoaka avy ao amin'ny "haizina" (F&F 1:30) ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Vokatr'izany dia zanaky ny Ray any an-danitra maro kokoa izay avy amin'ny finoana hafa no mandre mikasika ny "Môrmôna." Ny sasany dia maheno zavatra hafahafaha sy mampisafotofoto. Ny sasany maheno zavatra izay efa mahazatra azy ary mankahery. Misy olona avy amin'ireo vondron'olona roa ireo mety manatona antsika mba hitady ny valin'ny fanontaniany. Maro ireo valim-panontaniana hita ao amin'ny drafitry ny famonjena izay fantatra koa amin'ny hoe ny "drafitra lehiben'ny fahasambarana" (Almà 42:8).

Ireto no fanontaniana tena be mpametraka: "Avy aiza no niaviako?" "Nahoana aho no eto?" ary "Ho aiza aho aorian'ity fiainana ity?" Ireo fanontaniana ireo dia azo valiana amin'ny alalan'ireo fahamarinana hita ao amin'ny drafitry ny famonjena. Ity lahatsoratra ity dia manome ny valiny sasantsasany izay nomen'ny soratra masina sy ny mpaminany malalantsika, Filoha Thomas S. Monson mikasika ireo fanontaniana ireo.

*Finoana an'i Jesoa Kristy*
*Fibebahana*

SARY NATAON'I ROBERT ADAMSON

**Avy aiza no niaviako?**

Isika dia olona manana fahafahana hiaina mandrakizay. Niaina niaraka tamin'Andriamanitra isika talohan'ity fiainana ity tamin'ny naha-zanaka niendrika fanahy antsika. "[Nampianatra] ny Apôstôly Paoly hoe 'terak'Andriamanitra isika' [Asan'ny Apôstôly 17:29]," hoy ny Filoha Monson. "Noho isika mahafantatra fa ny vatantsika dia nateraky ny ray aman-dreny mety maty dia tsy maintsy mikaroka ny dikan'ny teny nambaran'i Paoly isika. Nanambara ny Tompo fa 'fanahy sy vatana no atao hoe olona velona' [F&F 88:15]. Noho izany ny fanahy no terak'Andriamanitra. Ny mpanoratra ny Hebreo dia miantso Azy ho toy ny 'Rain'ny fanahy' [Hebreo 12:9]."[1]

**Nahoana aho no eto?**

Hoy ny Filoha Monson mikasika ny fiainantsika eto an-tany: "Tokony ho feno fankasitrahana isika fa nisy Mpahary hendry izay nanamboatra ny tany ary nametraka antsika ety miaraka amin'ny voalin'ny fanadinoana ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana mba hahafahantsika miaina fotoampisedrana iray izay fotoana ahafahana manaparofo ny maha-izy azy antsika mba ho mendrika ny hahazo izay rehetra nomanin'Andriamanitra ho antsika isika.

"Mazava fa ny iray amin'ireo tanjona voalohan'ny fiainantsika eto antany dia ny hahazo vatana nofo sy taolana. Manana ny fahafahana misafidy koa isika. Manana tombontsoa hisafidy ho an'ny tenantsika amin'ny fomba maro isika. Mianatra ny zava-tsarotra takian'ny fiainan'ny tena manokana isika ety. Manavaka ny tsara sy ny ratsy isika. Mahita ny fahasamihafan'ny mangidy sy ny mamy isika. Hitantsika fa misy vokany izay zavatra ataontsika."[2]

**Ho aiza aho aorian'ity fiainana ity?**

Tonga amin'ny rehetra ao amin'ny fianakavian'ny olombelona ny fahafatesana. Saingy "raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?" (Joba 14:14). "Fantatsika fa tsy ny fahafatesana akory no farany," hoy ny Filoha Monson. "Io fahamarinana io dia efa nampianarin'ireo mpaminany velona tao anatin'ny vanim-potoana maro. Hita ao anatin'ny soratra masintsika koa izany. Hitantsika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ireto teny miavaka sy mankahery ireto:




*Rehefa manana fanontaniana isika na ny hafa mikasika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia fantatsika ve hoe aiza no ahitana ny valiny?*



**AIZA NO AHAFAHAKO MIANATRA BEBE KOKOA MOMBA NY DRAFITRY NY FAMONJENA?**

1. Ampianarina amin'ny fomba tena mazava ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy ny drafitry ny famonjena.
2. Ireo tenin'ny mpaminany velona dia hita ao amin'ny conference.lds.org. Afaka mitady teny tahaka ny hoe drafitry ny famonjena, sorompanavotana, fisandratana, fahamarinana sy famindram-po, fibebahana, ary fitsanganana amin'ny maty ianao.
3. Jereo ny "Lesona 2: Ny Drafitry ny Famonjena" ao amin'ny toko 3 ao amin'ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera.*

'Ankehitriny, raha ny momba ny toetry ny fanahy eo anelanelan' ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin' ny maty—Indro, izany dia efa nampahalalain' ny anjely iray ahy, satria ny fanahin' ny olon-drehetra, raha vantany vao miala ity vatana mety maty ity, eny, ny fanahin' ny olon-drehetra, na tsara izy na ratsy, dia entina mody any amin' Ilay Andriamanitra izay nanome aina azy.

'Ary amin' izany ny zavatra hitranga, ny fanahin' ireo izay marina dia raisina ao amin' ny toetry ny fahasambarana izay antsoina hoe paradisa, dia ny toetry ny fitsaharana, ny toetry ny fiadanana izay hialany sasatra amin'ny fahasahiranana rehetra sy ny fiahiahiana rehetra ary ny alahelo.' [Almà 40:11–12]."[3]

Aorian'ny fitsanganantsika amin'ny maty dia mandeha any amin'ny fanjakana selestialy miaraka amin'ny voninahitra mitovy amin'ny masoandro isika, na any amin'ny fanjakana terestrialy miaraka amin'ny voninahitra mitovy amin'ny volana, na any amin'ny fanjakana telestialy miaraka amin'ny voninahitra mitovy amin'ny kintana, na any amin'ny haizina ivelany (jereo ny F&F 76).

### Misy marina ve Andriamanitra? Misy ve i Satana?

Samy tao anatin'ilay Filankevitra lehibe tany an-danitra talohan'ny nahaterahantsika ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary i Satana. Anisan'ny tao anatin'ny drafitry ny famonjena ny nangatahan'ny Ray any an-danitra olona iray handeha ety an-tany sy hanonitra ny fahotantsika. Hoy izy hoe: "Iza no hirahako? Ary namaly ilay anankiray izay [Jesoa Kristy] izay tahaka ny zanak'Olona hoe: Inty Aho, iraho Aho. Ary ny anankiray hafa [Satana] dia namaly hoe: inty Aho, iraho Aho. Ary hoy ny Tompo hoe: Haniraka ny voalohany Aho.

"Ary tezitra ilay faharoa [Satana] ka tsy nitana ny toetrany voalohany; ary tamin'izay andro izay dia maro no nanaraka azy" (Abrahama 3:27–28; jereo koa ny F&F 29:36–37; Mosesy 4:1–4).

### Moa ve isika manana hery hanoherana ny fakam-panahin'i Satana?

Ny iray ampahatelon'ny fanahy izay nisafidy ny hanaraka an'i Satana taorian'ilay Filankevitra tany an-danitra dia noroahina niaraka taminy. Nitoetra ho fanahy tsy nanana vatana izy ireo sy i Satana. Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Manana fahefana amin' ireo izay tsy manam-batana ireo olombelona rehetra manam-batana."[4] Noho izany dia afaka maka fanahy antsika i Satana saingy manana hery hanoherana izany isika.






**Nahoana indraindray no toy ireny hoe tsy mamaly ny vavaka ataoko ireny ny Ray any an-danitra?**

"Ny vavaka dia asa iray entina hampifanarahana ny sitrapon'ny Ray amin'ny sitrapon'ny zanaka. Ny tanjon'ny vavaka dia tsy ny hanova ny sitrapon'Andriamanitra" (Bible Dictionary, "Prayer"). Ny vavaka dia fitaovana iray manampy antsika hanapa-kevitra raha toa ka hampiasa ny fahafahantsika misafidy isika mba hampifanarahana ny sitrapontsika amin'ny an'Andriamanitra (jereo nyAbrahama 3:25). Mamaly foana ny vavaka ataontsika ny Ray any an-danitra, saingy ireo valiny ireo dia mety hiseho amin'ny hoe eny na tsia na aoka aloha. Zava-dehibe ny fanajana ny fotoana.

**Nahoana aho no manana olana nefa miezaka ny miaina fiainana tsara?**

Anisan'ny ao anatin'ny drafitry ny famonjena ny olana. Manampy antsika mba hatanjaka sy hivoatra izany ary manadio antsika rehefa miantehitra amin'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany isika. Manohana antsika ao anatin'ireo olana atrehantsika ny Ray any an-danitra. Ny fitsapana atrehantsika dia "manome [antsika] traikefa, ary ho soa ho [antsika] izany" (F&F 122:7).

**Ahoana no ahafahako mahafantatra ny hoe tsara sy ny hoe ratsy?**

Teraka niaraka tamin'ilay Fahazavan'i Kristy ny zanak'Andriamanitra rehetra izay manampy antsika "hanavaka ny tsara amin'ny ratsy" (Môrônia 7:16). Ankoatra izany, ny Fanahy Masina dia afaka mijoro ho vavolombelona amintsika ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika momba ny fahamarinana miaraka amin'ny fahatsapana fiadanana sy hafanana anaty (jereo ny F&F 8:2–3).

**Moa ve aho afaka ny ho voavela rehefa nanao fahotana lehibe?**

Fantatr'Andriamanitra fa hanota daholo isika rehetra rehefa nianatra ny fanaovana safidy eo amin'ny tsara sy ny ratsy.[5] Ny fahotana rehetra anefa dia misy fanasaziana miaraka aminy. Takian'ny fahamarinana ny hampiharana ny fanasaziana. Tao anatin'ny famindram-pony no namelan'ny Ray any an-danitra an'i Jesoa Kristy mba hanatanteraka ny Sorompanavotana sy hanefa ny fitakian'ny fahamarinana ho antsika rehetra (jereo ny Almà 42). Amin'ny teny hafa ilay fijalian'i Kristy tao Getsemane sy ny fahafatesany teo Golgota no nanefa ny saran'ny fahotantsika rehetra raha toa ka manaiky ny Sorompanavotana isika amin'ny alalan'ny fibebahana sy fandraisana ireo ôrdônansin'ny filazantsara. Ho voavela ny fahotantsika (jereo ny F&F 1:31–32). ■

**FANAMARIHANA**

1. Thomas S. Monson, "The Race of Life," *Liahona,* Mey 2012, 91; jereo koa ny Abrahama 3:22–26.
2. Thomas S. Monson, "The Race of Life," 91–92; jereo koa ny Almà 34:32–34.
3. Thomas S. Monson, "The Race of Life," 93; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:59–111.
4. *Enseignements des Présidents de l' Église: Joseph Smith* (2007), 211.
5. Tsy afaka manota ny ankizy kely "ambara-panombohan'izy ireo ho lasa tompon'andraikitra eo anoloako" (jereo ny F&F 29:46–47).

# AHOANA NO NAHAFANTARAN'IZY IREO?

Nandritra ny fivoriana tamin'ny fihaonamben'ny Fikambanana Ifanampiana 2011, ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nanome hafatra izay nampihetsi-po sy nampitony ahy ho an'ireo rahavavin'ny Fikambanana Ifanampiana. Niresaka momba ilay voninkazo kely antsoina hoe aza-adino-aho izy sy ny fomba hanehoan'ireo felana dimin'izany voninkazo izany ny zavatra dimy izay tokony ho tsaroantsika mandrakariva.[1]

Taorian'ilay fivoriana dia notantarain' i Alyssa zanako vavy tamiko ny tantaran'i Jessie namany, izay mitantana orinasa kely mpanamboatra sakafo. Nangatahin'ireo mpitarika ny Fikambanana Ifanampian'ny tsatòkany i Jessie mba hanamboatra tsindrin-tsakafo hozaraina aorian'ny fivoriamben'ny Fikambanana Ifanampiana. Nilaza tamin'i Alyssa i Jessie fa efa fantany avy hatrany izay tsindrin-tsakafo tokony hamboariny —mofomamy kely 250. Nanolo-tena hanampy amin'ny fitaterana ireo mofomamy kely ho any amin'ny ivontoeran'ny tsatòka i Alyssa.

Tonga ny andron'ilay fivoriambe, ary rehefa handeha hanatanteraka ny anjara fanampiany i Alyssa, dia nahita an'i Jessie nanganohano izy. Efa vonona ireo mofomamy kely, saingy nalefan'i Jessie tamin'ny havany ny sarin'izy ireo ary nolazain'ilay havany fa tsy tena mihaja izany raha ho an'ilay fivoriana.

Nanomboka tsy natoky tena i Jessie. Ny masaka tao an-tsainy dia ny hoe nanantena zavatra tsaratsara kokoa noho ireo mofomamy keliny ny mpitarika ao amin'ny Fikambanana Ifanampian'ny tsatòkany. Niezaka tao anatin'ny fitaintainana izy hitady fomba hanaingoana ireo mofomamy kely, saingy tsy ampy intsony ny fotoana. Nentin'i Jessie sy i Alyssa tamin'izao ireo mofomamy kely, ary nahatsapa i Jessie fa nandiso fanantenana ireo rahavavy izy—mandra-pandraisan'ny Filoha Uchtdorf ny anjara fitenenany.

Rehefa niresaka momba ilay voninkazo kely antsoina hoe aza-hadino-aho izy, dia niseho teo amin'ny efijery ny sarin'ilay voninkazo kely mangamanga. Voninkazo faran'izay tsotra izany saingy tena kanto tokoa miaraka amin'ny felany voakaly tsara. Nanohina ny fon'ny tsirairay ny hafatry ny Filoha Uchtdorf rehefa niangavy antsika izy mba tsy ho lasa variana be loatra amin'ny voninkazo vahiny maro manodidina antsika hany ka lasa manadino ireo fahamarinana dimy tsotra nefa manan-danja izay nampianariny antsika.

Taorian'ny vavaka famaranana, dia nizotra nankany amin'ny efitranobe fanaovana lalonana sy fivoriana ireo rahavavy. Rehefa niditra tao i Alyssa sy i Jessie dia nahita fa nanodidina ilay latabatra nisy ireo tsindrin-tsakafo ny rehetra sady nanontany hoe: "Ahoana no nahafantaran'izy ireo?"

Ny mofomamy kely tsirairay dia norakofana "sucre glace" sy voahaingo tamin'ny voninkazo aza-hadino-aho iray izay tsotra sy kanto ary malefaka miaraka amin'ny felany dimy. ■

Gale Ashcroft, Arizona, États-Unis

> Efa vonona ireo mofomamy kely, saingy nalefan'i Jessie tany amin'ny havany ny sarin'izy ireo ary nolazain'ilay havany fa tsy mihaja izany raha ho an'ilay fivoriana.



SARY NATAON'I BRADLEY CLARK

**FANAMARIHANA**

1. Jereo Dieter F. Uchtdorf, "Aza Hadino Aho," *Liahona,* Nôv. 2011, 120.

# NITONDRA FANANTENANA HO AHY ILAY FANOMEZAN-TOKY

Fotoana fohy taorian'ny nanambadianay mivady, dia nahazo zanaka lahy izahay. Rehefa nahita ny tsikitsikiny aho sy nijery ny masony dia nahatsapa fankasitrahana ho an'ny Ray any an-danitra. Amiko dia toa tanteraka ilay zanakay lahy. Nisaotra ny Tompo isan'andro izaho sy ny vadiko noho izany fanomezana tena sarobidy izany.

Tamin'ny 19 Febroary 2009, dia nampirina entana aho amin'ny fiomanako hiverina hianatra hamita ny taom-pianarako farany. Izaho sy ny vadiko dia tsy nahafantatra fa ny ampitson'io dia ho tratran'ny fanaviana ka ho faty ilay zanaka lahy malalanay.

Sarotra tamiko ny niaina izany zavatra izany. Tonga tany an-tranonay ireo mpikambana ao amin'ny paroasinay mba hitondra fampiononana ho anay tamin'ny alalan'ny soratra masina sy ny fihirana sy mba hivavaka miaraka aminay. Sarobidy tamiko ny famangiana feno fitserana nataon'izy ireo, saingy nitohy ny alaheloko noho ilay zanako lahy. Isaky ny mieritreritra azy aho, dia mihamavesatry ny ranomaso ireo masoko.

Efatra andro taorian'ny nahafatesany, dia nahazo fitaomam-panahy aho handalina ny *Enseignements des Présidents de L'Eglise: Joseph Smith.* Raha nitazona ilay boky aho, dia tafasokatra teny an-tanako teo amin'ilay toko mitondra ny lohateny hoe "Paroles d'espoir et de consolation au moment de la mort" ilay izy. Nanomboka namaky aho ary tena nanohina ahy tokoa ireo famoizana aina mampivarahontsana izay niainan'i Joseph sy i Emma fony izy ireo nanangana ny tokantranony. Rehefa tonga teo amin'ny ampahany notsongaina avy amin'ny lahateny nataon'ny Mpaminany tamin'ny fandevenana ilay zazavavy roa taona, dia tsapako ho toy ireny norarahana rano mangatsiaka ireny ny lohako ka nampitony ireo eritreritro feno alahelo.

Nantsoiko ny vadiko. Niaranamaky izahay hoe: "Napetrako . . . ny fanontaniana hoe, nahoana ireo ankizy, ireo zaza tsy manan-tsiny, no esorina amintsika. . . . Maro no esorin'ny Tompo, na dia ao anatin'ny fahazazana aza, mba hahafahan'izy ireo miala . . . ireo alahelo sy faharatsian'ity tontolo ankehitriny ity; madio loatra izy ireo, maha-te-ho tia loatra hany ka tsy mendrika ny hiaina ety an-tany; noho izany, raha tena mahatakatra isika, dia tsy tokony hitomany fa tokony hifaly noho izy ireo nafahana amin'ny faharatsiana, ary tsy ho ela dia ho azontsika indray izy ireo."

Notohizan'ny Mpaminany hoe: "Mety hipetraka ny fanontaniana hoe—' Moa ve ireo renimpianakaviana hahazo ireo zanany indray any amin'ny fiainana mandrakizay? Eny! Eny! Ry reny, ho azonareo ny zanakareo satria hanana ny fiainana mandrakizay izy ireo, ary efa voaloa ny trosan'izy ireo."[1]


Hatramin'ny namakianay ireo teny mamy ireo, dia lasa feno fankasitrahana ny vavaky ny mpianakavy ataonay noho ny fampanantenana fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia hiaraka amin'ny zanakay lahy indray izahay.

Ankehitriny izahay dia manana zanaka telo mahafinaritra, izay iray tampo amin'ilay zanakay lahy nandao anay. Ampianarinay azy ireo ny filazantsara marina sy mandrakizay, izay hitarika azy ireo hiverina any amin'ny Rainy any an-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjy azy ireo.

Fantatro fa marina ny hafatry ny Mpaminany Joseph Smith momba ny fiainana aorian'ny fahafatesana. Ho feno fankasitrahana mandrakariva aho noho ny fanantenana sy ny fiadanam-po ary ny fahasambarana izay entin'izany ho an'ny fianakavianay—amin'ny lafiny roan'ny voaly. ■

Juliana Fayehun, Lagos, Nigéria

Raha nitazona ilay boky aho, dia tafasokatra teny an-tanako teo amin'ilay toko mitondra ny lohateny hoe "Paroles d'espoir et de consolation au moment de la mort" ilay izy.



FANAMARIHANA

1. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 176, 177.

# NANANA BETSAKA HO ZARAINA AHO

Izaho dia nieriretritra foana momba ny fiomanana hataoko hikarakarako ny fianakaviako sy ny tenako ao anatin'ny trangan-javatra tampoka. Niova anefa ny fahitako ny fiomanana indray Alahady maraina tany atsimon'i Floride tamin'ny 1992. Ilay rivo-doza Andrew, izay anisan'ny rivo-doza nandrava sy niteraka fandaniam-bola be indrindra tamin'ireo izay namely an'i États-Unis, dia nanakorontana ny fahavaratra kanto tany Miami, Floride.

Nipetra-drery nandritra ny fotoana miserana aho tao amin'ny efitra iray amoron-dranomasina mba hanatrika fiofanana fitarihan-dalana amin'ny asako izay naharitra telo volana. Rehefa tonga ny fampitandremana momba ilay rivo-doza ka nahafantatra aho fa tokony hiala ao amin'ilay efitra nipetrahako manodidina ny mitatao-vovonana, dia namandrika efitrano ho ahy sy ireo mpiara-miasa tamiko tany amin'ny hotely any amin'ny faritra afovoan'ny tany ny mpiara-miasa iray. Nohamafisiko ny varavarankeliko ary nampirimiko ireo entako.

Mba hitsinjovana ny famangian'ny vadiko sy ireo zanako ahy izay haharitra herinandro iray, dia efa nividy mialoha sakafo sy rano sahaza ho anay enina mianaka aho. Tony aho rehefa nahafantatra fa manana toerana azo antoka haleha sy sakafo sahaza azoko entina miaraka amiko ka hahaharitra herinandro maromaro.

Rehefa niomana ny hiainga aho tamin'ny 10 ora sy sasany maraina, dia azoko ny aiko—nilamina avokoa ny zavatra rehetra. Nandohalika nivavaka aho, nisaotra ny Ray any an-danitra noho ireo fitahiana azoko ary nangataka ny fanampiany mandritra ilay tafiotra izay ho avy. Rehefa namarana ny fivavako aho, dia notaomin'ny Fanahy Masina aho hiteny hoe: "Raha misy olona mila fanampiana, dia mba ampio aho hahita azy."

Afaka minitra vitsy, dia nisy mananotena iray tokony ho 80 taona eo ho eo nandondona tao am-baravarako. "Azafady," hoy izy. "Diso efitrano aho. Misy namako iray tadiaviko."

Tena feno tebiteby ny fahitana azy. Rehefa nanontany aho raha misy azoko hanampiana, dia lasa sahiran-tsaina izy ary nilaza fa tsy fantany izay tokony hatao sy toerana tokony haleha. Nanontaniako azy hoe aiza izy no mipetraka, ary niaraka nandeha nankany amin'ny efitranony izahay, nandinika ny toe-javatra nahazo azy, ary namerina nijery ireo zavatra azony atao.

Nolazaiko azy fa mety misy toerana malalaka any amin'ny iray amin'ireo efitranon'ilay hotelin'ny orinasa iasako, ary nanasa azy aho hiaraka amin'ilay vondron'olona nisy anay. Nisento izy, maivamaivana ery. Nampirina sy nanamafy faingana ny efitranony sy ny entany izahay, ary niangavy mpiara-miasa iray aho mba hanatitra ny fiarany ho any amin'ilay hotely.

Rehefa niomana ny hiainga aho, dia nisy mananotena roa hafa nangataka fanampiana. Nanampy azy ireo hitony aho mba hahafahany mieritreritra mazava tsara sy mijery izay toerana hialofany. Rehefa naka ny entan'ny mpiara-miasa tamiko teny aminy aho dia nisy mananotena antitra iray hafa indray nangataka fanampiana. Napetrakay tamin'ny toerana azo antoka ireo entany mora vaky ary nampianay izy hiomana hiala teo.

Teo am-piandrasana izany, dia nisy mpiara-miasa hafa nanasa mpianatra roa eny amin'ny oniversite izay nipetraka tany amin'ny nosy iray mba hiaraka aminay ho any amin'ilay hotely any amin'ny afovoan'ny tany. Ny hany sakafo nananany dia tsakitsaky eran'ny tanana sy rano fisotro 1 litatra. Soa ihany fa nanana betsaka ho zaraina aho, tsy ho azy ireo fotsiny ihany fa ho an'ny ireo hafa rehetra ihany koa.

Tena fitahiana lehibe tokoa ny nahavitana fiomanana sy ny nahazoana ny fitarihan'ny Tompo. Izany dia nahafahako nitondra fitoniana manodidina ahy nandritra ny fotoana feno fitaintainana sy nahafahako nampiasa saika ny fotoanako manontolo mba hanampiana ny hafa ka tsy hieritreretako ny momba ahy. Lasa nitombo ny fankasitrahako ny torohevitra avy amin'ireo mpitarika antsika ao amin'ny fisoronana mba hiomana. ■

Brent Fisher, Californie, États-Unis

Rehefa nanontany aho raha misy azoko hanampiana, dia lasa sahiran-tsaina izy ary nilaza fa tsy fantany izay tokony hatao sy toerana tokony haleha.



# MIANDRY NY FIPOSAHAN'NY MASOANDRO

Norakofan'ny aloka haizina ny efitrano raha izaho teo am-pandriana tsy natory fa nihaino ny fisefon'ny vadiko, niezaka ny namantatra raha matory izy. Vao roa andro lasa izay no nahafatesan'ilay zanakay vavy 12 taona noho ny loza tampoka izay nampivarahontsana. Nakimpiko indray ny masoko, saingy tsy nety nahita tory aho. Naniry mafy hiaraka amin'ny zanako vavy aho. Ny fahalalana rehetra momba ny drafitry ny famonjena dia tsy nanamaivana ny fanaintainan'ny falahelovana azy.

Rehefa nihangiran-dratsy ny andro, dia nahatsapa faniriana lalina tampoka aho. Hiposaka tsy ho ela ny masoandro, ary hitako tao an-tsaiko ny lanitra voarakotry ny hazavana mavokely malefaka. Tian'ny zanakay vavy ny loko mavokely. Ny fiposaky ny masoandro miloko mavokely no zavatra tena nilaiko mba hahatsapako fa akaiky azy indray aho.

"Ndao hijery ny fiposaky ny masoandro," hoy aho nibitsibitsika tamin'ny vadiko izay mbola sondrian-tory.

Nijoro teo amin'ny lalan-kely izahay, nitodika tany atsinanana ary niandry . . . ka niandry. Na dia nihanazava aza ny lanitra, dia tsy hita fa takon'ny rahona manify ny masoandro.

Nankiniko teo amin'ny soroky ny vadiko ny lohako ary nisento aho, nataoko ho toy ny tsy maninona aho. Kanefa nitady mihoatra noho izany. Nila mihoatra noho izany aho. Azo antoka fa afaka manome ahy izany faniriako izany ny Ray any an-danitra rehefa avy naka ny zanaka vavy maminay hody any Aminy.

Rehefa nitodi-doha hiditra any an-trano ny vadiko, dia nijery tany aorianay izy nitodika niankandrefana, ary hoy izy, "Jereo!"


Nitodika aho. Voahodidina hazavana manopy mena sy mivolombolamena ireo rahona tao aorianay. Nisento aho ary nirotsaka tsimoramora ny ranomasoko. Tsara kokoa noho izay noeritreretiko izany. Nahatsapa ho toy ny nofihinin'ilay zanakay vavy aho. Nahafantatra aho fa ny Ray any an-danitra dia mahalala ny ratram-poko ka nandefa fampanantenana ho an'ny ho avy—fampahatsiahivana feno fitiavana mikasika ny fianakaviana mandrakizay sy ireo fotoana mahafinaritra rehetra izay mbola ho avy.

Nieritreritra matetika momba izany fotoana mahafinaritra izany aho sy ny fomba fijery vaovao izay azoko avy tamin'izany. Iza koa no handeha hitady ny fiposahan'ny masoandro avy any andrefana? Kanefa dia tany no niandry ahy ilay fahagagana natao ho ahy. Firifiry moa ireo fitahiana sy fahagagana izay tsy azoko noho izy ireo mitranga any amin'ny toerana izay tsy ampoiziko? Impiry impiry moa aho no nifantoka tamin'izay noheveriko ho tokony izy ka lasa tsy mahita ny voninahitr'izay tena izy?

Tsy nitsahatra nivavaka izahay mba hahazoanay fahagagana izay tsy nomena anay, kanefa rehefa nijery ny manodidina niaraka tamin'ilay fomba fijery vaovao aho, dia nahita ny fahagagana tamin'ny fiainan'ireo olona efatra izay nihatsara noho ny fanaovana fanomezana ny taovan'ny zanakay vavy, ny fahagagan'ny fitiavan'ny mpianakavy sy ny firaisan-kinan'ny paroasy, ary ny fahagagan'ny asa fanompoana. Nahatsapa alahelo lalina aho, kanefa nahatsapa fanantenana mahery ihany koa manenika ny fanahiko isaky ny mahita fiposahan'ny masoandro manopy mena sy filentiky ny masoandro miloko mavokely ary voninkazo mavokely eny amin'ny lalako.

Ankehitriny rehefa miposaka ny masoandro, dia mijery any atsinanana aho ary avy eo mitodika mijery any andrefana. Mitsiky aho eo am-pahitana fa misy hatrany ny fahagagana sy ny fitahiana miandry antsika—ary raha avelantsika dia hanamaivana ny alahelontsika hatrany ny masoandro. ■

Julia Wagner, Ohio, États-Unis



Rehefa nitodi-doha hiditra any an-trano ny vadiko, dia nijery tany aorianay izy nitodika niankandrefana, ary hoy izy, "Jereo!" Voahodidina hazavana manopy mena ireo rahona tao aorianay.

# Raha Tsy Mibanjina Afa-tsy ny Voninahitro ny Masonareo

Ahoana no ahafahan'ny fananana fomba fiteny sy fihetsika ary endrika ivelany maotina manampy antsika hampiely fahazavana sy hankalaza an'Andriamanitra?

**Nosoratan'i Katherine Nelson sy Heidi McConkie**

Nandritra ny Filankevitry ny Lanitra talohan'ity fiainana ity, rehefa nanolo-tena ho Mpamonjy antsika i Jesoa Kristy, dia hoy Izy tamin'ny Ray hoe: "Hatao anie ny sitraponao, ary ho Anao ny voninahitra mandrakizay" (Mosesy 4:2).

Ny Tompo dia naneho ohatra foana ny amin'ny fankalazana ny Ray. Nandritra ny asa fanompoana nataony tety an-tany, dia tsy nisarika ny fijerin'ny olona ho any Aminy mihitsy Izy fa nampitodika kosa ireo mpanara-dia Azy ho any amin'ny Ray, ka nampianatra hoe: "Izay mino Ahy, dia tsy Izaho no inoany, fa Izay naniraka Ahy" (Jaona 12:44).

Ao anatin'ny fanoloran-tenany hanaraka ny Mpamonjy, ireo tanora mpitovo sy mpivady vao herotrerony izay voalaza ao amin'ity lahatsoratra ity dia miresaka momba ny fampisehoany ny fahamaotinana any anatiny sy ety ivelany ary mizara ny fomba nahafahan'ny fanoloran-tenany hankalaza an'Andriamanitra namolavola ny toetrany sy nitarika ny zavatra ataon'izy ireo.

### Mankalaza an'Andriamanitra ary Aelezo ny Fahazavana

Mahatakatra bebe kokoa ny fomba hankalazan'ny fahamaotinana an'Andriamanitra isika rehefa mahatakatra ny tena atao hoe fahamaotinana. Ny *Miorim-paka ao amin'ny Finoana* dia manazava hoe: "Ny fahamaotinana dia toetra feno fanetren-tena sy fanajana aseho eo amin'ny fitafiana, ny bika aman'endrika, ny fiteny, ary ny fihetsika. Raha maotina ianao dia tsy manao zavatra diso tafahoatra izay mampisarika ny fijerin'ny hafa ho any aminao. Fa ianao kosa dia hikatsaka ny 'hankalaza an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vatanao, sy amin'ny alalan'ny fanahinao' (1 Korintiana 6:20)."[1]

Rehefa miezaka mampiseho ny fahamaotinana tahaka ny nataon'ny Mpamonjy isika, dia manasa ny Fanahy Masina ho ao amin'ny fiainantsika, ka manatanteraka ilay fampanantenana fa "raha tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr'[Andriamanitra] ny masonareo, dia ho feno fahazavana ny vatanareo manontolo" (F&F 88:67). Eo am-pamakianao ny fomba fahatakaran'ny tanora hafa ny fahamaotinana dia azonao atao ny misaintsaina ny fomba hampitomboanao ny fahazavana ara-panahinao manokana amin'ny alalan'ny fanisiana fiovana mba hampivoatra ny fanoloran-tenanao any anaty mba ho maotina sy ny fanehoanao izany ety ivelany.

### Aoka Ianao mba ho Maotina amin'ny Fiteny sy ny Fihetsika

"Misy fiantraikany lalina eo aminao sy ireo hafa ny fiteninao sy ny fihetsikao. Mampiasà fiteny madio, sy mifono zavatra tsara ary mampivoatra ary manehoa koa fihetsika izay mitondra fifaliana ho an'ireo izay manodidina anao. Ny ezaka ataonao mba ho maotina eo amin'ny fiteny sy ny zavatra atao dia mitondra any amin'ny fahazoana fitarihana sy fankaherezana avy amin'ny Fanahy Masina izay tsy mitsaha-mitombo."[2]

Manazava i Dar'ja Sergeevna Shvydko avy any Volograd, Russie, fa maotina amin'ny fiteny isika rehefa manaja ny hafa sy mampiasa "feo malefaka sy maneho amimpahatoniana ny eritreritsika ary tsy mampiasa teny manafintohana na tsy mendrika." Ny fiteny maotina dia tsy ahitana fifosana, fandrabirabiana, fanesoana, ary fanebahana. Tsy manambany ny hafa na manandratra ny tena na oviana na oviana izany; fa maneho hatsaram-panahy tsotra izao amin'ireo zanaky ny Ray any



an-danitra rehetra sy manaiky ny maha avy amin'Andriamanitra azy ireo.

Ny teny ataontsika koa dia tokony haneho koa fanajana ho an'ny Andriamanitra: "Ialao ny fiteny maloto sy ny fampiasana tsy am-pitandremana sy tsy amim-panajana ny anaran'ny Tompo izay tena fahita matetika eo amin'izao tontolo izao. . . . Manakana anao tsy hanana ny fahafahana handray ny bitsika malefaky ny Fanahy Masina ny endrika tsy maotina asehon'ny fiteny . . . toy izany.[3]

**"Ny fahamaotinana dia toetra feno fanetren-tena sy fanajana aseho eo amin'ny fitafiana, ny bika aman'endrika, ny fiteny, ary ny fihetsika. Raha maotina ianao dia tsy manao zavatra diso tafahoatra izay mampisarika ny fijerin'ny hafa ho any aminao."**

Tahaka ny fiteny tsy maotina toy ny fifosana sy ny fandrabirabiana izay manimba ny fifandraisana, dia mampitombo fanoloran-tena lalina kokoa ho an'Andriamanitra ny fiteny maotina ary, araka ny hazavain'i Kellly Prue avy any Utah, États-Unis, hoe: "mampitombo ny fahafahantsika manorina fifandraisana mahafinaritra amin'ny hafa. Ny fiteny maotina ataontsika dia mamporisika ny hafa hamoaka ny tena tsara indrindra avy aminy."

Ny fahamaotinana amin'ny fiteny sy amin'ny fihetsika dia miara-miasa. "Zava-dehibe ny maotina amin'ny fiteny sy ny fihetsika satria izany no maneho ny maha-ianao anao sy mampisy lanja anao," hoy i Mike Olsen avy any Utah. Tsikaritry ny olona rehefa tsy mifanaraka ny teny sy ny fihetsika. Ny fitenintsika izay mankahery ny hafa sy mankalaza an'Andriamanitra dia tokony hampiarahana amin'ny asa mifanaraka amin'izany. Amin'ny alalan'ny fanaovantsika asa fanompoana sy fanehoantsika fahatsaram-panahy, dia asehontsika fa ny fanoloran-tenantsika hankahery ny hafa sy hanaja an'Andriamanitra dia lalim-paka kokoa noho ny teny ataontsika. Ny ohatra maneho ny maha-mpianatra antsika amin'ny fiteny sy ny atao dia afaka mitaona ny hafa hanao ny tsara.

"Tena tiako ny fahamaotinana amin'ny fihetsika sy ny fiteny," hoy i Carrie Carlson avy any Colorado, États-Unis. "Misy zavatra mahafinaritra ao amin'ny olona iray izay manetry tena sy tsy manao ny zavatra mba hisarihana ny fijerin'ny hafa. Ireo izay miteny amim-pahamaotinana dia tonga fanaka mahery ho an'ny Tompo."

### Aoka Ianao ho Maotina amin'ny Fitafiana sy ny Endrika Isehoana

"Ny fahamaotinana [amin'ny fitafiana] dia manampy amin'ny famoahana ny tsara indrindra amintsika amin'ny fanampiana antsika hifantoka amin'ny ara-panahy fa tsy amin'ny olona araka ny nofo," hoy i Paul Cave avy any Utah. Rehefa manao fitafiana maotina isika dia mamporisika ny hafa hahafantatra antsika sy ho tia antsika amin'ny maha-isika antsika sy amin'ny toetrantsika fa tsy amin'ny endrika isehoantsika.

Ny fomba fitafiantsika dia tsy vitan'ny hoe milaza amin'ny hafa ny fomba tokony handraisany antsika, fa misy fiantraikany ihany koa amin'ny fomba fijerintsika sy fandraisantsika ny tenantsika. "Ny filazantsara dia mampianatra antsika fa ny vatantsika dia fanomezana avy amin'Andriamanitra," hoy i Luis DaCruz Junior avy any Brésil. "Ny vatantsika dia manampy antsika hivoatra ka ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra." Noho izany dia zava-dehibe ny fanaovana fitafiana maotina. Rehefa manao izany isika, dia mampiseho amin'Andriamanitra sy ny hafa fa manaja izany fanomezana izany isika sy manaja ny hafa."[4]

Manazava i Carrie hoe: "Ny fitafiana tsy maotina dia natao hanehoana fa ny vatana dia zavatra iray tafasaraka tanteraka amin'ny fanahy izay manana ny maha-izy azy sy ny toetrany. Ny fahamaotinana, na dia nandaniako vola bebe kokoa aza indraindray ary nandaniako fotoana bebe kokoa indrindra indrindra, dia nanampy ahy hianatra fa ny vatako dia fanaka natao hitoeran'ny fanahy sarobidy iray izay manana fahafahana hivoatra sy manana anjara araka an'Andriamanitra, izay nateraka sy notaizan'ny Ray amandreny any an-danitra. Mendrika fikarakarana sy fanajana bebe kokoa noho izay omen'izao tontolo izao izany.

Ny *Miorim-paka amin'ny Finoana* dia mampianatra hoe: "Ankoatra ny fialana amin'ny [fitafiana tsy mendrika], dia tokony hiala amin'ny fitafiana sy endrika ety ivelany ary taovolo mihoatra ny mety ianao. Aoka ianao hilamina sy hadio hatrany eo amin'ny fitafy, eo amin'ny bika aman'endrika ary amin'ny fihetsika atao, ka tsy hisarita-pitafy na hanao fiakanjo tsy mendrika na oviana na oviana."[5] Maneho ny fanajantsika an'Andriamanitra sy ny tenantsika ary ny hafa isika amin'ny fomba fitafiantsika sy ny endrika isehoantsika ety ivelany.

### Manolora tena fa tsy Hiovaova

Rehefa miezaka ny hanaraka ireo fenitry ny filazantsara momba ny fahamaotinana isika, dia maneho ny fanoloran-tenantsika amin'ny alalan'ny tsy fiovaovana, sy tsy fialana amin'ireo didin'ny Tompo amin'ny fotoana rehetra fa tsy amin'ny fotoana mety amintsika fotsiny ihany.

Ny fanoloran-tena marina dia mifototra tanteraka foana amin'ireo fitsipiky ny filazantsara. Manazava i Anthony Roberts avy any Utah hoe: "Ny fahamaotinana dia toe-tsaina, faniriana handeha isan'andro amin'ny lalana izay mifanaraka amin'ny

fahatakarana ny filazantsara sy ny drafitry ny famonjena." Rehefa tafalatsaka ao anatin'ny filazantsara isika, dia afaka ny hihalalina sy hampitombo ny faniriantsika hiaina ny fitsipiky ny filazantsara ny fiovam-pontsika.

### Takaro ny Maha-avy Any an-danitra Anao

Ny fijanonana ho maotina hatrany dia manampy antsika hahatakatra sy ho tia ny zo azontsika amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika, ary ny fahafantarana ny maha-avy any



an-danitra antsika dia afaka hitaona antsika ho tonga maotina kokoa. Manazava i Raffaella Ferrini avy any Florence, Italie hoe: "Ny fahamaotinana dia mitahy ny fiainako satria manampy ahy hahatsapa fa zanaka vavy tena hafa kelin'ny Raiko any an-danitra aho, ary izany fahafantarana izany indray, dia mahatonga ahy haniry ny ho maotina."

Ny famelantsika izao tontolo izao hamaritra ny maha-izy antsika dia mety hanimba ny fomba fijerintsika ny tenantsika. Milaza momba ny zavatra niainany i Julianna Auna avy any Utah: "Talohan'ny nahazoako fijoroana ho vavolombelona momba ny fitsipiky ny fahamaotinana, dia nitoetra tao anatin'ny tsy fifaliana sy voahodidina loza ara-panahy aho. Ny famelako izao tontolo izao hamaritra ny maha-olona ahy dia nahakivy sy nanimba ahy ara-panahy satria masiaka sady tsy an-kiato ny fitadiavan'izao tontolo izao ny zavatra ara-nofo sy ireo zavatra ara-batana. Vao nanapa-kevitra ny tsy hihaino izao tontolo izao aho fa hamela kosa ny fifandraisako amin'Andriamanitra hamaritra ny maha-olona ahy, dia lasa mora kokoa ny fiainana ary nahitana fahalalahana ary fifaliana bebe kokoa." Rehefa mikatsaka ny fankatoavan'ny Ray any an-danitra isika fa tsy ny an'izao tontolo izao, dia hahita fifaliana lehibe kokoa amin'ny fiainana ary fahazotoana bebe kokoa mba ho maotina.

### Fiainana Tsotra no Hiaino

"Ny fahamaotinana dia miseho amin'ny zavatra rehetra ataontsika: ny fitenintsika, ny endrika isehoantsika ety ivelany, ny fitondrantenantsika, eny fa na ny toerana alehantsika aza," hoy i Galina Viktorovna Savchuk avy any Novosibirsk, Russie. Ny fananana fiainana tsotra dia mifamatotra akaiky amin'ny fanoloran-tenantsika ho an'ny filazantsara sy amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Ny tena fahamaotinana marina dia ny fikambanan'ny fitondrantena sy ny fihetsika. Ny fiezahana hanatsara na ny fitondrantenantsika na ny toe-tsaintsika dia hanampy antsika hanatsara ny fihetsitsika. Ny fahamaotinana amin'ny fitondrantena sy ny endrika ety ivelany izay tsy arahan'ny fananana fiainana feno fanoloran-tena dia misakana antsika tsy handray ireo fitahiana fenon'ny fananana fiainana tsotra. Ny fieritreretantsika fa olontsotra isika kanefa tsy manao izay zavatra mifanaraka amin'izany dia famitahan-tena.[6]

Raha ny fahamaotinana no resahana, ny filazana hoe tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr'Andriamanitra ny masontsika dia midika hoe manolo-tena isika ety ivelany sy any anatiny mba hanana fiainana tsotra. Tahaka ny maso tokony hibanjina an'Andriamanitra, dia tokony hifanaraka amin'ireo fitsipiky ny fahamaotinana ny endrika isehoantsika ety ivelany sy ny fihetsika ataontsika. Ny fampitodihana ny maso ho any amin'Andriamanitra fotsiny dia tsy ampy hahatonga azy tsy hibanjina afa-tsy ny voninahiny. Tokony hifantoka any Aminy izany. Toy izany koa, ny fitafiana maotina sy ny bika aman'endrika dia tokony hampiarahana amin'ny fifantohana amin'ireo fitsipika mandrakizay.

Rehefa atodintsika any amin'Andriamanitra ny masontsika, dia ho afaka ny hifantoka moramora kokoa any Aminy ny fijerintsika. Tahaka izany koa, rehefa mifantoka any amin'Andriamanitra ny fijerintsika, dia ho lasa voasarika hitodika mankany Aminy ho azy ny masontsika.

Rehefa miezaka ny hanana fiainana tsotra isika, dia hahatsapa ny fitombon'ny fitaoman'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika. Ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe: "Ny fahamaotinana dia tena ilaina mba hahatongavana ho mendrika ny hanana ny Fanahy Masina. Ny olona maotina dia olona manetry tena, ary ny fanetren-tena dia manasa ny Fanahy Masina hiaraka amintsika."[7] Rehefa mitarika ny eritreritsika sy ny asantsika ny Fanahy Masina, dia tsy hibanjina afa-tsy ny voninahitr'Andriamanitra ny masontsika ary ho feno fahazavana isika. ■

*I Katherine Nelson dia mipetraka any Utah, États-Unis. I Heidi McConkie dia mipetraka any Delaware, États-Unis.*

**FANAMARIHANA**

1. *Ancrés dans la Foi: Manuel de Référence sur l'Évangile* (2004), 106.
2. *Ancrés dans la Foi,* 108.
3. *Ancrés dans la Foi,* 108.
4. Jereo ny *Ancrés dans la Foi,* 107.
5. *Ancrés dans la Foi,* 107.
6. Jereo ny Lynn G. Robbins, "Tokony ho Karazana Olona Toa Inona moa Ianareo?" *Liahona,* Mey 2011, 103.
7. Robert D. Hales, "Modesty: Reverence for the Lord," *Liahona,* Aog. 2008, 18.

Fiovam-po sy Fahafoizan-tena any

# Finlande

**Nosoratan'i Melissa Zenteno**

Kilaometatra vitsivitsy miala ny morontsirak'i Helsinki, any Finlande, no misy ilay manda miorina eo ambony ranomasina antsoina hoe Suomenlinna, izay naorina tamin'ny taonjato faha-18 mba ho fiarovana amin'ireo fahavalo mpanafika. Mahafaoka nosy miisa enina ity toeram-pialofana ity ary izy io dia maneho ny fahavononana lehibe ananan'ny vahoaka avy any Finlande.

Ireo mpikambana ao Finlande anefa dia mitsidika trano hafa rehefa mandeha any amin'ny renivohitr'izy ireo. Ny Tempolin'i Helsinki Finlande dia tandindon'ny fiovam-pon'izy ireo sy ny fiarovana izay azon'izy ireo avy amin'ny fiainana ny filazantsara.

Ho an'i Niilo Kervinen, tanora mpitovo 24 taona avy any Rovaniemi, Finlande, dia kely ihany ny fandehanana fiarandalamby mandritra ny adiny folo ho any Helsinki raha oharina amin'ny fitahiana azo amin'ny fanompoana any amin'ny tempoly.

Talohan'ny nanokanana ny Tempolin'i Helsinki Finlande tamin'ny volana Ôktôbra 2006, dia tsy maintsy nandeha tany amin'ny Tempolin'i Stockholm any Suède na tany amin'ny tempolin'i Copenhague, Danemark i Niilo sy ireo mpikambana hafa tao amin'ny paroasiny. "Maharitra herinandro eo ny dia mandritra ny fialan-tsasatra lehibe," araka ny fitadidiany. Ny fandehanana fiara fitateram-bahoaka sy ny fatoriana ao anaty lay mandritra izany dia izany no anisan'ireo fahatsiarovana tsara indrindra ho azy.

Ny fananana tempoly ao amin'ny firenen'ny tena anefa dia tena fitahiana mahafinaritra. "Rehefa natao ny fanambarana ny fanorenana ny tempolin'i Helsinki, dia tena faly aho," hoy Niilo. "Ny vavaka fanokanana dia mbola manakoako ao am-poko isaky ny miditra ao aho."

Izany fitiavana ny tempoly izany no mampiavaka an'i Niilo amin'ireo namany. "Ny vahoaka any Finlande dia miasa mafy ary tia manao zavatra saingy fotoana kely eo amin'ny fiainany no avelan'izy ireo ho an'ny zavatra ara-panahy," hoy ny fanazavany. Na dia milaza aza i Niilo fa nanana namana tsara foana izy hatrizay, dia nanomboka niseho ny fahasamihafana misy eo amin'ny fomba fiainan'ireo namany sy ny fomba fiainana nampianarina azy. Izany fahasamihafana izany no nahatonga an'i Niilo hikatsaka ny fijoroany ho vavolombelona manokana rehefa feno 17 taona izy. "Tsy maintsy nanapa-kevitra aho ny amin'ny hoe aiza no hijoroako sy ny amin'ny hoe ho iza aho," hoy izy. "Noho ny fitahian'ny Tompo sy ny fitarihan'ny fianakaviana sy ireo namana tsara, dia nihanatanjaka ny fijoroako ho vavolombelona momba ny Fiangonana."

**Manao ahoana izany hoe tanora mpitovo mahatoky any Finlande izany? Mizara ny kolontsainy sy ny finoany ny tovolahy iray.**

Raha niresaka momba ny fivoam-po ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza hoe: "Mampanantena aho fa rehefa mahalala ny fahamarinana isika ary miova fo ho an'ny Tompo, dia hitoetra ho mafy orina sy hifahatra tsara ary tsy hihemotra na oviana na oviana."[1] Na dia mitaky fotoana sy vola aza ny fandehanana any Helsinki, dia feno fanoloran-tena ho mpianatr'i Kristy i Niilo. Ary tsy fihafiana velively izany ho an'i Niilo. ■

**FANAMARIHANA**

1. David A. Bednar, "Miova Fo ho an'ny Tompo," *Liahona,* Nôv. 2012, 109.

SARY NALAIN'I KUKKA AFRISTRÖM







## FAMPAHAFANTARANA BEBE KOKOA MOMBA AN'I NIILO

**Inona no sakafo fihinan'ny olona avy any Finlande?**
Anisan'ny sakafo tiako indrindra ny lasopy vita amin'ny saumon sy henan'ny renne ampiarahana amin'ny ovy voapotsitra. Mihinana mofo vita amin'ny varim-bazaha betsaka ihany koa izahay.

**Inona no ataonao mba hialana voly?**
Tiako ny manao snowboard na mijery fahitalavitra, na mandehandeha mivoaka fotsiny. Nanao asa fitoriana tany Japon aho, noho izany dia mianatra teny Japonnais aho isaky ny afaka manao izany.

**Manao ahoana ny fampiarahana any Finlande?**
Tsy dia tena kolontsainay ilay fampiarahana. Amin'ny ankapobeny dia efa tena mifankahazo ny olona roa izay vao manao ny fangatahana hiaraka. Aty dia tsy natao hifankafantarana ny fampiarahana. Misy tanora mpitovo mahatoky aty na dia tsy maro an'isa aza ireo izay mpikambana. Indraindray dia manao dia lavitra ireo tanora mpitovo mba hampiaraka amin'ny olona izay hitany tany amin'ny fotoampandihizan'ny tanora mpitovo.

### NY FIANGONANA ANY FINLANDE

Olomasin'ny Andro Farany 4.715
Paroasy 15
Sampana 15
Tsatòka 2
Misiona 1
Tempoly 1, notokanana tamin'ny 22 Oktôbra 2006

### TAREHIMARIKA

5.250.000 ny isan'ny mponina (tamin'ny Janoary 2012)
Farihy 187.888
Nosy 179.584
Sauna 2,2 tapitrisa

### FAMPAHALALANA AMIN'NY ANKAPOBENY

Renivohitra: Helsinki
Fiteny: Finnois (Suomi)

# LEHILAHY SY VEHIVAVY AO ANATIN'NY **ASAN'**NY **TOMPO**

*Ao anatin'ilay drafitra lehiben'ny Ray any an-danitra izay ahitana ny fisoronana dia manana anjara asa samy hafa ny lehilahy sy vehivavy saingy mitovy ny lanjany.*



**Nosoratan' ny Loholona M. Russell Ballard**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Mino aho fa misy fahamarinana sasantsasany izay ilain'ny vehivavy sy ny lehilahy takarina mikasika ny anjara asa manan-danja an'ny vehivavy eo amin'ny fanamafisana orina sy fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.Ampahany tena manan-danja lehibe ao anatin'ny Fiangonana ny vehivavy amin'ny lafiny maro. Noho izany miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo dia te haneho fankasitrahana ampahibemaso ireo vehivavy sy zatovovavy mahatokin'ny Fiangonana aho. Ry anabavavy malala, na aiza na aiza misy anareo eto amin'izao tontolo izao dia aoka ianareo hahafantatra fa tena tia sy matoky anareo ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly.

Mamela ahy ianareo hanomboka amin'ny alalan'ny fampahatsiahivana mikasika ny hoe, inona no ataontsika eto an-tany.

Fanahy zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny Raintsika any an-danitra isika. Niaina niaraka taminy isika tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Mba hanatontosana ilay asa nanirahana dia ny fanatanterahana ny "tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39), dia nanao drafitra mba hanampiana ny zanany hampiasa tanteraka ilay hery anaty faratampony ananan'izy ireo ny Ray any an-danitra. Ny drafitry ny Raintsika any an-danitra dia nitaky ny olona mba ho lavo sy hisaraka Aminy mandritra ny fe-potoana iray amin'ny alalan'ny fahaterahana eto amin'ny fiainana an-tany sy fahazoana vatana ary fidirana ao anatin'ny fotoam-pitsapana sy fisedrana iray. Nanolotra Mpamonjy ilay drafiny mba hanavotana ny olombelona amin'ny Fahalavoana. Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Tompontsika no manome fomba hiverenana eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny filazantsara. Noho isika hiaina ao anatin'ny tontolon'ny fiainana an-tany izay feno loza sy zavatra mahavariandriana ny saina dia fantatry ny Ray any an-danitra sy ny Zanany Lahy fa hilaintsika ny hananana hery lehibe kokoa noho ny antsika. Fantatr'izy ireo fa hilaintsika ny hananana ny Herin'izy ireo. Ny filazantsara sy ny fotopampianaran'i Kristy dia manome an'izay rehetra hanaiky izany hery mba hanatratrarana ny fiainana mandrakizay sy hery hahitana fifaliana mandritra ny dia.

Misy olona izay mametra-panontaniana mikasika ny toeran'ny vehivavy ao anatin'ny drafitr'Andriamanitra sy ao amin'ny Fiangonana. Efa be izay mpampita vaovao manerana an'izao tontolo izao nanao tafa sy dinika tamiko izay, ka ampy ilazako anareo fa ny ankamaroan'ireo mpanao gazety izay nitafa tamiko dia efa nanana hevitra masaka tao an-tsaina mialoha mikasika izany lohahevitra izany. Tao anatin'ny taona maro dia nisy ny fametrahana fanontaniana maro izay mifono ny fandraisana ny vehivavy ho toy ny olona ambany zo ao

amin'ny Fiangonana. Tsy marina izany hevitra izany.

Mamelà ahy ianareo hanolotra zavatra manan-danja dimy mba hosaintsainina mikasika izany lohahevitra manan-danja izany.

**1. Manana drafitra Andriamanitra mba Hanampiana Antsika Hahatratra ny Fiainana Mandrakizay**

Namorona ny vehivavy sy ny lehilahy ny Raintsika any an-danitra izay zanany vavy sy zanany lahy miendrika fanahy. Midika izany fa ny hoe maha-lahy sy ny maha-vavy dia mitoetra mandrakizay. Izy dia manana drafitra natao mba hanampiana izay rehetra misafidy ny hanaraka Azy sy ny Zanany, Jesoa Kristy hanatratra ilay anjarany masina dia ny ho mpandova ny fiainana mandrakizay izany.

Raha toa ny tanjona lehiben'izy ireo ka ny hahazoantsika fisandratana any amin'ny farany ary raha toa ka mahay ny zava-drehetra sy lavorary Izy Ireo araka ny efa ahafantarantsika Azy, dia tena mahatakatra ny fomba hanomanana sy hampianarana ary hitarihana antsika tokoa izany izy ireo mba hahazoantsika anjara tena tsara dia ny ho mendrika ny hahazo ny fisandratana.

Ny ankamaroan'ny olona dia saika manana fianakaviana na namana izay tafalatsaka ao anatin'ireo olana samihafa ara-piaraha-monina. Ny fiadian-kevitra mikasika ireo olana ireo amin'ny ankapobeny dia tsy mitondra vahaolana ary raha ny marina dia mety miteraka fifandirana. Misy fanontaniana sasany izay mikasika ny fihevitry ny Fiangonana eo anatrehan'ireo toe-javatra tena manahirana ary sarotra ny manome valiny mahafa-po ho an'ny rehetra amin'izany. Kanefa rehefa manontany ny Tompo ao anatin'ny vavaka isika mikasika ny zavatra tokony ho tsapa sy tokony hatao ao anatin'ireo toe-javatra ireo dia tonga ao an-tsaina izao: "Moa ve mino an'i Jesoa Kristy ianao ary moa ve manaraka Azy sy ny Ray ianao?" Mino aho fa hisy fotoana hametrahan'ny ankamaroan'ny olona ao amin'ny Fiangonana fanontaniana raha toa ka afaka manao ny zavatra rehetra asaina ataony izy ireo. Saingy raha mino marina ny Tompo isika dia tonga ny fananana toky hoe: "Mino an'i Jesoa Kristy aho ary vonona ny hanao na inona na inona ilainy mba hataoko." Noho izany dia mandrosoa hatrany. Tena mahery vaika ny teny hoe "Mino an'i Jesoa Kristy aho"!

Ny fijoroantsika ho vavolombelona sy ny filaminantsaintsika ary ny fiadanantsika dia manomboka amin'ny fahavononana ny hino fa tena mahafantatra tsara ny zavatra rehetra tokoa ny Raintsika any an-danitra.

**2. Tantanana amin'ny alalan'ireo Fanalahidin'ny Fisoronana ny Fiangonana**

Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no Fiangonan'ny Tompo ary ny Fiangonany



dia tantanana amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana sy ireo fanalahidin'ny fisoronana. "Ny fanalahidin'ny fisoronana dia ilay fahefana izay nomen'Andriamanitra an'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana hitarihana sy hifehezana ary hitantanana ny fampiasana ny Fisoronany eto ambony tany."[1]

Ireo izay manana ny fanalahidin'ny fisoronana—na diakona izany izay manana ny fanalahidy ho an'ny kôlejiny na eveka izany izay manana ny fanalahidy ho an'ny paroasiny na Filohan'ny Fiangonana izany izay mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana rehetra—dia manome fahafahana arabakiteny an'ireo rehetra izay manompo amim-pahatokiana eo ambanin'ny fitarihan'izy ireo mba hampiasa ny fahefan'ny fisoronana sy hahazo ny herin'ny fisoronana.

Ny lehilahy sy vehivavy rehetra dia miasa eo ambanin'ny fitarihan'ireo izay manana fanalahidy. Izany no fomba fitantanan'ny Tompo ny Fiangonany.

Mamelà ahy ianareo hamerina ny teny nolazaiko nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Aprily 2013 hoe: "Ao anatin'ny drafitra lehiben'ny Ray any an-danitra izay ahitana ny fisoronana dia manana andraikitra miavaka ny lehilahy mba hampiasa ny fisoronana, fa tsy izy ireo no fisoronana. Manana anjara asa samy hafa nefa mitovy lanja ny lehilahy sy ny vehivavy. Tahaka ny tsy ahafahan'ny vehivavy mitoe-jaza raha tsy misy lehilahy, dia toy izany koa no tsy ahafahan'ny lehilahy mampiasa feno ny herin'ny fisoronana mba hanorenana fianakaviana mandrakizay raha tsy misy vehivavy. . . . Amin'ny fomba fijery mandrakizay, dia samy ifampizaran'ny mpivady ny hery fiterahana sy ny herin'ny fisoronana.[2]

Nahoana no ny lehilahy no tendrena ho amin'ny anjara fanompoan'ny fisoronana fa tsy ny vehivavy? Nanazava ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) fa ny Tompo fa tsy ny lehilahy akory no "nanendry hoe ny lehilahy ao amin'ny Fiangonana dia tokony hihazona ny fisoronana" ary ny Tompo koa no nanome ny vehivavy "fahaiza-manao mba hamenoana ity rafitra lehibe sy masina ity dia ny Fiangonana sy ny fanjakan'Andriamanitra izany.". . .[3] Farany dia tsy mbola nambaran'ny Tompo ny antony nanorenany ny Fiangonana tahaka ny nanorenany Azy.

Aoka isika tsy hanadino fa efa ho ny antsasany amin'ny fampianarana rehetra izay atao ato amin'ny Fiangonana no tanterahan'ny rahavavy. Maro amin'ireo olona atolotra hitarika no avy amin'ireo rahavavy na anabavintsika. Asa fanompoana sy atrikasa maro no narindran'ny vehivavy sy tantanany. Mitondra hevi-baovao ilaina sy fahendrena ary fandanjalanjana ny torohevitra sy ny fandraisana anjara avy amin'ireo vehivavy mandritra ny filankevitry ny paroasy sy tsatòka ary ny filankevi-dehibe any amin'ny foiben'ny Fiangonana.

Mba hanasana ireo fitahiana feno avy any an-danitra mba hirotsaka ao anatin'izay mety asa atao ao amin'ny Fiangonana dia sady ilaina ny lehilahy manaja vehivavy sy ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy miavaka ananany no ilaina koa ny vehivavy manaja ny fanalahidin'ny fisoronana hazonin'ny lehilahy.

### 3. Samy Mitovy ny Lanjan'ny Lehilahy sy Vehivavy

Mitovy lanja ny lehilahy sy ny vehivavy eo anatrehan'Andriamanitra ary eo anatrehan'ny Fiangonana, saingy ny hoe mitovy lanja dia tsy midika hoe mitovy tanteraka mihitsy. Ny andraikitra sy ireo fanomezana masina nomena ny lehilahy sy ny vehivavy dia misy fahasamihafana eo amin'ny endriny saingy mitovy kosa ny lanjany sy ny fitarihana avy aminy. Ny fotopampianaran'ny Fiangonantsika dia mametraka ny vehivavy hitovy lanja amin'ny lehilahy no sady maneho ny fahasamihafany amin'ny lehilahy. Tsy misy raisin'Andriamanitra ho toy ny tsara kokoa na manan-danja kokoa noho ny anankiray ny lahy sy ny vavy. Nambaran'ny Filoha Hinckley tamin'ny vehivavy hoe "Tsy ao an-tsain'ny Raintsika any an-danitra . . . velively ny hanao anareo ho ambany noho ireo zavatra faran'izay miavaka indrindra nohariany."[4]

Ny lehilahy sy ny vehivavy dia manana fanomezam-pahasoavana samy hafa, tanjaka samy hafa ary fihevitra sy fironana samy hafa. Izany no iray amin'ireo antony lehibe indrindra hifampilantsika. Mila lehilahy iray sy vehivavy iray rehefa hanorina fianakaviana iray ary mila lehilahy sy vehivavy rehefa hanatanteraka ny asan'ny Tompo. Mifameno ny lehilahy sy vehivavy mpivady izay miara-miasa amim-pahamarinana. Aoka isika tsy hanandrana hanova ny drafitry ny Raintsika any an-danitra sy ny tanjony eo amin'ny fiainantsika.

### 4. Mahazo Fitahiana ny Rehetra amin'ny alalan'ny Herin'ny Fisoronana

Rehefa mandeha any amin'ny tempoly ny lehilahy sy ny vehivavy dia samy hiasan'ny hery iray ihany dia ny herin'ny fisoronana izany. Rehefa tarihina amin'ny alalan'ireo fanalahidin'ny fisoronana ny fahefan'ny fisoronana ary hazonin'izay lehilahy mendrika ihany ireo fanalahidin'ny fisoronana dia afaka mahazo ny herin'ny fisoronana sy ireo fitahiana avy aminy ny zanak'Andriamanitra rehetra.

Malala-tanana ny Raintsika any an-danitra amin'io heriny io. Afaka mahazo io hery io avokoa ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra ho fanampiana eo amin'ny fiainantsika manokana. Ireo rehetra izay nanao fanekempihavanana masina tamin'ny Tompo ary manaja ireo fanekempihavanana ireo dia mendrika ny hahazo fanambarana manokana sy hahazo ny fampianaran'ny anjely ary mendrika ny hiray fo aman-tsaina amin'Andriamanitra, sy handray ny fahafenoan'ny filazantsara ary ho lasa mpandova miaraka amin'i Jesoa Kristy ny zavatra rehetra ananan'ny Ray.





## 5. Mila Mahafantatra sy Mijoro ho Vavolombelona momba ny Fotopampianarana Isika

Ilaintsika ny vehivavin'ny Fiangonana mba hahafantatra ny fotopampianaran'i Kristy sy hijoro ho vavolombelona momba ny Famerenana amin'ny Laoniny amin'ny fomba rehetra azonao anaovana izany. Tsy mbola nisy fotoan-tsarotra kokoa noho izao hatramin'izay teto amin'ny tantaran'izao tontolo izao. I satana sy ny mpanara-dia azy dia efa nanatsara ny fitaovam-piadiany ho an'ny arivorivon-taona maro ary manana traikefa izy ireo eo amin'ny famotehana ny finoana sy ny fahatokiana an'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy eo anivon'ny olombelona.

Isika rehetra—lehilahy, vehivavy, tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, zatovo, ankizilahy sy ankizivavy—dia manana ny Tompo sy ny Fiangonany mba ho arovana sy haely manerana ny tany. Mila bebe kokoa ilay feo sy finoana miavaka sy mitaona ananan'ny vehivavy isika.Ilaina ny hianaranareo ny fotopampianarana sy ny hahatakaranareo ny zavatra inoantsika mba hahafahanareo mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny zavatra rehetra—azo atao ny mizara ireo fijoroana ho vavolombelona ireo na mandritra ny afon-dasy ao anatin'ny lasin'ny Zatovovavy izany na mandritra ny fivoriana fijoroana ho vavolombelona izany na anaty blaogy na ao anatin'ny Facebook. Ianareo no hany afaka mampiseho amin'izao tontolo izao hoe manao ahoana ny endrik'izany vehivavin'Andriamanitra nanao fanekempihavanana izany ary inona no inoany.

Ry anabavy isany, tena miavaka ny fahaizanareo mitaona ny hafa—izay tsy hain'ny lehilahy halaina tahaka. Tsy misy afaka miaro ny Mpamonjy antsika amin'ny alalan'ny fandresen-dahatra na hery bebe kokoa noho ny anananareo ry zanakavavin'Andriamanitra—manana hery sy finoana anaty miavaka ianareo. Tsy voarefy ny herin'ny feon'ny vehivavy niova fo iray ary ny Fiangonana dia mila ny feonareo mihoatra noho ny hatramin'izay ankehitriny.

Apetrako aminareo ny fijoroako ho vavolombelona fa ao anatin'ny fotoana iray izay tsy maintsy iarahantsika miasa ao anatin'ny firaisan-kina isika. Tsy maintsy miara-miasa isika—lehilahy, vehivavy, tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, zatovo, ankizilahy sy ankizivavy. Tsy maintsy miara-miasa isika ho an'ny drafitry ny Raintsika any andanitra. Tsy maintsy miaro Azy isika. Lavina Izy. Tsy afaka ny hiraviravy tanana isika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika ary hamela izany hitohy hitranga ka hoe tsy hanana herimpo isika mba hanaovana izay handrenesana ny feontsika.

Andriamanitra anie hanome herimpo anareo mba handalina sy hahafantatra ireo fahamarinana tsotran'ny filazantsara ary hizara azy ireo avy eo isaky ny manana fahafahana hanaovana izany. ■

*Avy amin'ny fivoriana fampaherezam-panahy iray natao tao amin'ny Brigham Young University ny 20 Aogôsitra 2013. Mba hahitana ilay lahatsoratra feno amin'ny teny Anglisy, dia tsidiho ny speeches.byu.edu.*

**FANAMARIHANA**

1. *Manuel 2: Administration de l' Église* (2010), 2.1.1.
2. M. Russell Ballard, "This Is My Work and Glory," *Liahona,* Mey 2013, 19.
3. Gordon B. Hinckley, "Women of the Church," *Ensign,* Nôv. 1996, 70.
4. Gordon B. Hinckley, "Stand Strong against the Wiles of the World," *Ensign,* Nôv. 1995, 101.

# MIOMANA MBA HANOMPO,

# MANOMPO MBA HIOMANA

*Nomen'Andriamanitra anareo ny Fisoronana Aharôna satria manana asa ho anareo izy—amin'izao fotoana izao sy any aoriana.*



**David L. Beck**
Filohan'ny Zatovolahy Maneran-tany

I Jonathan dia namako iray izay niditra ho mpikamban'ny Fiangonana efa-taona lasa izay. Izy ihany no mpikamban'ny Fiangonana ao amin'ny fianakaviany. Rehefa avy nandray ny Fisoronana Aharôna izy dia nanomboka nanompo ny hafa ka nanompo nihoatra noho izay nataony hatramin'izay. Fantatr'i Jonathan fa rehefa hoe hanompo dia mila mianatra zavatra maro. Naniry koa ny ho mendrika sy ho azo ianteherana izy ka dia nandalina ny filazantsara sy nivavaka ary nanatrika ireo fivoriana Alahady sy ny seminera. Niasa mafy izy mba hitandremana ny didy sy ireo fitsipiky ny Fiangonana. Nanatanteraka tamim-pahavitrihana ireo adidiny tao amin'ny fisoronana izy ka tafiditra tao anatin'izany ny naha-mpampianatra isan-tokantrano lehibe azy. Ny bokiny *Devoirs Envers Dieu* dia nanampy azy hahatakatra ireo adidiny sy hianatra ny fomba fanatanterahana azy ireo.

Nanome azy hery ara-panahy ny asa fanompoana nataon'i Jonathan tamim-pahatokiana. Niaro azy tamin'ny fitarihandratsy izany. Nivoatra tsy nisy ohatra izany izy rehefa nanompo sy niomana ho amin'ny hoaviny. Nandray ny Fisoronana Melkizedeka sy ny fanafiana masina tany amin'ny tempoly izy tamin'ny herintaona lasa teo. Manao asa fitoriana amin'ny fotoana feno any Brésil izy amin'izao fotoana izao.

Matetika ny Fisoronana Aharôna dia antsoina hoe "fisoronana fiomanana." Nomen'Andriamanitra anao ny Fisoronana Aharôna satria manana asa ho anao izy—amin'izao fotoana izao sy any aoriana. Ny fanompoana amim-pahavitrihana ataonao ao amin'ny Fisoronana Aharôna dia manomana anao amin'ny fahazoana tombontsoa lehibe kokoa hanompo ao anatin'ireo taona ho avy. Toa an'i Jonathan, ianao dia miomana ny "handray ny Fisoronana Melkizedeka, handray ireo fitahiana avy any amin'ny tempoly, hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno, ho vady sy ray ary hanohy hanompo ny Tompo mandritra ny androm-piainana" (*True to the Faith: A Gospel Reference* [2004], 4).

Mety tsy fantatrao daholo ny antsipirian'ireo tombontsoa natokan'ny Ray any andanitra ho anao, saingy matoky aho fa ho vonona ny hiatrika azy ireo ianao raha toa ka mahatsiaro ny hanao ireto zavatra manaraka ireto amin'ny maha-mpihazona ny Fisoronana Aharôna anao.

## Manaraka an'i Jesoa Kristy

Solontenan'i Jesoa Kristy ianao amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana anao. Midika izany fa angatahina ianao mba hanaraka Azy sy hanao izay zavatra ho ataony. Inona no ho ataony? Tao anatin'ny toe-javatra rehetra niseho dia nanokana ny fiainany mba hanompoana sy hitahiana ny hafa izy. Dia tokony hanao izany koa ianao. Manolora tena mba hanompo ny hafa—ary aoka ianao hivoatra sy hihatsara mba hisian'ny zavatra bebe kokoa azonao omena! Tsarovy ny fomba nivoaran'i Jesoa tamin'ny fahatanorany: "Nitombo saina sy tena [Izy] sady nandroso fitia tamin'Andriamanitra sy ny olona" (Lioka 2:52).



Tafiditra ao anatin'ny fanarahana ny Mpamonjy ny fananana fahendrena sy fahasalamana ara-batana ao anatin'ny fahatanoranao. Izany dia mitaky anao hiasa mafy sy hanao lalandava izay tsara indrindra vitanao (jereo ny F&F 4:2). Mahazo sitraka

SARY NATAON'I TAIA MORLEY

## NY MPIHAZONA NY FISORONANA AHARÔNA DIA:



**Manaraka an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny**

- fanaovana vavaka isan'andro sy ny fandalinana soratra masina
- fankatoavana
- fikatsahana ny sitrapon'Andriamanitra

**Manatanteraka ôrdônansin'ny fisoronana toy ny**

- fanamasinana ny Fanasan'ny Tompo
- fanaovana batisa ny hafa

**Manompo lalandava amin'ny alalan'ny**

- fampahatanjahana ny fianakaviana sy ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy
- fanavotana ireo mpikambana malaindaina
- fanompoana ny sahirana

## AHOANA NO AHAFAHAKO MIOMANA MBA:

**Handray ny Fisoronana Melkizedeka**

**Handray ireo fitahiana any amin'ny tempoly**

**Hanao asa fitoriana**

**Ho lasa vady sy ray**




avy amin'Andriamanitra ianao rehefa manakaiky Azy amin'ny alalan'ny vavaka, fandalinana soratra masina, fankatoavana ary asa fanompoana. Mahazo sitraka avy amin'ny hafa ianao rehefa maneho hatsaram-panahy sy fahitsim-po aman-tsaina amin'ny fianakavianao ary rehefa namana maneho toetra tahaka ny an'i Kristy amin'ny hafa.

Tsarovy fa nanao ny sitrapon'ny Ray hatrany i Jesoa. Manaraka an'i Kristy ianao rehefa mikatsaka ny sitrapon'Andriamanitra mandritra ny andro iray manontolo mba hitarika ny asa fanompoana ataonao ary rehefa mandray andraikitra mifanaraka amin'ilay bitsika ara-panahy voarainao.

### Manatanteraka Ôrdônansin'ny Fisoronana

Ireo ôrdônansin'ny fisoronana dia ilaina ho an'ny zanak'Andriamanitra ary mitahy amin'ny fomba mitovy ireo zanakalahiny sy zanakavaviny. Manomboka eo amin'ilay fotoana hahatongavanao ho diakona dia manampy amin'ny fanatanterahana ôrdônansin'ny fisoronana iray ianao amin'ny alalan'ny fizarana Fanasan'ny Tompo. Hanohy hanatanteraka ôrdônansin'ny fisoronana ao amin'ny Fisoronana Aharôna ianao any aoriana rehefa manomana sy manamasina ny Fanasan'ny Tompo ary rehefa manao batisa sy mandray anjara ao anatin'ny fanendrena mpihazona ny Fisoronana Aharôna hafa.

Tsy maintsy madio ianao rehefa mandray anjara amin'ireo ôrdônansy masina. Ny fahadiovanao ara-pitondrantena dia afaka manampy hery lehibe ara-panahy ho an'ireo ôrdônansy izay tanterahanao. Miezaha mba ho mendrika amin'ny fomba rehetra mba hitondra ny fanaka masin'ny fanasan'ny Tompo (jereo ny F&F 38:42). Rehefa manao izany ianao dia afaka haneho amin'ny paroasinao na ny sampanao fa solontena marin'i Jesoa Kristy. Izy ireo dia ho voatahy amin'ny alalan'ny fahavononanao hitandrina ny fanekempihavanana izay anampianao azy ireo mba ho havaoziny.

### Manompoa Hatrany

Amin'ny maha-mpihazona ny Fisoronana Aharôna anao dia manompo ianao. Mitadiava foana fomba ahafahana manompo ny fianakavianao sy ny namanao ary ireo mpikambana ao amin'ny kôlejinao sy ny olona hafa. Ny zavatra rehetra ataonao ao amin'ny fisoronana dia manampy anao hanompo ny hafa ara-batana sy ara-panahy. Ohatra, rehefa manampy ny evekanao na ny filohan'ny sampanao ianao amin'ny alalan'ny fanompoana fianakaviana iray izay ianao no mpampianatra isan-tokantranony, dia mianatra ny mamantatra sy mandray an-tanana ny zavatra ilain'ny hafa ianao. Manompo ny hafa koa ianao rehefa manolo-tanana manampy ireo mpikambana ao amin'ny kôlejinao ary manavotra ireo malaindaina sy manangona ny fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina mba hanampiana ny mahantra sy ny sahirana ary rehefa manao asa ara-batana ho an'izay marary sy manana kilema sy rehefa mampianatra sy mijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy sy ny filazantsarany ary manamaivana ny enta-mavesatr'ireo izay kivy.


Manompo ianao rehefa mampianatra lesona ao anatin'ny fivorian'ny kôlejinao ary ao anatin'ny takarivan'ny mpianakavinao. Manompo ianao rehefa manasa ny rehetra hanatona an'i Kristy (jereo ny F&F 20:59)—any an-tranonao, any amin'ny kôlejinao, any am-pianarana, rehefa miaraka amin'ireo misiônera amin'ny fotoana feno ary na aiza na aiza misy anao.

### Ny Hoavinao

Ifampiresaho amin'ny ray aman-dreninao na ny mpanoro hevitra anao ny zavatra hotakiana aminao ao anatin'ireo anjara asanao amin'ny ho avy amin'ny maha-mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka anao sy amin'ny maha-misiônera sy vady ary ray anao.Soraty eo amin'ilay faritra malalaka nomena ny sasany amin'ireo andraikitra lehibe ary ny fomba ahafahanao miomana amin'izany ankehitriny amin'izao ianao manompo ao amin'ny Fisoronana Aharôna izao. Mety ho toy ny mavesatra izany ankehitriny saingy tsarovy fa ny fomba tsara indrindra hiomanana dia ny manao tsotra fotsiny izay angatahan'ny Rainao any an-danitra ho ataonao androany. Enga anie ianao hahita fifaliana rehefa manompo amin'izao fotoana izao ary rehefa miomana amin'ilay hoavinao tena lehibe. ■

# ILAY **HERY** HITAHIANA
# NY OLONA REHETRA


*Ireo mpitarika ao am-piangonana dia nampianatra antsika fa ny ôrdônansy sy ny fanekempihavanan'ny fisoronana dia natao ho an'ny zanak'Andriamanitra rehetra—lehilahy sy vehivavy.*



"Ny fisoronana dia ilay hery sy fahefan'Andriamanitra nomena mba ho fanavotana sy fitahiana ho an'ny rehetra—lehilahy, sy vehivavy, ary ankizy. . . .


"Misy ireo fitahiana miavaka avy any amin'Andriamanitra ho an'ny olona tsirairay izay mendrika izay atao batisa, sy mandray ny Fanahy Masina, ary mandray tsy tapaka ny fanasan'ny Tompo. Mitondra fahatakarana sy hery fanampiny, miaraka amin'ny fampanantenana ny fiainana mandrakizay ny tempoly [jereo ny F&F 138:37, 51]."

**Ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Hery ao amin'ny Fisoronana," *Liahona,* Nôv. 2013, 92.**



"Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny fisoronana . . . dia manome fahafahana hahazo ny fahafenoan'ireo fitahiana nampanantenain'Andriamanitra antsika, izay azo tanterahina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Mamatsy hery ireo zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra izy ireo, dia ny herin'Andriamanitra izany, ary manome antsika fahafahana hahazo ny fiainana mandrakizay—mba hiverina eo anatrehan'Andriamanitra sy hiaina miaraka aminy ao amin'ny fianakaviany mandrakizay."

**Carole M. Stephens, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, "Fantatsika ve Ny Zavatra Ananantsika?" *Liahona,* Nôv. 2013, 12.**




"Manan-danja lehibe amintsika ny fahatakarana fa nanome fomba ho an'ireo zanakilahy sy zananivavy ny Ray any an-danitra mba hahazo ireo fitahiana sy hery avy amin'ny herin'ny fisoronana. Zava-dehibe ao anatin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ireo zanany ara-panahy ilay fanambarana nataony manao hoe: "Fa indro izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39)."

**Ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Izao no Asako sy Voninahitro," *Liahona,* Mey 2013, 19.**



ILLUSTRATION BY GAIL ARMSTRONG

# MITONDRA IREO **FITAHIANA** AZO AVY AMIN'NY **FISORONANA** AN-TOKANTRANONAO



**Nosoratan'i Bonnie L. Oscarson**
Filohan' ny Zatovovavy Maneran-tany

*Rehefa mitandrina ireo fanekempihavananao ianao dia misarika ny herin'ny fisoronana mba hitahy ny tokantranonao sy ny fianakavianao.*

Ahoana no ahafahanao misarika ny herin'ny fanekempihavanan'ny fisoronana izay nataonao tamin'ny batisa mba hanamafisana orina ny tokantranonao sy ny fianakavianao amin'ny mahazatovolahy na zatovovavy anao, na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra misy ny fianakavianao? Ny fahatakarana ny anjara toerana sy ny lanjan'ny fianakaviantsika ao amin'ny drafitry ny Tompo dia afaka mitaona antsika hanaja ireo fampanantenana izay nataontsika amin'ny alalan'ny fahitana fa ny asa fanompoana tsara indrindra sy tena mampientanentana dia ataontsika ao an-tokantranontsika. Ndeha hojerentsika ireo fomba vitsivitsy hisarihantsika ny herin'ny fanekempihavanantsika mba hampaherezana sy hanompoana ireo olona izay manan-danja indrindra amintsika.

## Inona no Havalinao?

Alatsinainy alina izao, ary manana entimody betsaka tokoa ianao. Mandre ny rainao miantso ny fianakaviana hiaraka hivory hanao ny takarivan'ny mpianakavy ianao. Inona no ataonao?

Safidy A: Mamaly ianao hoe: "O ry Dada a! Tsy manana fotoana ho an'izany aho anio alina! Mila mianatra aho!"

Safidy B: Angoninao haingana ny mpiray tampo aminao ary mandray anjara amimpahavitrihana amin'ny vavaka sy ny hira ary ny hafatra ianao.

## Raha misy Mpitarika ao amin'ny Fisoronana ao an-trano

Ny fanohanana ireo ray aman-dreninao amin'ny fandraisana anjara an-tsitrapo amin'ny takarivan'ny mpianakavy, sy amin'ny vavaky ny mpianakavy, ary amin'ny fandalinana ny soratra masina miaraka amin'ny fianakaviana dia fomba entina mampatanjaka ny mpitarika ny fisoronana ao an-tranonao. Misy fomba maro hafa ihany koa, toy ny:

- Mivavaka ho an'ny Ray aman-dreninao. (Azo antoka fa mivavaka ho anao isan'andro izy ireo.)
- Manohana ireo ray aman-dreninao amin'ny antson'izy ireo ao ampiangonana sy manampy amin'ny raharaha ao an-trano, indrindra rehefa sahirana amin'ny andraikitra tsy mahazatra izy ireo.

SARY NATAON'I SUDI MCCOLLUM



- Manampy ireo ray aman-dreninao handray ireo mpampianatra isan-tokantrano rehefa tonga izy ireo, ary mihaino amim-pahalalam-pomba ny hafatr'izy ireo avy eo.
- Raha misy tempoly ao amin'ny faritra misy anao, dia manolora tena hitaiza ireo zandrinao mba hahafahan'ireo ray aman-dreninao mankany amin'ny tempoly sy mandray anjara amin'ireo ôrdônansin'ny fisoronana.

Tsarovy fa tsy ireo ray aman-dreny ihany no tompon'andraikitra hanasa sy hihazona ny Fanahy Masina ao an-tokantranonao. Maro ny zavatra azonao atao mba hanasana ny Fanahy Masina amin'ny asanao sy ny fihetsikao. Moa ve ianao manao ny anjaranao mba hanasana ny fitaoman'ny Fanahy Masina ho ao an-tokantranonao?

**Raha Tsy Misy Mpitarika ao amin'ny Fisoronana ao An-trano**

Tsy mitovy ny endriky ny fianakaviana rehetra sy ny toe-java-miseho ao anatiny. Mety ho ray aman-dreny tokan-tena ianao na mety tsy manana mpihazona ny fisoronana izay miahy ny tokantranonao. Mbola misy fomba maro ihany hanasana ny herin'ny fisoronana hanamafy orina anao sy ny fianakavianao. Izany dia zavatra tokony hataontsika, na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra misy antsika:

- Manaova vavaka manokana, manaova fandalinana ny soratra masina, ary mifadia hanina. Ireo ezaka ireo dia hanampy anao hahery ara-panahy sy hanasa ny Fanahy Masina ho ao amin'ny fiainanao sy ao amin'ny manodidina anao izay azonao taomina.
- Makà fotoana hanandrianana ny antsonao na ireo andraikitrao ao am-piangonana ary miomana amin'ny lesona zaraina isaky ny Alahady. Ny fanaovanao izany dia manampy anao hatoky tena sy maneho ny fanohanana ireo fandaharan'ny fisoronana.
- Manehoa fanajana ho an'ireo rehetra ao amin'ny fianakavianao ary tohano ireo zavatra mahasoa izay ataon'izy ireo. Ireo safidy ireo dia hanampy amin'ny fanamafisana orina ny fianakaviana manontolo.
- Zarao amin'ny fianakavianao ireo zavatra izay nianaranao sy nataonao nandritra ireo kilasy sy kôlejy tany am-piangonana. Izany dia fomba iray hitondrana ny fampianaran'ny filazantsara ho ao an-tokantrano.
- Mitadiava fomba hanompoana ireo izay manodidina anao amin'ny alalan'ny fihetsika tsotra feno fitiavana.
- Manampia ao an-tokantrano amin'ny fanaovana raharaha na amin'ny fanampiana ny rahalahinao na rahavavinao.
- Manehoa fitiavana tahaka ny an'i Kristy amin'ny fianakavianao—izany dia hisy fiantraikany bebe kokoa amin'ny fanorenana fianakaviana mafy orina noho ny zavatra hafa rehetra azonao atao.

**Fanajana Ireo Fanekempihavananao**

Rehefa manompo sy mitia ary manamafy orina ny fianakaviantsika isika dia manaja ireo fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa mba hijoro ho vavolombelon'i Jesoa Kristy, hitandrina ny didiny, ary hankahery ireo izay manodidina antsika. Afaka misarika ny herin'ny fanekempihavanan'ny fisoronana ho tonga fitahiana sy ho fanampiana ao amin'ny tokantrano sy ny fianakaviantsika isika. *Ny Fisoronana, ny asa fanompoana,* ary *ny tokantrano* dia teny izay tokony hifandray mandrakariva ao an-tsaintsika. Ireo ao amin'ny fianakaviantsika dia tokony hitana ny lohalaharana rehefa mitady fomba handraisana anjara amin'ny asa famonjena isika. Rehefa manamafy orina ny fianakaviantsika isika, dia manamafy orina ny Fiangonana, sy ny fiaraha-monina misy antsika, ary izao tontolo izao ihany koa. ■





"Ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany."

**"Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao," *Liahona,* Nôv. 2010, 129.**



"Ny zava-dehibe indrindra amin'ny asan'ny Tompo izay hataonao dia ho ao anatin'ny rindrin'ny tokantranonao."

***Enseignements des Présidents de l'Église: Harold B. Lee* (2000), 134.**

# NY FAHATOKIAN-TENA AVY AMIN'NY **FAHAMENDREHANA**

*Maniry ny hiresaka manokana mikasika ny fomba hahazoana fahatokian-tena tena miavaka aho.*



**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny hafatra omeko anareo dia hafatra mifono fanantenana sy famporisihana ho an'izao fotoana izao sy ho an'ny andro sisa rehetra hiainanareo. Misy olana maro eo amin'izao tontolo izao, kanefa efa nisy hatrany ny olana tamin'ny vanim-potoana sy ny fotoan'andro rehetra nandalo hatrizay. Aza sahiran-tsaina amin'ireo olana ireo, ary aza kivy amin'izy ireny. Ho feno fahafahana hanao zavatra mahafinaritra sy ho feno fitahiana lehibe ireo taona ho avy. Hitohy hatrany ny fandrosoana ara-tsiansa sy ara-teknôlôjia, ara-pahasalamana sy ara-pifandraisana—ireo sehatra rehetra izay tena mivelatra be tokoa mba hanatsarana ny fiainantsika. Miaina ao anatin'ny vanim-potoana feno voninahitra mihoatra noho izay efa nisy hatrizay ianareo, ary fitahiana maro kokoa no mirotsaka isan'andro amin'ny olona betsaka kokoa manerana izao tontolo izao mihoatra noho ny tamin'ny fotoana hafa teo amin'ny tantara. Tsarovy—tsy mbola nanonofy hanana tablette digitale ny renibenareo fony izy tamin'izao taonanareo izao, ary tsy mbola hain'ny dadabenareo mihitsy izany hoe mandefa hafatra fohy na sms. Noho izany, ataovy izay hahafaly anareo sy hahasalama anareo ary hitodihanareo amin'ny lafiny tsara hatrany.

Lazaiko izany satria namaky lahatsoratra aho vao haingana izay nilaza fa ny aretina matetika indrindra mpahazo ny tanora amin'izao fotoana izao dia tsy ny diabeta na ny aretim-po na homamiadana. (Ireo karazana olana ireo dia natao ho an'ny olona mitovy taona amiko, fa tsy ireo izay mitovy taona aminareo.) Tsy ireo fa ny aretina izay mampijaly indrindra ireo zatovo sy tanora, araka ny voatatitra tamin'izany, dia ny fisalasalana momba ny tena, ny fahatahorana ny hoavy, ny fiheverana ny tena ho tsinontsinona, ary ny tsy fahampian'ny fananany fahatokiana amin'ny tena sy amin'ny tontolo manodidina azy amin'ny ankapobeny.

Na dia tena antitra aza aho mihoatra anareo, dia takatro tsara ireo karazana olana ireo satria saika nandritra ny fahatanorako manontolo dia toa niaina toe-javatra izay tsy nananako fahatokian-tena ihany koa aho. Mbola tsaroako ny fiezahana hahazo naoty tsara, ny fanantenana ny hahazo vatsimpianarana, ary ny fametraham-panontaniana hoe nahoana ireo hafa no toa havanana kokoa amin'izany taranja izany noho ny tenako. Mbola tsaroako ireo taona maro nanaovako fifaninana ara-panatanjahan-tena izay niezahako nilalao tamim-pahatokian-tena araka izay nilaina mba hahazoana fahombiazana teo amin'ny fanatanjahan-tena tany amin'ny lycée sy oniversite, ka naniry mafy ny handresy tamin'ny lalao lehibe na hahazo ny amboara izay nirian'ny ekipa nisy ahy fatratra. Tsaroako manokana ny tsy fananako fahatokian-tena manoloana ny tovovavy, izay antony matetika miteraka tebitebin-tsaina



tokoa ho an'ireo zatovolahy. Tena feno fankasitrahana aho hoe nanaiky ny hiaraka tamiko ny Rahavavy Holland. Eny, mahatsiaro ireo zavatra rehetra tsaroanareo aho—ny tsy fahazoako antoka ny amin'ny endriko ety ivelany na koa hoe ho eken'ny hafa ve aho na ny hoe hanao ahoana ny hoaviko.

Ny tanjoko eto dia tsy ny hiresaka momba ireo olana rehetra izay atrehan'ny tanora iray ka mahatonga azy hisalasala momba ny tenany sy tsy ho ampy fahatokian-tena, fa maniry kosa aho ny hiresaka manokana mikasika ny fomba hahazoana fahatokian-tena tena miavaka—fahatokian-tena izay raha toa ka azo amin'ny fahamarinana dia mitondra vokany mahagaga ho an'ny lafiny hafa rehetra eo amin'ny fiainantsika, indrindra ny fiheverantsika ny tenantsika sy ny fomba hijerentsika ny hoavy. Ho fanazavana izany, dia hitantara tantara iray aho.

**Ny Maha-zava-dehibe ny Fahamendrehan'ny Tena Manokana**

Taona maro lasa izay, talohan'ny niantsoana ahy ho Manampahefana Ambony ao amin'ny Fiangonana, dia nanana anjara lahateny nandritra ny fihaonambe iray ho an'ny tanora tokan-tena aho. Fivoriana natao hijoroana ho vavolombelona no namarana ilay fihaonambe, ary tovolahy mahafinaritra iray izay vao avy nahavita ny asa fitoriany no nijoro hizara ny fijoroany ho vavolombelona. Tsara sy madio ary feno fahatokian-tena no fahitana azy—tahaka ny endrika tokony hisehoan'ireo izay avy nanao asa fitoriana.

Rehefa nanomboka niteny izy, dia nirotsaka ny ranomasony. Nilaza izy fa feno fankasitrahana noho ny fahafahany mijoro eo anivon'ny vondrona tanora Olomasin'ny Andro Farany tena mahafinaritra sy ny fahatsapana tsara ananany momba ny fiainana izay ezahany iainana. Izany fahatsapana izany anefa dia tsy ho azony, hoy izy, raha tsy nisy zavatra iray izay niainany taona vitsy tany aloha, izay nanoritra ny fiainany mandrakizay.

Avy eo izy dia nitantara ny fodiany tao an-trano rehefa avy nampiaraka, fotoana fohy taorian'ny nanokanana azy ho loholona tamin'ny faha-18 taonany. Nisy zavatra nitranga nandritra io fampiarahana io izay somary nahamenatra azy. Tsy nilaza ny antsipiriany izy, ary tsy ho nilaza izany ampahibemaso koa izy. Hatramin'izao dia tsy fantatro ny mombamomba ilay zava-nitranga, saingy nanan-danja taminy izany ka nisy fiantraikany tamin'ny fanahiny sy ny fiheverany ny tenany.

Raha nipetraka tao anatin'ny fiarany nandritra ny fotoana fohy izy teo amin'ny lalana mankany an-tranony, nieritreritra ny zava-nitranga sy nahatsapa alahelo tena marina mikasika izay zavatra rehetra mety ho nitranga, dia indro ny reniny izay tsy mpikambana nihazakazaka avy ao an-trano nanatona ny fiarany tao anatin'ny fitaintainana. Nohazavainy haingana fa ny zandry lahin'io tovolahy io dia nianjera tao an-trano, voadona mafy ny lohany ary mifanintona izy. Niantso fiarakodia fitondrana marary avy hatrany ilay raim-pianakaviana izay tsy mpikambana, saingy tena mbola afaka fotoana kelikely vao ho tonga ny fanampiana.

"Avia re ary ataovy izay azo atao," hoy izy nitomany. "Tsy misy zavatra fanaonareo ve any amin'ny Fiangonanareo rehefa misy zavatra tahaka izao? Manana ilay fisoronany ianao. Avia re ary ataovy izay azo atao."

Tsy nahafantatra zavatra betsaka momba ny Fiangonana ny reniny tamin'izay, saingy nahafantatra mikasika ny tsodrano avy amin'ny fisoronana izy. Na dia teo aza izany, rehefa nila ny finoany sy ny heriny ny olona iray izay tiany tokoa tamin'io alina io dia, dia tsy afaka nanao



***Raha nipetraka tao anatin'ny fiarany nandritra ny fotoana fohy izy teo amin'ny lalana mankany an-tranony, nieritreritra ny zava-nitranga sy nahatsapa alahelo tena marina mikasika izay zavatra rehetra mety ho nitranga, dia indro ny reniny izay tsy mpikambana nihazakazaka avy ao an-trano nanatona ny fiarany tao anatin'ny fitaintainana.***



***"Nanomboka tamin'iny alina iny aho dia tsy nanao zavatra izay mety hisakana ahy tsy hankeo anoloan'ny Tompo amim-pahatokian-tena sy hangataka ny fanampiany rehefa ilaina izany," hoy izy.***

ny andraikiny ity tovolahy ity. Noho ireo fahatsapana izay vao avy nanahiran-tsaina azy ary sy ny tsy fanajana zavatra izay tsapany fa nataony—na inona na inona izany—dia tsy afaka nandroso teo anoloan'ny Tompo izy sy hangataka ilay tsodrano izay nilaina.

Nivoaka faingana ny fiara izy ary nihazakazaka nidina nankany an-tranon'ny lehilahy iray efa zokinjokiny sady mendrika izay naka azy ho namana tao amin'ny paroasy hatramin'ny niovany fo roa na telo taona lasa izay. Nanazava ny toe-draharaha ilay tovolahy, ary tafaverina soa aman-tsara tany an-trano izy roa lahy talohan'ny nahatongavan'ireo mpamonjy aina. Tsara fiafarana ilay tantara araka ny voalaza tao amin'ilay fivoriana natao hijoroana ho vavolombelona satria avy hatrany dia nanome tsodrano avy amin'ny fisoronana izay mampitony sy mahery vaika ilay lehilahy efa zokinjokiny, ka nampahazo aina sy nampitony ilay zaza naratra mandra-pahatongan'ireo mpamonjy aina. Rehefa nandeha vetivety tany amin'ny hopitaly sy nanao ny fitiliana rehetra nilaina dia hita fa tsy nisy ny fahavoazana mitondra takaitra. Tapitra ny fotoana feno tahotra niainan'ity fianakaviana ity.

Avy eo dia nilaza izao ilay tovolahy vao avy nahavita ny asa fitoriany izay noresahiko taminareo: "Tsy hisy olona hoe tsy niatrika ny zavatra natrehako tamin'iny alina iny ka hahafantatra ny henatra tsapako sy ny alahelo novesariko noho ny fahatsapako ho tsy mendrika ny hampiasa ny fisoronana nohazoniko. Vao mainka fahatsiarovana mampalahelo ho ahy izany satria ny zandriko lahy no nila ahy sy ireo ray aman-dreny malalako izay tsy mpikambana izay feno tahotra ary nanan-jo hiandry zavatra bebe kokoa avy aty amiko. Kanefa amin'izao fijoroako eto anatrehanareo anio izao, dia afaka manao izao fampanantenana izao ho anareo aho," hoy izy. "Tsy tanteraka aho, saingy nanomboka tamin'iny alina iny aho dia tsy nanao zavatra izay mety hisakana ahy tsy hankeo anoloan'ny Tompo amim-pahatokian-tena sy hangataka ny fanampiany rehefa ilaina izany. Ny fahamendrehan'ny tena manokana dia ady ao amin'ity tontolo izay iainantsika ity," hoy izy niaiky, "kanefa mandresy aho ao anatin'izany ady izany. Nahatsapa tena ho meloka indray mandeha tao amin'ny fiainako aho, ary tsy mikasa ny hahatsapa izany intsony mandrakizay raha mbola misy zavatra azoko atao hisorohana izany. Ary mazava ho azy," hoy izy teo am-pamaranana, "azoko atao *ny zavatra rehetra* hisorohana izany."

Nofaranany ny fijoroany ho vavolombelona dia nipetraka izy. Mbola ato an-tsaiko foana izy. Mbola ato an-tsaiko foana ny toe-javatra nisy anay. Ary mbola tsaroako ny fahanginana nampihetsi-po sy naharitra taorian'ny teniny raha nanana fahafahana handinika lalindalina kokoa ny toe-panahiny ny tsirairay tao amin'ilay efitrano, ka nanolotena mba hiaina bebe kokoa araka ireo teny mahery vaika nolazain'ny Tompo:

"Aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy *dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan'Andriamanitra;* ary ny fotopampianaran'ny fisoronana dia hitsika ao amin'ny fanahinao toy ny ando avy any an-danitra.

"Ny Fanahy Masina no ho namanao lalandava, ary ho tehim-piandrianan'ny fahamarinana sy ny marina ka tsy hiovaova ny tehim-piandriananao" (F&F 121:45–46; nampiana fanamafisana).

**Mahatsapa ny Fanahin'Andriamanitra**

Ry tanora namako malala, manàna fiainana mahafinaritra. Ny tsara indrindra no eritrereto sy andrandrao ary manàna finoana ny amin'ny hoavy. Fiainana mahafinaritra no miandry anareo. Tian'ny Ray any an-danitra ianareo. Raha nanao fahadisoana ianao, dia azo hibebahana izany sy hahazoana famelan-keloka tahaka ny an'ity tovolahy ity. Manana ny zavatra rehetra hiainana sy hanaovana drafitra ary hinoana ianareo. Ny fahazoana fankatoavana avy amin'ny feon'ny fieritreretanareo rehefa irery ianareo miaraka amin'ny fahatsiarovanareo dia mamela anareo hahatsapa ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny fomba tena miavaka sy anareo manokana. Tiako hahatsapa izany Fanahy Masina izany ianareo, sy hahatsapa izany fahatokian-tena eo anatrehan'ny Tompo izany mandrakariva. Enga anie ny eritreritra feno hatsarana hihazona ny zavatra ataonareo ho madio anio sy ampitso ary mandrakizay. ■

*Avy amin'ny takariva amorom-patana ho an'ny tanora izay natao tamin'ny 31 Desambra 2006.*

# NY VAVAHADY sy NY LALANA

*Ankoatra ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana, ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny fisoronana dia mametraka antsika eo amin'ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay sy manome antsika ny hery ilaintsika amin'izao fotoana izao.*

Isika rehetra dia mikatsaka ny fiainana mandrakizay, izay midika hoe voavonjy sy nasandratra amin'ny ambaratonga ambony indrindra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra, izay toerana ahafahantsika miaina miaraka amin'ny fianakaviantsika eo anatrehan'ny Ray any an-danitra.

Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny fisoronana dia mamela antsika hiditra amin'ilay lalana izay mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay. Na oviana na oviana nidiranao tamin'io lalana io ary na aiza na aiza no misy anao eo amin'izany lalana izany—na teraka tao am-piangonana ianao na niova fo taty aoriana, na nazoto foana ianao nandritra ny fiainanao na vao niverina nazoto vao haingana—dia afaka mivoatra eo amin'izany lalana izany ianao rehefa mifantoka amin'ireo fanekempihavananao sy ny zavatra azonao atao mba handraisana sy hanajana azy ireny.

Ary zava-dehibe ny mahafantatra fa ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny fisoronana dia tsy manome fampanantenana hahazo ho avy feno voninahitra fotsiny ihany. Izy ireo koa dia manome ny tanjaka, sy fankaherezana, ary fanohanana izay ilaintsika amin'izao fotoana izao mba hahafahantsika manaraka ilay lalana sy maharitra hatramin'ny farany amim-pahamarinana. ■







"Ny fahefan'ny fisoronana ao amin'ny Fiangonana no hanatanterahana ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina izay mamehy **ny fianakaviana** sy mahatonga antsika tsirairay avy ho mendrika ny **hiverina any amin'Andriamanitra, ilay Ray sy i Jesoa Kristy** ao amin'ny fanjakana selestialy. Mitondra fiadanana ireo ôrdônansy ireo satria fanekempihavanana miaraka amin'ny Tompo izy ireo."

**Loholona Quentin L. Cook ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Fiadanan'ny Tena Manokana: Valisoa avy amin'ny Fahamarinana,"** ***Liahona,*** **Mey 2013, 34.**

IREO ÔRDÔNANSY SY FANEKEMPIHAVANANA ILAINA

FANAVAOZANA SY FANAMAFISANA IREO ÔRDÔNANSY




Tsodranon'ny patriarika—fitarihana miavaka ho an'ny tena manokana sy fitahiana nampanantenaina

FANOMEZANA NY FISORONANA SY FANENDRENA HO AMIN'NY FISORONANA (HO AN'NY ZATOVOLAHY)



FANAFIANA MASINA ANY AMIN'NY TEMPOLY

Tsodrano ho an'ny marary—fanampiana sy fanasitranana



Tsodrano omen'ny raim-pianakaviana sy tsodrano hafa fankaherezana sy mifono torohevitra—fiadanam-po sy fitarihana rehefa ilaina izany

FAMEHEZANA ANY AMIN'NY TEMPOLY



FIAINANA MANDRAKIZAY (FANJAKANA SELESTIALY MIARAKA AMIN'NY FIANAKAVIANA)


## FANAMPIANA ENY AN-DALANA

**Soratra Masina**—fitarihana sy torolalana raisina noho izy ampahany amin'ny fanekempihavanan'Andriamanitra sy ny vahoakany (jereo ny F&F 84:57)

**Vavaka**—"[Ilay Mpampianatra] dia manome antsika ny fanekempihavanana mba 'hahatsiaro Azy mandrakariva' sy ny fampitandremana mba 'hivavaka mandrakariva' mba hatokisantsika Azy, izay hany fiarovana ho antsika" (Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Always," *Ensign,* Ôkt. 1999, 9).


**Asa fanompoana**—fanatanterahana ny fanekempihavanantsika amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ireo zanany, ka tafiditra ao anatin'izany ny antso, ny asan'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana, ny fizarana ny filazantsara, ny asa fitoriana ny filazantsara amin'ny fotoana feno

**Fibebahana**—fahatsiarovana ireo fanekempihavanantsika sy fanakaikezana ny Mpamonjy rehefa nivily lalana isika, indraindray dia ahitana fanampiana avy amin'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana



"**Miaro** antsika sy **manomana** antsika mba hanao ny asan'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao ny fijanonantsika eo amin'ny lalan'ireo fanekempihavanana sy didy ary ôrdônansy."

**Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Mitsangàna sy Miorena eo amin'ny Toerana Masina," *Liahona,* Mey 2013, 49.**



"Rehefa mandray anjara amim-pahamendrehana amin'ireo ôrdônansin'ny fisoronana ianao, dia hanome anao **hery, sy fiadanana, ary fomba fijery mandrakizay bebe kokoa ny Tompo."**

**Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Hery ao amin'ny Fisoronana," *Liahona,* Nôv. 2013, 95.**

SARY NATAON'I BRYAN BEACH

# "Inona no tokony hataoko rehefa resahana any an-tsekoly ny lohahevitra iray izay mifanipaka amin'ny fampianaran'ny filazantsara, toy ny fanalan-jaza?"

Maro ny fomba azo hamaliana izany—na tsy hamaliana izany—arakaraky ny toe-javatra misy. Voalohany, eritrereto ny zavatra mety hitranga raha milaza na tsy milaza zavatra ianao. Raha toa ny fahanginanao mety mahatonga ny hafa hieritreritra fa manaiky zavatra izay fantatrao fa tsy mety ianao, dia azonao atao ny mitady fomba tsotra hampahafantarana ny tsy fiombonankevitrao. Raha toa eritreretinao fa hiteraka fifandirana fotsiny ny fanamarihana hataonao, dia azonao atao ny mitady fotoana hafa hanaovana fanamarihana. Na izany aza, raha mifanaja ny mpianatra ao amin'ny kilasinao ary raha mangataka fandraisana anjara ny mpampianatra, dia azonao atao ny mivavaka mba hahazo fitaoman'ny fanahy masina sy hanazava ny zavatra inoanao.

Azonao atao koa ny miomana dieny mialoha raha fantatrao fa hanao fifanakalozan-kevitra ny kilasinao momba ny lohahevitra iray. Ankoatra ny soratra masina sy ireo lahateny mandritra ny fihaonambe dia jereo ny *Ancrés dans la Foi, Manuel de Référence sur l'Evangile,* na *Jeunes Soyez Forts*. Azonao atao ihany koa ny mizatra manazava ilay lohahevitra mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Rehefa vonona ianao, dia miresaha amin'ny mpampianatra anao na amin'ireo mpiara-mianatra aminao.

*Ny fomba* hamalianao dia manan-danja toy ny *zavatra* lazainao. Manehoa fanajana ary miezaha tsy hampiasa ireo voambolana fampiasa ato am-piangonana. Avy hatrany dia tsy haharaka ireo mpiara-mianatra aminao raha vao miteny ianao hoe: "Ny mpanorohevitra iray ao amin'ny Zatovovavy ao amin'ny paroasiko dia nampianatra ahy fa . . ."

Ny zavatra manan-danja indrindra dia ny fahafantaranao izay ampianarin' ny Fiangonana sy izay lazain'ny Fanahy Masina amin'izay ianao tsy ho diso fanantenana amin'ireo fahadisoana izay mety ho renao na novakianao tany am-pianarana.



### Mahalalà Fomba

Tsapako fa tokony hizara ny fomba fijeriko amim-pahalalam-pomba aho ary milaza ihany koa ny antony hinoako azy ireny. Mihevitra aho fa tsy mila manao izay hitovian'ny hafa fomba fijery amiko, kanefa mino aho fa tokony ho fantatr'izy ireo ny foto-kevitra ijoroako momba ny lohahevitra sasantsasany ary tokony ho takatr'izy ireo ny fomba fijeriko.

*Sabrina S., 16 taona, Oregon, États-Unis*

### Tsarovy hoe Iza no Isoloanao Tena

Rehefa miatrika ireo toe-javatra ireo ianao, dia miezaha mahatsiaro fa ny hafa dia mety tsy mitovy fahatsapana aminao momba ilay lohahevitra. Aza mianjonanjona na manery ny hafa, kanefa aza matahotra ny hiaro ny zavatra inoanao. Tsarovy fa misolo tena an'i Kristy ianao.

*Madeline K., 16 taona, Wyoming, États-Unis*

### Sorohy ny Fifandirana

Hanazava ny hevitro aho, hiaro ireo fitsipika arahiko sy ireo fotopampianaran'ny Fiangonana, sady hanaja ny hevitry ny hafa. Tsy hifanditra aho satria hampiala ny Fanahy Masina izany, kanefa izy no afaka hitaona ny hafa amin'ny fomba tsara.

*Daiana V., 15 taona, Buenos Aires, Argentine*



### Manajà ny hafa

Zava-dehibe ny manao izay hihainoan'ny olona ny tenantsika, kanefa zava-dehibe ihany koa ny manaja ny finoan'ny hafa. Aza miady hevitra. Ny ady hevitra dia miteraka fananana fahavalo sy fisafotofotoana. Raha misy hevitra resahana ka mifanohitra amin'ny fivavahanao, dia mitonia, mifantoha, manajà



*Ireo valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran' ny Fiangonana.*

ny hafa, ary aza adino ny mihaino ny Fanahy Masina. Misy zavatra tsy takatsika fa takatr'Andriamanitra. Tokony hihaino sy hianatra avy amin'ny Fanahy Masina isika.
*Hannah M., 18 taona, Utah, États-Unis*



### Ampio ny Hafa mba Hieritreritra Izay tena Marina

Zarao an-kitsimpo ny fahatsapanao. Maro ireo lohahevitra any an-tsekoly, toy ny fanalan-jaza, izay iadiana hevitra tokoa, noho izany aza menatra ny hiteny. Fahafahana tsara izany hizarana ny filazantsara sy ireo fenitra izay inoantsika. Raha mizara ny zavatra inoanao ianao, dia afaka hanampy ny hafa mba hieritreritra izay tena marina.
*Madison R., 14 taona, Caroline du Nord*

### Ahitsio ireo Fotopampianarana Diso

Ao anatin'ny Fiangonona izay mamporisika ny asa fitoriana isika ary ao anatin'izany isika rehetra dia antsoina mba hitory; noho izany dia tsy afaka hamela ny fotopampianarana diso hiparitaka isika. Amin'ny toe-javatra toy izany, dia tokony hiloa-bava isika mba hanitsiana ny fotopampianarana diso sy hanampiana ny olona hahatakatra ny fomba fijerin'ny filazantsara tafaverina amin'ny laoniny momba izany lohahevitra izany.
*David M., 16 taona, Kasaï-Occidental Province, République Démocratique du Congo*




### Fantaro ny Foto-kevitra Ijoroan'ny Fiangonana

Nanatrika fampianarana taranja iray aho izay matetika nahitana fifanankalozan-kevitra momba ny lohahevitra mampizarazara. Ny zavatra tokony hatao voalohany dia ny manaja ny finoan'ny hafa, tahaka ny tianao hataon'ireo mpiara-mianatra aminao. Raha toa mifanohitra mivantana amin'ny Fiangonana ilay lohahevitra, dia aza misalasala milaza ny hevitrao. Tsy voatery hanonona ny Fiangonana ianao ao anatin'ny valinteninao. Na izany aza, fantaro tsara ny foto-kevitra ijoroan'ny Fiangonana momba ireny zavatra ireny.
*Joseph Z., 18 taona, Maryland, États-Unis*

### Zarao ireo Zavatra Ampianarin'ny Fiangonana

Miezaka ny mamaly fanontaniana toy izany amin'ny faran'ny tsara indrindra vitako aho satria ireo namako sy mpampianatra ahy dia tsy mahafantatra, raha tsy ambarako aminy, ny hevitra ijoroan'ny Fiangonana mikasika ny lohahevitra tahaka izany. Rehefa manao izany ianao dia afaka mahafantatra izy ireo raha ilaina izany any aoriana, ary hahazo tombontsoa ara-panahy ianao. Tsarovy ny hoe: "Aoka hazava eo imason' ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo izay any an-danitra" (Matio 5:16).
*Joshua M., 16 taona, Manchester, Angleterre*



### MIORENA MAFY TSARA

"Ny andraikitsika dia ny manazava ny hevitsika amimpisainana tsara sy amin'ny alalan'ny fandresen-dahatra feno fitiavana, ary filazana zavatra tena mitombina. Ny andraikitsika dia ny miorina mafy tsara sy tsy mihozongozona eo anatrehan'ny resaka mikasika ny fahadiovampitondrantena amin'izao fotoana izao sy ireo fitsipika mandrakizain'ny filazantsara, kanefa tsy mifanditra amin'ny olona na amin'ny fikambanana. Ny fifandirana dia mampizarazara ny olona. Ny fitiavana dia mitondra fahafahana hifampiresaka."

**Ny Loholona Marvin J. Ashton (1915–94) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "No Time for Contention," *Ensign*, Mey 1978, 8.**

## FANONTANIANA HO AVY

"Ahoana no hahafahako hahazo aina tsara raha hiresaka olana amin'ny evekako?"

Alefaso ny valinteninao ary, raha tianao, dia ampiaraho amin'ny sary tsara kalitao na "à haute résolution" izany alohan'ny 15 Mey 2014, any amin'ny liahona@ldschurch.org na alefaso amin'ny paositra (jereo ny adiresy ao amin'ny pejy 3).

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

Tsy maintsy hita ao amin'ny e-mail na taratasy alefanao ireto fampahalalana ny mombamomba anao manaraka ireto sy ny fanomezan-dalana: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatòka na distrika, (5) ny fanomezanao lalana natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan'ny ray aman-dreninao (ekena ny fandefasana izany amin'ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.

IREO LESONA ALAHADY

Ny Lohahevitra amin'ity Volana ity: Ny Apôstazia sy ny Famerenana amin'ny Laoniny

# MARINA sa DISO?

*Indraindray sarotra ny manavaka ny marina amin'ny fahadisoana, kanefa ny Raintsika any an-danitra dia nanome antsika fanomezana mahery vaika mba hanampiana antsika hahay hanavaka ny fahamarinan'Andriamanitra amin'ireo laingan'i Satana.*

**Nosoratan' i David A. Edwards**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Raha efa nanao fitsapam-pahaizana amin'ny alalan'ny fanontaniana misy safidy hoe marina sa diso ianao, dia fantatrao fa sarotra ny mamantatra ny zavatra diso. Tahaka izany koa amin'ireo fanontaniana manan-danja momba ny finoana, sy ny zavatra inoana, ary ny fiainana andavanandro, dia tsy mora foana ny milaza ny fahasamihafana eo amin'ny marina sy ny tsy marina na dia tena manan-danja tokoa aza ny fahafahana manao izany.

Na izany aza, dia tsy tokony hatahotra tahaka ny olona izay tsy nanomana ny fitsapam-pahaizana isika. Ny Raintsika any an-danitra

**Ireo Karazana Fandisoan-kevitra**

Voalohany, mba hanehoana zavatra iray, dia indro misy fanontaniana kely mampisafidy hoe marina sa diso ho anao:



1 Maitso ny volana.

❍ MARINA

❍ DISO

2 Neil Armstrong, ilay mpanamory ny sambon-danitra Apollo 12 izay olona voalohany nanitsaka ny volana, dia nilaza fa izany zavatra izany dia "dingana lehibe ho an'ny olombelona."

❍ MARINA ❍ DISO



3

Ny National Aeronautics and Space Administration (NASA) dia tsy afaka nankeny amin'i Mars tamin'ny taona 1969, noho izany dia voatery nankeny amin'ny volana izy ireo.

❍ MARINA ❍ DISO



4

Ny rivotry ny masoandro, ny hery entin'ny taratra, ireo "rayons cosmiques," sy ireo sakana hafa dia tsy ahafahana mankeny amin'ny volana, sady ilay sary koa toa nisy namboarina ary tsy mifanaraka tsara amin'ny antsipiriany sasany ny fitantaran'ireo izay nanatrika ny zava-niseho, noho izany dia zavatra namboarimboarin'ny governemanta amerikana daholo izany rehetra izany.

❍ MARINA ❍ DISO

**Ireo lainga amin'izao vanim-potoana misy antsika izao**

Raha mikasika ireo zavatra izay misy fiantraikany amin'ny eritreritrao, ny zavatra inoanao, ny safidinao, ary ny fihetsikao—ireo zavatra izay mety hiteraka vokany mandrakizay—dia mahasoa ny mamantatra ireo karazana fandisoan-kevitra, satria i Satana, "ilay rain'ny lainga" (2 Nefia 9:9), dia hampiasa izay fomba rehetra azony ampiasaina mba hamitahana antsika. Ireto misy ohatra vitsivitsy maneho ny fomba fanaony amin'izao fotoana izao, miaraka amin'ny ohatra maneho ny fomba ahafahantsika mamaly miaraka amin'ny fahamarinana.

dia nanome antsika fanomezana maro mba hanampy antsika hamantatra ny fahamarinana sy ny laingan'ilay fahavalo.

Ny valin'ny fanontaniana tsirairay dia *Diso,* ary ireo fanontaniana ireo dia maneho ny karazana fandisoan-kevitra mety ho hitanao.

Ny Fanontaniana 1 dia *tsy fahamarinana tsotra izao,* fahadisoana miharihary. Ny Fanontaniana 2 dia *ampahana fahamarinana,* izay mamitaka, satria mampiaraka fahamarinana iray na mihoatra amin'ny hevi-diso (Apollo 11 no izy, fa tsy Apollo 12—tratra ianao!). Ny Fanontaniana 3 dia ahitana *fisampan-droa diso,* na toe-javatra hanomezana safidy roa kanefa tsy ireo safidy ireo ihany no hany misy (afaka nisafidy ny tsy handeha na aiza na aiza ny NASA). Ny Fanontaniana 4 dia *fanohanan-kevitra "mitombina",* izay ahitana porofo maro toa azo ekena nefa matetika diso mba hahafahana mankany amin'ny tsoa-kevitra diso.

**Tsy Fahamarinana Tsotra Izao**

**Hevitra Diso:**
Ny pôrnôgrafia dia zavatra mety ary tsy manimba na iza na iza.

**Ny Vokatra Aterak'izany (Lainga Be):**
Mandehana mijery pôrnôgrafia.

**Ny Fahamarinana:**
Ny pôrnôgrafia dia manova ny fomba fijerintsika ny firaisana ara-nofo, mety miteraka fiankinan-doha, tena manimba antsika ara-panahy, ary mety hanimba ny fifandraisana aman'olona.

**Ampahana Fahamarinana**

**Hevitra Diso:**
Ny olona tsirairay dia miavaka ary afaka miaina araka izay safidiny, noho izany ny fahatsapanao sy ny fomba hanehoana hevitra no zavatra manan-danja indrindra eo amin'ny fiainanao.

**Ny Vokatra Aterak'izany (Lainga Be):**
Tsy tokony hamela an'Andriamanitra sy ny Fiangonana hilaza izay tokony ho fomba fiainanao ianao, noho izany ataovy izay tianao raha toa mahafinaritra anao izany.

**Ny Fahamarinana:**
Isika tsirairay dia zanaka iray miavaka an'ny Ray any andanitra, izay maniry antsika mba hahatratra ny tsara indrindra sy mba ho tonga tahaka Azy. Ny fankatoavana ireo didiny dia manampy antsika hahazo ilay fifaliana faratampony.

SARY AVY AMIN'NY ISTOCK/THINKSTOCK

**Ahoana no Ahafantarana ny Fahamarinana**

Araka izany, avy aiza no hahazoana ny tena fahitana ny fahamarinana? Ahoana no hahaizantsika mamantatra ireo hevi-diso? Ireto misy fanomezana mahery vaika vitsivitsy izay nomen'ny Ray any an-danitra antsika mba hanavahana ny marina sy ny diso.

- ***Ny Fahazavan'i Kristy.*** "Ny Fahazavan'i Kristy . . . dia mitaona ny olona rehetra manantsaina maneran-tany hanavaka ny fahamarinana sy ny fahadisoana, ny marina sy ny diso. Izy io dia mampiasa ny feon'ny fieritreretanao."[1]
- ***Ny Fanahy Masina.*** "Ny Fanahin'ny fahamarinana . . . no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra" (Jaona 16:13).
- ***Ny Soratra Masina.*** "Mampiasa ny soratra masina Andriamanitra mba hanitsiana ny fomba fieritreretana diso, ny fombafomba diso, sy ny fahotana miaraka amin'ny vokany mitondra faharavana."[2] Manan-danja manokana ny Bokin'i Môrmôna amin'izany, satria izy dia "mahavery hevitra ireo fahavalon'i Kristy. Mandrava ireo fotopampianarana sandoka izy io ary mampitsahatra ny fifandirana. (Jereo ny 2 Ne. 3:12.)"[3]
- ***Ireo Mpaminany amin'izao andro izao.*** "Ny adidin'[ny mpaminany] dia ny mampahafantatra amin'ny olona ny sitrapon'Andriamanitra sy ny tena toetran'Andriamanitra. . . . Miampanga ny fahotana ny mpaminany ary manambara mialoha ny vokatra aterany."[4]
- ***Fanabeazana.*** "Ny olomasina . . . [dia mikatsaka] ny fianarana amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana. Ny fanabeazana . . . no mahatonga ny olona ho afaka hamantatra ny marina sy ny fahadisoana, indrindra amin'ny alalan'ny fandalinana ny soratra masina. (Jereo ny F&F 88:118.)"[5]

Na dia mety tsy ho mora hatrany aza ny mamaly hoe *Marina* na *Diso* rehefa manoloana ireo hevitra isan-karazany eo amin'izao tontolo izao ianao, dia afaka manampy anao hamantatra ny fahamarinana ireo fanomezana nomen'ny Ray any an-danitra anao. ■

**FANAMARIHANA**

1. Richard G. Scott, "Peace of Conscience and Peace of Mind," *Liahona,* Nôv. 2004, 15.
2. D. Todd Christofferson, "Ireo Fitahian'ny Soratra Masina," *Liahona,* Mey 2010, 33–34.
3. Ezra Taft Benson (1899–1994), "The Book of Mormon Is the Word of God," *Ensign,* Mey 1975, 64.
4. Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Mpaminany," scriptures.lds.org.
5. Russell M. Nelson, "Thus Shall My Church Be Called," *Ensign,* Mey 1990, 16.

**Fisampan-droa Diso (Safidy Roa ihany)**

**Hevitra Diso:**
Ny fampianaran'ny Fiangonana dia manohitra ny fomba fiainana sasantsasany; noho izany, tsy milefitra ny fiangonana sady mankahala olona— tsy mahay manaiky sady tsy mitia olona ny fiangonana.

**Ny Vokatra Aterak'izany (Lainga Be):**
Mendrika ny ho tsikeraina sy hihomehezana, ary ho melohina ny Fiangonana satria tsy milefitra sy feno fankahalana, noho izany azonao atao ny miala aminy.

**Ny Fahamarinana:**
Ny tsy fanekena ny fomba fiainan'ny olona iray dia tsy mitovy amin'ny fankahalana sy tsy fandeferana. Azontsika atao ny maneho fangorahana, fanajana, na hatsaram-po amin'ny rehetra—tafiditra ao anatin'izany ny olona izay manana fomba fiaina mifanohitra amin'ny lalàn'Andriamanitra—kanefa mijanona ho mahatoky amin'Andriamanitra sy ireo didiny.

**Fanohanan-kevitra "mitombina"**

**Hevitra Diso:**
Misy zavatra sasantsasany izay lavin'ny porofo entin'ny siansa amin'izao fotoana izao ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ary tsy mifanaraka tsara ny fitantarana ny fomba nandikana azy, noho izany dia mety noforonin'i Joseph Smith izany na mety nalainy tahaka tany ho any.

**Ny Vokatra Aterak'izany (Lainga Be):**
Tsy marina ny Bokin'i Môrmôna ary tsy mpaminany i Joseph Smith, noho izany mialà amin'ny Fiangonana.

**Ny Fahamarinana:**
Milaza zavatra maro momba ny Bokin'i Môrmôna ny siansa, ary ny "porofo" entiny manohitra azy dia tsy tomombana. Ny porofo manan-danja indrindra ho an'izany anefa dia ny fijoroana ho vavolombelon'ny Fanahy Masina izay milaza aminao fa marina izany ary mpaminany marina i Joseph Smith.

**MANDRAISA ANJARA AMIN'NY FIFANAKALOZAN-KEVITRA**

**Ireo Zavatra ho Saintsainina ho an'ny Alahady**

- Ahoana no nanampian'ny Ray any an-danitra anao hamantatra ny fahamarinana?
- Ahoana no hanoheranao ny fahadisoana?
- Ahoana no ahafahanao mamporisika ny hafa hamantatra ny fahamarinana?

**Ireo Zavatra Azonao Atao**

- Zarao rehefa any ampiangonana ny fomba nahatonga anao hino fa marina ny filazantsara tafaverina amin'ny laoniny.
- Zarao any anatin'ireo fitaovampifaneraserana ara-tsôsialy ny fahamarinana iray sy ny fomba nahafantaranao azy io.



**Nosoratan'ny Loholona Enrique R. Falabella**
Ao amin' ny Fitopololahy

# "Mora Be Izy Izany ry Dadabe!"

*"Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy" (Jaona 5:39).*

Tiako ny Bokin'i Môrmôna sy ny Mpamonjiko, Jesoa Kristy. Nanontany an'i Raquel zafikeliko aho indray andro hoe ahoana ny heviny raha mametraka tanjona hamaky ny Bokin'i Môrmôna izy. Vao avy nianatra namaky teny i Raquel.

"Ka sarotra be ange ilay izy ry Dadabe e!" hoy izy, "Ngeza be ilay boky."

Avy eo dia nasaiko namaky pejy iray ho ahy izy. Naka famantaranandro fandrefesam-potoana aho ary nanisa ny fotoana namakiany izany. Telo minitra fotsiny no laniny namakiana ilay pejy.

Namaky ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny teny Espaniôla izahay, ary ny Bokin'i Môrmôna amin'ny teny Espaniôla dia misy pejy 642. Nolazaiko izy fa mila 1.926 minitra izy hamakiana ilay boky manontolo.

Mety mbola nampatahotra azy bebe kokoa izany ka noho izany dia nozaraiko 60 minitra ilay isa. Nolazaiko azy fa adiny 32 fotsiny no ilainy hamakiana ilay boky. Iray andro sy tapany latsaka!

Avy eo dia hoy izy tamiko hoe: "Mora be izy izany ry Dadabe!"

Nandany fotoana bebe kokoa noho izany i Raquel sy i Esteban anadahiny ary ireo zafikelinay hafa hamakiana ny Bokin'i Môrmôna. Ny antony dia satria rehefa mamaky izany isika, dia mila mivavaka sy maka fotoana hieritreretana izay zavatra novakiantsika.

Tahaka an'i Raquel sy i Esteban, dia afaka mianatra ny mitia ny soratra masina isika rehetra. Avy eo isika tsirairay dia afaka hilaza hoe: "Endrey ny hamamin'ny teninao, raha andramako! Mihoatra noho ny tantely ato am-bavako aza!" (Salamo 119:103.). ■

*Avy amin'ny lahateny iray tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana Aprily 2013.*



SARY NATAON'I JAMES L. JOHNSON

# Ny Fampanantenana



**Nosoratan'i Carole M. Stephens**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany



SARY NATAON'I MATT SMITH

Rehefa nody mandry ny rafozandahiko dia nivory niaraka ny fianakaviako niarahaba ireo olona tonga niara-ory taminay. Nandritra ny takariva, teo am-pitafatafana tamin'ny fianakaviana sy ny namana aho dia nahatsikaritra matetika an'i Porter zafikelinay 10 taona nijoro teo akaikin'ny rafozam-baviko—ny "renibeny." Indraindray izy nijoro taoriany, nikarakara azy. Hitako ny sandriny indray mandeha nifandray tamin'ny an'ny renibeny. Tazako izy nipaipaika ny tanany, namihina kely azy ary nijoro teo akaikiny.

Nandritra ny andro maromaro taorian'ity zava-nitranga ity dia tsy nety afaka tao an-tsaiko ity sary ity. Nisy zavatra nanosika ahy handefa taratasy ho an'i Porter, hilazana aminy izay zavatra tsikaritro. Nandefa email taminy aho ary niteny taminy izay hitako sy tsapako. Nampahatsiahiviko an'i Porter ireo **fanekempihavanana** nataony tamin'ny batisa, ka nitanisa ireo tenin'i Almà ao amin'ny Môsià toko faha 18 aho:

"Ary ankehitriny, satria maniry ianareo ny ho tonga ao amin'ny valan'Andriamanitra sy hantsoina hoe vahoakany ary te hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany;

"Eny, te hiara-malahelo amin'izay malahelo; eny, ary hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra izay mety hisy anareo, na dia hatramin'ny fahafatesana aza, . . . ka hahazoanareo ny fiainana mandrakizay—

". . . Raha izany no fanirian' ny fonareo, inona no misakana ny tsy anaovana batisa anareo amin' ny anaran' ny Tompo ho vavolombelona eo anoloany fa efa nanao **fanekempihavanana** Taminy ianareo, fa hanompo Azy

# nataon'i Porter

Ny fanekempihavanana dia fampanantenana ataonao sy ny Ray any an-danitra

sy hitandrina ny didiny mba hahazoany mampidina bebe kokoa ny Fanahiny aminareo?" (andininy faha 8–10).

Nanazava tamin'i Porter aho fa i Almà dia nampianatra fa ireo izay te hatao batisa dia mila vonona hanompo ny Tompo amin'ny alalan'ny fanompoana ny hafa—mandritra ny androm-piainanao manontolo! Hoy aho hoe: "Tsy fantatro raha azonao an-tsaina fa ny fomba nampisehoana fitiavana sy fiahiana ho an'i Nenibe dia fitandremana ny **fanekempihavananao.** Mitandrina ny **fanekempihavanantsika** isika isan'andro rehefa tsara fanahy sy mampiseho fitiavana, ary mifampikolokolo. Tiako ho fantatrao fotsiny fa tena faly aminao aho satria mpitandrina **fanekempihavanana** ianao! Rehefa mitandrina ny **fanekempihavanana** nataonao tamin'ny batisa ianao, dia ho vonona ny haroso amin'ny fisoronana. Izany **fanekempihavanana** fanampiny izany dia hanome fahafahana bebe kokoa ho anao hitahiana sy hanompoana ny hafa ary hanampy anao hiomana amin'ireo **fanekempihavanana** hataonao any amin'ny tempoly. Misaotra anao mampiseho ahy hoe ohatry ny ahoana izany olona mpitandrina **fanekempihavanana** izany!"

Namaly i Porter hoe: "Misaotra anao ry Bebe tamin'ny hafatrao. Rehefa namihina an'i Nenibe hatrany aho dia tsy nahafantatra hoe nitandrina ny **fanekempihavanako,** kanefa nahatsapa mamaivay tao ampoko aho ary nanana fahatsapana tsara. Fantatro fa ny Fanahy Masina tao am-poko izany."

Nahatsapa mamaivay ihany koa aho rehefa tonga saina fa takatr'i Porter ny fifandraisana misy eo amin'ny fitandremana **fanekempihavanana** sy ilay fampanantenana hoe mba "hananan[tsika] mandrakariva ny Fanahy miaraka [amintsika]" [F&F 20:77]. Izany dia fampanantenana iray izay tanteraka amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina. ■

*Avy amin'ny "Misy Antony Lehibe Hifaliantsika,"* Liahona, *Nôv. 2013, 115–116.*

## Aoka Ianao ho Mpitandrina ny Fanekempihavanana!

### Rehefa atao batisa aho, dia mampanantena ny . . .

Hampiseho fitiavana sy hatsaram-panahy,

Hampionona ireo izay malahelo,

Hanaja ireo didin'ny Ray any an-danitra,

Ary hiresaka momba ny Ray any an-danitra amin'ny hafa.

### Ny Ray any an-danitra kosa avy eo dia mampanantena ahy . . .

Fa hanana hatrany ny Fanahy Masina aho!


Sonia,

______________________________



Mianara bebe kokoa momba ny lohahevitry ny Kilonga amin'ity volana ity!

# Ny Fianakavana no Ivon'ny Drafitry ny Ray any an-danitra



Nosoratan'i Jan Taylor

I Misha dia tia manangana tilikambo amin'ny kilalao miendrika biriky, saingy indraindray izy dia sorena rehefa mianjera amin'ny tany ireo kilalao miendrika biriky ireo. Avy eo izy dia nianatra tsiambaratelo. Rehefa mampiasa kilalao miendrika biriky maromaro kokoa izy eny amin'ny fototr'ilay tilikambo, dia manome fototra mafy orina kokoa ho an'ilay tilikambo izany. Nila faharetana sy fanazaran-tena izany, saingy tsy ela dia afaka nanorina tilikambo izay tsy mora mianjera izy.

Tahaka ny nianaran'i Misha hanangana tilikambo mafy orina kokoa, dia afaka mianatra manangana fianakaviana mafy orina kokoa isika. Manana anjara toerana lehibe ny fianakaviana ao amin'ny drafitry ny Ray any an-danitra ho antsika. Talohan'ny nahaterahantsika, dia efa niaina isika ka zanakavavy sy zanakalahin'Andriamanitra izay niendrika fanahy isika. Rehefa tonga ny fotoana hahatongavantsika ety an-tany, dia nanao drafitra ho antsika Izy mba ho tonga ao amin'ny fianakaviana. Tiany hiaro antsika, sy hampianatra antsika, ary hanampy antsika hiverina any Aminy ny fianakaviantsika.

Azontsika atao ny miezaka manome fototra mafy orina kokoa ho an'ny fianakaviantsika. Afaka mizatra mifanompo sy mifanampy isika. Afaka mifampihaino sy mifampiresaka am-pitiavana isika. Afaka miara-mivavaka sy mandalina ny soratra masina isika. Afaka miara-miasa isika sy maka fotoana iarahana manao zavatra izay mahafinaritra antsika. Afaka manangana fianakaviana mafy orina kokoa isika amin'ny alalan'ny faharetana sy ny fanazaran-tena. ■

SARY NATAON'I JENNIFER EICHELBERGER

## HIRA SY SORATRA MASINA

- "Ensemble à Tout Jamais," (*Chants Pour les Enfants,* 98)
- Lioka 6:47–49

## SOSOKEVITRA HO AN'NY RESADRESAKY NY MPIANAKAVY

Afaka miara-mamaky ny Lioka 6:47–49 ny fianakavianao. Avy eo azonareo atao ny miresaka momba ny zavatra ampianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo antsika mikasika ny fianakaviana. Ahoana no nifanampian'ny fianakavianao nandritra ny fotoan-tsarotra? Inona no azonao atao mba hananganana fototra mafy orina kokoa?



## MANAMAFY ORINA NY FIANAKAVIANTSIKA

Afaka manao sary lehibe ianao hanampiana ny fianakavianao ho lasa mafy orina kokoa!

- Asaivo ampian'ny olon-dehibe ianao manapaka ireo sarin'ny kilalao miendrika biriky. Apetaho amin'ny lakôly eo amin'ny taratasy iray ireo izay maneho zavatra efa ataon'ny fianakavianao. Ireo kilalao miendrika biriky ireo dia haneho ny fototra iorenan'ny fianakavianao.
- Misafidiana kilalao miendrika biriky iray hafa izay maneho zavatra iray izay tian'ny fianakavianao hatao na hatao tsaratsara kokoa. Rehefa tratranao izany tanjona izany, dia ampifanaingeno eo amin'ny tilikambonao. Apetaho amin'ny toerana mora hitan'ny rehetra ilay sary lehibe, ary tehirizo ireo kilalao miendrika biriky hafa mba hanaovana izay hampahamafy orina ny fianakavianao!

Fiaraha-mivavaky ny mpianakavy

Miara-misakafo hariva

Takarivan'ny mpianakavy

Miara-milalao

Fandalinan'ny mpianakavy ny soratra masina

Mamangy olona marary iray

Manoratra taratasy ho an'ny misiônera

Mianatra tantara momba ireo razambentsika


Soraty eo amin'ireo kilalao miendrika biriky izay tsisy soratra ny hevitrao manokana

# Ny batisa no toerana iaingana ao anatin'ilay dia ataontsika amin'ny mahampanara-dia an'i Kristy antsika.

Filoha Dieter F. Uchtdorf
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany
Avy amin'ny fihaonamben'ny fiangonana Ôktôbra 2013



SARY NATAON'I SCOTT GREER



**Nosoratan'ny Loholona Terence M. Vinson**
Ao amin' ny Fitopololahy

Inona ireo zavatra vitsivitsy izay tena sarotra aminao ny manao azy?

Ahoana no ahafahanao mangataka ny fanampian'ny Ray any an-danitra rehefa manao zavatra sarotra?

Iza koa no azonao angatahana fanampiana?

# Mamindra ilay Vato

Indray andro nisy zazalahy iray niezaka nampalama ilay toerana nisy vovoka tao ambadiky ny tranony mba hahafahany milalao ny fiara kilalaony eo. Nisy vato lehibe iray nanakantsakana ny asany. Nanosika sy nisintona tamin'ny heriny manontolo ilay zazalahy. Saingy tsy nihontsona ilay vato na niezaka toy ny inona aza izy.

Nijery elaela ny rainy. Nanatona ny zanany izy avy eo ka niteny hoe: "Mila mampiasa ny tanjakao rehetra ianao raha te hamindra vato lehibe toy ity."

Namaly ilay zazalahy hoe: "Efa nampiasa ny tanjako rehetra aho!"


Nanitsy azy ny rainy: "Tsia, tsy nanao izany ianao. Tsy mbola nahazo fanampiana avy amiko ianao!"

Dia niara-niondrika izy ireo ary namindra mora foana ilay vato.

Tian'ny Tompo isika hianteha-tra Aminy amin'ny famahana ireo olantsika. Amin'izay isika dia afaka ny hahatsapa ny fitiavany amin'ny fomba maharitra kokoa, mahery kokoa, mazava kokoa, ary ho an'ny tenantsika manokana kokoa. Lasa miray hina Aminy isika, ary afaka ny tonga tahaka Azy. ■

*Avy amin'ny "Manakaiky Bebe Kokoa an'Andriamanitra,"* Liahona, *Nôv. 2013, 105.*

SARY NATAON'I GUY FRANCIS



# Dria no anarako ary avy any Philippines aho

## *Mabuhay, Kaibigan!**

**Avy amin'ny fanadihadiana nataon'i Amie Jane Leavitt**

Efa nanonofy hipetraka any amin'ny nosy iray ve ianao? Alejandria ihany ity, saingy Dria no hiantsoan'ny fianakaviany sy ny namany azy mba hanafohezana izany. Mipetraka any amin'ny nosin'i Cebu any Philippines izy miaraka amin'ny mamany sy ny dadany ary ny rahavaviny anankiroa. Manana zoky lahy ihany koa izy, saingy maty izy io talohan'ny nahaterahan'i Dria. "Fantatro fa mbola ao anatin'ny fianakavianay izy, ary hahita azy aho indray andro any satria ny fianakaviana dia mandrakizay," hoy izy. ■

* *"Manao ahoana ry namana!" amin'ny fiteny Tagalog.*

***Anisan'ny zavatra tiako atao ny mandihy. Mpandihy ballet aho. Amin'ny herintaona aho dia manantena ny hiakatra any amin'ny ambaratonga manaraka, dia ny "pointe" izany. Izany dia midika fa mila manao kiraro fanaovana "ballet" aho izay hanampy ahy handihy mitsingitsingina amin'ny rantsantongotro.***



***Misy nosy mihoatra ny 7.000 any Philippines, noho izany dia misy toerana kanto maro azo tsidihina. Akaiky ny moron-dranomasina ny tranonay, ary tiako ny milalao ranomasina. Anisan'ny zavatra tiako atao ny milomano. Izaho ihany aza no nampianatra ny tenako!***

SARIN'NY KITAPO NATAON'I THOMAS CHILD; FITOMBOKA EO AMIN'NY PASIPAORO NATAON'I ASHLEY TEARE



Tiako ny mandeha mitsidika moron-dranomasina isan-karazany miaraka amin'ny fianakaviako. Indray mandeha izahay dia nankany Palawan—nosy iray izay manana ny renirano ambanin'ny tany lehibe indrindra manerana izao tontolo izao. Nandeha nanao antsitrika tany aho niaraka tamin'ny fitaovana fanaovana antsitrika ary nijery ireo trondro maro loko.



*Indray andro tany antsekoly, dia nisy mpiara-mianatra vitsivitsy nilaza fa tsy mino an'Andriamanitra ireo Môrmôna. Nolazaiko azy ireo fa mino isika. Ny ampitson'iny aho dia nitondra karatra kely misy ny sarin'i Jesoa eo anoloana sy ireo Fanekempinoana ao ambadika. Rehefa nijery ilay sary sy namaky ny sasany tamin'ireo zavatra inoantsika ny mpiara-mianatra amiko, dia faly izy ireo nahafantatra fa mino an'Andriamanitra isika.*




# TE HAHITA NY TEMPOLY AHO



*Sambatra izahay fa mipetraka eo akaikin'ny tempolin'i Cebu City any Philippines. Afaka nitsidika ny tempoly niaraka tamin'ny fianakaviako aho talohan'ny nitokanana azy. Tena toerana kanto sy feno fahatoniana izany. Feno fankasitrahana aho hoe noho ireo tempoly, dia afaka hiaraka mandrakizay ny fianakaviako.*





## VONONA NY HANDEHA!

*Ny kitapon'i Dria dia feno zavatra izay anisan'ny tiany indrindra. Iza amin'ireto zavatra ireto no hataonao ao anatin'ny kitaponao?*



# Mieritreritra an'i Jesoa

Nataon'i Mabel Jones Gabbott




Tsy tokony ho sarotra ny mipetraka mangina tsara sy
mieritreritra an'i Jesoa, ny hazo fijaliany teo amin'ny tendrombohitra,
Ary ny zavatra rehetra niaretany sy nataony ho ahy.
Tsy tokony ho sarotra ny mipetraka mangina tsara.

SARY NATAON'I KATIE MCDEE

Mieritreritra ireo
kilaometatra nodiaviny tao
anatin'ny vovoka aho,



sy ireo ankizy izay
nampiany mba hitia
sy hahatoky;



Tsy tokony ho sarotra ny mipetraka eo amin'ny sezako,
mihaino amim-panajana, sy tsy manetsiketsika ny tongotro.
Tsy tokony ho sarotra, na dia mbola kely aza aho,
ny mieritreritra an'i Jesoa, tsy sarotra mihitsy. ■



# FOTOANA IRAY MANOKANA HIERITRERETANA AN’I JESOA KRISTY

*Ny fivorian’ny fanasan’ny Tompo dia fotoana iray manokana natao hipetrahana amim-pahanginana sy hieritreretana ny Mpamonjy.*



I Jesoa dia natao batisa tao amin’ny renirano Jordana.



Nanasitrana olona i Jesoa.



Nitia ny ankizy i Jesoa.



Nijaly sy maty ho antsika i Jesoa.



Nitsangana tamin’ny maty i Jesoa ny marainan’ny Paska.

Noho i Jesoa, isika koa dia ho velona indray!

Ataovy sary eto ny tenanao na apetaho eto ny sarinao.

*JOHN BAPTIZING JESUS*, NATAON’I HARRY ANDERSON; *CHRIST HEALING A BLIND MAN*, NATAON’I DEL PARSON; *STORY TIME IN GALILEE*, NATAON’I DEL PARSON; *GOLGOTHA*, NATAON’I SCOTT M. SNOW; *HE IS RISEN*, NATAON’I DEL PARSON

# MAHITA FANANTENANA AO AMIN'NY HO AVY

**Nosoratan'i Stan Pugsley**

Tamin'ny 12 Septambra 2001, izaho sy ny vadiko dia nivezivezy tao amin'ny hopitaly tany Tucson, Arizona, États-Unis niandry tao anaty fitaintainana ny fandehanan'ny fotoana rehefa niandry ny fahaterahan' ny zanakay lahy izahay. Ny fahitalavitray sy ny fahitalavitra rehetra tao amin'ilay hopitaly dia tsy nijanona namerimberina ny sarin'ny zavatra niseho ny andro talohan'io tany New York City—sarin'ireo tilikambo roa izay fahiny nijoro teo amin'ny lanitr'io tanan-dehibe io, kanefa nianjera sy lasa vovoka. Ireo sary, izay nalefa nandritra ny ora maro, dia nitondra fahakiviana ho anay. Toa izany no fotoana ratsy indrindra hahatongavan'ny zaza eto amin'izao tontolo izao—toa maizina sy mampatahotra izao tontolo izao.

Ny ampitso vao maraina dia teraka ny zanakay lahy. Rehefa nitrotro ilay zazakely aho, dia nieritreritra ireo trangan-javatra nahakivy izay niseho andro vitsivitsy lasa izay, trangan-javatra izay nahatonga ahy hahatsiaro ny afo tany amin'ny Parc National tany Yellowstone tamin'ny taona 1988. Efa ho ala 323.750 hektara no ravan'ny afo. Toa rava tanteraka ilay valan-javaboahary. Ny sary tamin'ny vaovao dia tsy nahitana afa-tsy tany main'ny afo sy setroka mainty eny amin'ny lanitra. Tsy nisy ezak'olombelona afaka namerina haingana ny zavatra simba. Toa tsy azo nampitahaina tamin'ny hery mandravan'ny afo akory ny fahafahan'ny zavaboahary miverina amin'ny laoniny indray.

Na teo aza izany dia nisy fahagagana niseho ny lohataona taorian'izany—nisy zavamaniry sy voninkazo kely nanomboka nitsiry teo amin'ilay tany may. Nitombo tsikelikely ny voninkazo sy kirihitra ary hazo izay nitsiry avy amin'ny tany. Ny fiverenan'ilay valan-javaboahary tamin'ny laoniny dia nandeha miadana sy feno pitsopitsony kely sy nahatalanjona, ary nampitolagaga ny vokatr'izany rehefa nandeha ny fotoana.



*Ilay rivotra izay mamely mafy sy hatahorantsika handrava antsika iny ihany no mitondra fahafahana hiova sy hivoatra.*

Mandritra ny fotoana feno tahotra izay toa mandrava antsika tahaka ilay afo miredaredan'i Yellowstone, fotoana izay ahitantsika fa ny finoantsika sy ny fanantenantsika dia voafetra ihany, dia tokony hahatsiaro isika fa misy fototra tsy azo hozongozonina ao ambanintsika, mahery lavitra noho izay mety ho herin'ny ratsy hatrehantsika. Manazava i Helamàna fa io fototra io dia ny "vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra." Raha mifikitra Aminy isika, ka "rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, eny, ny zana-tsipìkany ao amin'ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin'ny hantsan'ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan'ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy" (Helamàna 5:12).

Manoloana ny herin'ny ratsy izay mamely mafy sy ny fakam-panahin'izao tontolo izao, dia mety hieritreritra isika fa tsy mahatosika sy resy ilay hery mitarika avy amin'ny filazantsara izay kely sy tsotra. Mety hahatsapa ahiahy sy fahakiviana isika rehefa miandry ny hanitsiana ny ratsy, sy ny hanamaivanana ny fanaintainana, ary ny hamaliana fanontaniana, kanefa tsy mahita vokany. Ilay rivotra izay mamely mafy sy hatahorantsika handrava antsika iny ihany anefa no mitondra fahafahana hiova sy hivoatra ary ny hery lehiben'ny filazantsara dia miasa mangina ao ambanin'ny ilay tanin'ny fiainana ety an-tany, ary manomana tsirim-panantenana sy tsirim-piainana an'arivony. ■

*Monina any Arizona, États-Unis ny mpanoratra.*

SARY NATAON'I ERIC SWANSON




SARY NATAON'I ROBERT T. BARRETT

# HOWARD W. HUNTER

I **Howard W. Hunter** dia nahazo ny **Eagle Scout Award** (valisoa lehibe indrindra azo noho ny fahavitana fandaharan'asan'ny Skoto ho an'ny zatovolahy) tamin'ny faha 15 taonany. Zavatra tena nahaliana azy ny **tetiarana** ary matetika izy no nandany fotoana nanao fikarohana tao amin'ny tranombokin'ny Fiangonana momba ny tetiarana na namangy fianakaviana. Nandritra ny naha-Apôstôly azy, dia nanampy tamin'ny fisafidianana ny toerana hasiana ny **Brigham Young University Jerusalem Center** izy. Nandritra ny naha- Filohan'ny Fiangonana azy, dia namporisika ireo mpikambana izy mba hanao fitsaohana matetika any amin'ny tempoly ary nanokana ny **Tempolin'i Bountiful tany Utah** izy roa volana latsaka talohan'ny nahafatesany.

# Hita ao amin'ity Laharana ity koa

## HO AN'NY TANORA



Raha tsy Mibanjina afa-tsy ny

# Voninahitro

ny Masonareo

Miresaka momba ny hevitry ny hoe manaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy sy miaina ao anatin'ny fahamaotinana ireo tanora mpitovo avy amin'ny firenena maro.

pj. 40

## HO AN'NY ZATOVO

Maitso ve ny volana? Tsy marina ve ilay hoe fandehanana teny amin'ny volana? Ataovy ity fitsapam-pahaizana ity ary ianaro ny fomba hamantarana ny maha-samy hafa ny fahamarinan'Andriamanitra sy ny laingan'i Satana.




# MARINA sa DISO

pj. 64

## HO AN'NY ANKIZY

# "Mora Be Izany ry Dadabe!"

Ho gaga ve ianao raha hahafantatra fa azonao vakiana ao anatin'ny iray andro sy tapany ny Bokin'i Môrmôna.



pj. 67

MALAGASY
4 02109 84654 9

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY